# *Fanontaniana sy Valiny*

. . . eto, dia aforitro fotsiny ilay izy. Izao no voalaza:

**24b. Mila andro ve ianao hieritreretana an'ireo zavatra izay holazainao amin'ny hariva?**

Azo antoka fa tena hila andro iray izany, sa tsy izany?

Tsia, ry Kristiana, rahalahiko, tsy maka fieritreretana anankiray mihitsy aho ny amin'izay holazaiko eo amin'ny polipitra. Hamaky Soratra iray aho any ho any. Ary izaho—efa nanao filazana imbetsaka aho fa handeha eny amin'ny polipitra aho, hitory eo amin'ny lohahevitra iray, tonga eo, ny Fanahy Masina no manodina ahy avy hatrany, manao ahy hanao zavatra hafa.

Efa indroa na intelo aho no nanandrana nanoratra naoty sy nitory teo amin'ireo naoty. Raha mbola mijery an'ireo naoty ireo foana aho, dia manao ny saiko ho lavitra an'Andriamanitra. Noho izany dia tsy maintsy mandroso fotsiny aho ka mandrodana azy ireo sy manipy azy ireo ary na inona na inona Lazainy fotsiny. Indraindray aho dia manomboka ao amin'ny Genesisy ary mamarana ao amin'ny Apokalypsy, izaho . . . Noho izany aho dia tsy tena—tena mpitoriteny iray loatra mihitsy mba—mba . . . Tsy maintsy maka ny hafatro avy any Ambony aho.

Ary izaho—namaky Soratra iray aho, araka ny nolazaiko, mikasika ny mariky ny bibidia. Izaho . . . Ny vadiko, ny reniko, ary ireo izay mahafantatra, ny rafozam-baviko mipetraka eto, izay any an-trano amin'ny fotoana iray, izaho fotsiny, eo amin'ny telo ora eo ny tolakandro, manomboka mivavaka aho. Miditra aho, manomboka mivavaka. Avy eo dia tonga fotsiny aho, mieritreritra aho hoe, "Eny, nilaza aho fa hiresaka izao hariva izao eo amin'*Ny Mariky Ny Bibidia*." Handeha eo aho. Ary nitondra aho, izao hariva izao, ho valiny ny—ny konkordansan'i Cruden. Ary izany dia mba hahazoana valiny, na, tsy—tsy valiny, fa fantatrareo hoe inona ny konkordansa: izany dia ireo tenin'ny Baiboly rehetra voasoratra. Noho izany, mikaroka ny konkordansa fotsiny aho mba hahitana, indraindray, hoe aiza no misy ny fanontanian'ilay olona.

Saingy satria ny ankamaroany, satria mahita ny iray amin'ireo sakaizako aho eto izay nihaonako tao amin'ny magazay, na teo akaikin'ny magazay iray tamin'ity tolakandro ity, izy . . . niresaka mikasika an'ireto fanontaniana ireto izahay, sy ny sisa, tahaka an'izany.

Ankehitriny, nandritra ny fiainako rehetra izay nananako, hatramin'ny naha-mpitoriteny iray ahy, dia tsy maintsy niady

saiky tamin'ny zavatra rehetra mihitsy aho. Tsy nandeha tany amin'ny sekolin'ny seminera mihitsy aho. Ary ny zavatra tokana hany nianarako dia efa izay Noteneniny tamiko. Ary avy eo dia nijanona teo amin'izany fotsiny aho ary—ary nino an'izany. Ary tsy maintsy niady saiky tamin'ny zavatra rehetra mihitsy aho izay izaho—mino aho, nanerana an'izao tontolo izao. Izaho . . . Izy ireo . . . Any Afrika, any amin'ny toerana samihafa sy any amin'ny saha any ivelany, dia mahita an'ireo isma izay tsy noeritreretin'i Amerika mihitsy ianareo. Ary ampidirina ao aminareo mihitsy izany. Fa ny zavatra lehibe izay nezahako nijoroana foana teo amin'ity Teny ity fotsiny, eto mihitsy; hitanareo, tsy eo amin'ny Soratra anankiray fotsiny, fa tsy maintsy tonga manerana ny Baiboly izany.

Ankehitriny, afaka maka Soratra anankiray ianareo ary manao azy hilaza ny zavatra rehetra. Fantatrareo ve fa ireo tsy mahatoky dia mampiasa an'ity Baiboly ity ho an'ny bokin'ny adi-heviny? Azo antoka. Saingy tsy maintsy mitovy daholo izany. Ankehitriny, raha hamela an'ilay fitenenana ianareo (izaho dia, izao fotsiny, noho izany, ho an'ny fomba fianarana ho antsika), ny Baiboly dia tahaka ny piozila iray izay notapatapahina. Marina tokoa. Ary tsy maintsy mijery an'i Kristy Jesosy ianareo, ilay Modely, mba hahafantarana hoe ahoana no hametrahana azy miaraka. Raha tsy manao ianareo, dia mandray ny hevitrareo manokana, hanana ianareo ao amin'ny sarinareo, ombivavy iray miraoka ahitra eo an-tampon'ny hazo iray, ny zavatra voalohany fantatrareo. Tsy hety tsara fotsiny izany. Fa raha hamela ny Fanahy Masina fotsiny ianareo; aza mampiasa ny sainareo manokana mihitsy rehefa mianatra ny Baiboly ianareo. Raha miezaka mampiasa ny fahalalanareo manokana na ny sainareo manokana ianareo, dia hihodina foana tokoa ianareo. Hitanareo?

Satria araka ny nolazain'i Kristy hoe, "Nafeniko tamin'ny mason'ny seminera izany, hendry sy manan-tsaina, ary hambarako amin'ireo zaza izay hianatra." Hitanareo. "Nafeniko izany." Noho izany dia tsy misy sekoly, sy komity, ary—ary komitim-piangonana, mampianatra ny Soratra araka ny tokony ho izy. Ankehitriny, zavatra lehibe holazaina izany. Mety manana fahamarinana betsaka izy ireo, saingy ny Fanahy Masina no manambara an'izany amin'ny isam-batan'olona. Noho izany, ny Fanahy Masina dia ho an'ny isam-batan'olona. Izany no antony anaovan'ny rafi-pandaminana ny olona hiala amin'ny fitsipik'Andriamanitra isan'andro. Satria Andriamanitra dia manome zavatra vaovao tsy ankitsahatra, mandroso tahaka an'izany Izy. Ary, fa ilay fototra foana izany. Diniho ka jereo izany rehefa mipoitra ao amin'ny Baiboly, jereo hoe ahoana no ipoirany ara-potoana. Avy eo ianareo dia afaka mahita an'izay halehanareo.

Ankehitriny, amin'ireto valiny ireto, araka ny efa nolazaiko,

dia mpampianatra iray tena mahantra aho. Saingy tiako ny milaza fa izay fantatro mikasika an'izany, dia maniry aho ny—ny hanazava an'izany amin'ireo hafa. Ary raha tsy mifanaraka ianareo ka manao hoe, "Eny, Rahalahy Branham, tsy tahaka an'izany mihitsy no inoako azy," dia mety tsara izany, tsy manakana antsika tsy ho mpirahalahy intsony izany, hitanareo. Mpirahalahy fotsiny isika. Izaho. . .Raha tianareo ny ho—ho—ho. . .hikambana amin'ny Temple of Continuity, fantatrareo, mety tsara amiko izany. Hitanareo. Ary raha mino an'i Jesosy Kristy Tompo ianareo, dia mbola ho mpiara-miombon'antoka foana isika ary handeha hatrany. Ary—ary mino aho fa ny fanamasinana tsara amin'ny fanao fahiny dia hanao anareo hahatsapa tahaka an'izany mikasika an'ilay izy. Sa tsy izany? Marina izany, manao antsika hifanaraka.

Tahaka an'io lehilahy mitsangana io omaly hariva, mitsangana eto mihitsy, miaraka amin'ny toerana iray tahaka an'izany. Ary—ary efa nihaona aho. . .Io no arsevekan'i Inde eto, olona mihoatra ny fitopolo sy efajato tapitrisa. Ary tonga izy, ary nandre mikasika an'izany izy ka tonga teto, hoy izy hoe, "Izany ve no fahamarinana?"

Hoy aho hoe, "Izany no izy."

Hoy izy hoe, "Ahoana no andraisako ny Fanahy Masina?"

"Fametrahan-tànana." Nametra-tànana teo aminy, dia tonga teo aminy ny Fanahy Masina.

Nitsangana izy tany Chicago, teto, herinandro vitsy lasa izay, tao amin'ilay fivoriana goavana an'ny Christian Business Men, nanao hoe, "Nasaiko nametra-tànana teo amiko ireo kardinaly rehetra sy ny zavatra hafa rehetra tany; ireo lehilahy malaza, ireo eveka malaza, sy ny sisa, nametra-tànana teo amiko rehefa nanendry ahy ho arsevekan'i Inde izy ireo, arseveka Episkopaliana an'i Inde ary filohan'ny Christian Fellowship an'i Inde." Ny marika ara-pivavahana lehibe indrindra any Inde. Ary hoy izy hoe, "Tsy nisy na inona na inona nitranga rehefa nametra-tànana teo amiko izy ireo." Hoy izy, "Nanatona zalahy iray aho teto izay tsy nahafantatra ny ABD-ny, saiky, ary nametra-tànana teo amiko izy, dia nandray ny Fanahy Masina aho." Marina izany. Hafahafa izany, sa tsy izany? Hitanareo.

Noho izany, tsy avy amin'ny fianarana na fahalalana izany; tonga amin'ny alàlan'ny fanetrena ny tenanareo eo anatrehan'Andriamanitra izany. Marina izany.

Ary avy eo, ity no fomba hahafantaranareo fa Kristiana iray ianareo: Amin'ny voa izay entinareo. Ankehitriny, tsy amin'ny fomba izay ihiakiahanareo. Mino ny fihiakiahana aho, fa ilay izy tsy hoe na mihiakiaka ianareo, na tsia, izaho. . . na—na miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, na tsia. Izany. . .Mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Ilay izy tsy hoe na manasitrana ny marary ianareo, na tsia.

Mino ny fanasitranana aho. Fa ity ireo vokatry ny Fanahy: fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana. Izany no vokatry ny Fanahy. Hitanareo? Ary raha manaraka anareo ireo famantarana ireo, amin'izay fotoana izay aho—somary mino aho fa izany no notenenin'i Jesosy tamiko ho tadiavina.

Hoy Izy hoe, "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, rehefa manana ianareo . . . " [Hoy ny fiangonana hoe, "Mifankatia."—Mpand.] Marina izany. "Rehefa mifankatia ianareo." Na dia mety tsy mifanaraka aminareo aza ilay lehilahy, dia mbola tiavo izy na izany aza. Hitanareo?

Oh, raha izay tia anareo ihany no tianareo, dia inona no valisoa azonareo? Manao an'ilay zavatra iray ihany ireo mpanota. Hitanareo? Hitanareo? Fa tsy maintsy tia an'ireo izay mankahala anareo ianareo, tsy mody tia azy ireo fotsiny ianareo, fa tia azy ireo marina tokoa. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Misaotra anareo. Marina izany. "Amena," marina izany. Hitanareo? Raha mankahala anareo marina tokoa ny olona iray, ary noporofoiny fa mankahala anareo izy, ka mbola tia azy foana ianareo ao am-ponareo, dia tena akaikin'ny Fanjakana ianareo. Marina izany.

Ankehitriny aza tia azy fotsiny, manao hoe, "Eny, fantatro fa tokony hanao an'izany aho." Fa tiavo izy na ahoana na ahoana. Raha tsy tia azy avy amin'ny fonareo ianareo, raha milaza ianareo fa tia azy nefa tsy tia, dia fantatrareo ve hoe manao anareo ho inona izany? Mpihatsaravelatsihy. Hitanareo. Noho izany dia aza tonga ka miteny aminy fa tia ianareo raha tsy tia marina tokoa ianareo. Ary raha tsy mahatsapa tahaka an'izany ianareo, dia mijanòna tsara eto fotsiny mandra-pahatsapanareo tahaka an'izany. Satria hanome toky anareo aho, misy fahasoavana ampy hanao anareo hahatsapa tahaka an'izany. Marina izany. Hanao marina tokoa izany.

Ankehitriny—ankehitriny, ireto fanontaniana ireto . . . Ary tsarovy ankehitriny, tahaka ny ao amin'ireo fivoriana ilay izy, ireo zavatra rehetra ireo dia tsy mivantana amin'ny olon'ny fiangonana, ny finoan'olona, tsia mihitsy. Ao amin'ny tabernaklako kely manokana eto aho no maneho ny fihetseham-poko fotsiny mikasika an'ireto lohahevitra ireto. Hitanareo.

Ary ankehitriny, raha tsy mifanaraka ianareo, dia ho mety tsara izany. Fantatrareo ve fa tsy misy, saiky, ny roa amintsika eto, ary tsy misy iray amintsika eto izay manana ankihibe mitovy. Tsy misy mitovy ny orontsika. Heveriko fa faly ianareo fa tsy manana tahaka ny ahy. Saingy—saingy ilay izy dia ny . . . Saingy tsy misy mitovy eto. Hitanareo? Ary noho izany dia tsy hifanaraka isika. Ankehitriny, izaho mety ho tia tarta serizy ary ianareo tia paoma, fa isika dia samy mihinana tarta. Izany fotsiny ilay—ilay zavatra. Noho izany, isika . . . Izany ilay hevitra.

Raha mbola tia ny Tompo Jesosy foana isika, ary ateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray, dia Kristiana isika. Ankehitriny, tsy afaka manao an'izany ho anareo ny fiangonana. Jesosy no afaka manao an'izany ho anareo. Hitanareo.

Ankehitriny, ao amin'ireto fanontaniana ireto, eo ampijerena ato, dia misy fanindronana sasany tsara tarehy ao. Ary noho izany, amin'ny famaliana azy ireo ankehitriny, ny olona rehetra dia manao jery todika tsara an'ity, hitanareo, mariho izany: Mamaly azy ireo amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny aho. Hitanareo? Ary raha tsy voavaly tsara ny anareo . . . ary ianareo, fanontaniana iray hafa, nahoana, ianareo dia . . . Ho tiako fotsiny ny hamerenanareo an'izany eto amin'ny lampihazo na tongava hiresaka aminay mikasika an'izany, na izay rehetra azonay atao. Ary angamba izaho sy Rahalahy Neville eto, mety hahita zavatra izay tsy ifanarahanay fotsiny izahay.

Ary—ary Atoa. Baxter, iray amin'ireo mpiara-miasa amiko akaiky indrindra ao amin'ny fivoriako, Atoa. Baxter, efa niaraka nandritra ny taona maro izahay; ary tena mpanazava ny Baiboly izy, saingy tsy mino ny Arivo taona izy. Ary tonga aho, ka hoy aho hoe, "Rahalahy Baxter, ahoana no handraisanao an'ity Soratra ity?" Nitsambikina teo amin'ny lafiny iray izy, hoy aho hoe, "Ankehitriny, aza mihetsika tahaka ny valala. Mipetraha tsara ianao." Hitanareo. Dia hoy aho hoe, "Ary velona sy niaranjaka tamin'i Kristy arivo taona teto an-tany izy ireo." Hoy aho, "Ahoana ny amin'izany?"

Hoy izy hoe, "Mino aho fa ny arivo taona dia midika toerana anankiray fotsiny."

Hoy aho hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra, maka fotokevitra ianao. Hoy ny Baiboly hoe, 'arivo taona.'" Ah-hah. Izy ireo—nanohy nitsambikina teo fotsiny izy ireo. Saingy izy ireo, hitanareo, tsy nitsambikina isika, fa, tsy nifamaly isika na misy arivo taona na tsia; handeha hody any An-danitra isika, miaraka, satria nateraka indray izy ary nahazo ny Fanahy Masina.

Koa tahaka an'izany no tiako ho tsapanareo mikasika an'ireto fanontaniana ireto: Ireo tsarako indrindra amin'ny fahalalako fotsiny izy ireo ho anareo.

Noho izany raha nahita olona nipetraka teto aho, ka nino izy ireo fa tonga Jesosy mitaingina soavaly fotsy iray, ary izaho mino fa tonga tao anaty rahona fotsy Izy; ankehitriny, raha nilaza aho hoe "soavaly fotsy" satria fotsiny hoe ny sakaizako dia nino soavaly fotsy iray, kanefa, ara-tSoratra, dia mino aho fa ho tonga mitaingina eo ambonin'ny rahona iray Izy, dia ho mpihatsaravelatsihy iray aho. Marina izany. Tsy maintsy maneho ny tenako arak'izay maha-izy azy fotsiny aho ary manome ny antony amiko hoe nahoana.

Hoy i Paoly hoe, "Aoka ho vonona amin'ny—amin'ny vanim-potoana rehetra, aoka hazoto, amin'ny vanim-potoana, sy tsy amin'ny vanim-potoana; vonona hanome valiny ho an'ny olona ho an'ny fanantenana izay mipetraka ao anatinao." Hitanareo. Ary izany no ezahantsika atao.

Ankehitriny, tsapako fa ireto Soratra ireto, ny sasany amin'izy ireo eto, dia fanehoan-kevitra kely fotsiny, sy ny sisa, ary hiezaka aho hamaly azy ireo aloha, satria niezaka aho ny nanasaraka azy ireo. Ary mety tsy maintsy haka an'ity aho, hampiasa ny konkordansa vetivety mba hamoahana ny sasany amin'izany. Ary avy eo, ato, raha diso fanononan-teny aho na zavatra iray, dia antsoy tanteraka mihitsy ny fifantohako, hitanareo, ka manorata naoty iray amiko, ary teneno amiko.

Ankehitriny, alohan'ny hiezahantsika hanokatra an'ity . . .

Ankehitriny, ny antony anaovako an'izao, ry sakaiza. Teneniko aminareo, ho an'ny tanjona iray izany. Fantatrareo rehetra izany. Ho an'ny tanjona iray ity fivoriana ity. Mino aho fa nanodina ahy Andriamanitra, tao anatin'io tafiotran'orampanala io, tany, ary nandefa ahy hiverina ho amin'ity tena tanjona eto ity mihitsy. Ary efa nisy zavatra kely tsy nety fotsiny teto amin'ny tabernakla nandritra ny fotoana ela. Tiako ny hahita an'izany. Rehefa hitako izany, amin'izay fotoana izay dia hojereko raha afaka manao zavatra mikasika an'izany aho. Marina izany. Ary tiako handroso ao amin'ny firindrana ny fiangonana. Ary misy zavatra kely tsy mety fotsiny, satria tsy mandroso ianareo. Manao ny olona ho voavonjy ianareo, marina izany, mahafinaritra izany, saingy tsy mandroso araka ny tokony haha-izy anareo ianareo. Tokony ho mpandefa mpitory teny isika sy ny zavatra rehetra. Tokony handroso tsara ny Hafatra.

Nanana ny rahalahintsika aho, pasitera, eo, ary nahita ny karazany rehetra izahay, izaho sy Rahalahy Neville. Ary izaho—ary tiako ny hahita raha . . . Amin'ny maha-iray amin'ireo pasiteranareo, izany dia—adidiko izany. Ary omaly hariva . . . Rehefa mahita zavatra izay ao am-piangonana fotsiny aho ankehitriny, izany no antony tsy nanaovako filazana mihitsy an'ity fivoriana ity. Nampahafantariko fotsiny ilay izy; izao fotsiny, nahoana, tongasoa ny olona rehetra. Azo antoka, fa tianay ianareo ho tonga. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary, saingy, ao amin'ity fiangonana ity fotsiny izany.

Ary nieritreritra aho hoe, "Raha hampianatra aho amin'ny hariva voalohany, inona ny fiangonana androany . . . ary ny taona, ara-jeografy, ao amin'ny Baiboly, izay ipetrahantsika ara-toerana, amin'izay fotoana izay dia azo antoka fa hifoha eo amin'izany ny fiangonana. Ary avy eo dia hiresaka mikasika 'ny mariky ny bibidia,' ka hamela azy ireo hahita hoe inona izany; ary avy eo 'ny Tombokasen'Andriamanitra.'" Izany no momba sy manohitra ankehitriny, izany no aizina sy Hazavana ankehitriny,

izany dia na ao anatiny na any ivelany ankehitriny, ary izany no zavatra tena ilaina indrindra ampianarina ankehitriny.

2 Ary teneniko aminareo, ry sakaiza, milaza an'izao avy amin'ny foko aho, eo anatrehan'Andriamanitra, am-panetretena, tsy mbola nahatsapa ny hosotry ny Fanahy Masina mihitsy aho niteny an'ireo teny izay nananako tao anatin'ireo hariva telo farany. Marina izany. Fa nitondra ahy fotsiny izany. Nandeha nody aho, tsy afaka natory akory aza rehefa tonga tany an-trano, hosotra tahaka an'izany fotsiny!

3 Ankehitriny, napetrako teto *ireto* tamin'ny fanantenana fa hahita zavatra aho any ho any. Hitanareo? Mametraka ny—ny fihetseham-pon'ny olona rehetra teo amin'ny singan-taratasy iray eto. Raha tsy mahita an'ity tahaka an'izao aho, ka tsy ambaran'ny Tompo amiko ilay izy, dia hanohy aho mandrapahitako an'izany. Ary hanaiky an'izany ho ahy Andriamanitra. Marina izany. Ary noho izany rehefa hitantsika izany, dia mety ho zava-boaozona kely, tranainy iray fotsiny nalevina tany ho any ilay izy, saingy Akana dia nanana anankiray, ihany koa. Fantatrareo, tsy maintsy manala an'izany zavatra izany isika, avy eo dia hanohy avy hatrany ary handroso ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

4 Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo. Ary ankehitriny alohan'ny hanokafantsika ny Teny. . . Ary ankehitriny—ankehitriny, ny tsirairay aminareo izay manana sekoly Alahady amin'ny maraina, mazava ho azy, ianareo dia. . . Izaho—tsy hangataka anareo aho ho diso amin'ny sekoly Alahadinareo, izany no—toeran'andraikitrareo amin'ny fiangonanareo izany. Marina izany. Fa, ankehitriny, raha tsy mandeha any amin'ny sekoly Alahady ianareo, dia tongava ka jereo izahay amin'ny maraina. Ary avy eo raha tsy manana fivoriana ny fiangonanareo rahampitso hariva, amin'ny Alahady, dia tongasoa ianareo. Ho faly izahay ny hanana anareo amin'ny fotoana rehetra. Ary noho izany dia hitahy anareo anie ny Tompo. Ary arahabao ireo Kristiana rehetra ho ahy; tsy dia tonga eto matetika loatra aho.

5 Nijery tao amin'ny efitra fotsiny aho, ny taratasy kely iray izay nosoratako tao dia mbola mipetraka eto foana ho fahatsiarovana iray ho an'ity fiangonana ity. Dia hoy aho hoe, "Miantso ahy ho any ny Tompo," ary niantsoantso sy nitomany izahay rehetra. Tsaroako ilay hariva voalohany izay nandehanako. Tsaroanareo rehetra ve ny antsoko voalohany, olona iray eto? Naka ny vola ianareo rehetra mba handefasana ahy ho any St. Louis, izay nahasitrana an'i Betty Daugherty kely. Nijanona aho. . .

6 Tsarovy, fa nindrana palitaon'olona iray teto aho mba hanaovana. Tsy nanana palitao hanaovana aho. Ary nandeha aho ka nipetraka tao anaty seza tranainy iray an'ny fiara ho any St. Louis. Tsaroanareo ve ilay fotoana? Ary nindrana ny

palitaon'ny rahalahy iray aho, goavana loatra ilay izy ho ahy, nentiko teo an-tsandriko izany; satria nangatsiaka ny andro nefa aho tsy nanana palitao iray.

7 Ary avy eo dia nandeha izahay, ary nandeha nankany St. Louis aho ka nihaona tamin-dRahalahy Daugherty tany. Ny zananivavy kely, ny dokotera rehetra nanodidina tany, sy ireo manam-pahaizana manokana ary ireo hopitaly, dia nandao azy. Tahaka ny adala romotra iray izy. Ireo mpitoriteny nanerana ny tanàna dia efa . . . hatraiza hatraiza, nivavaka ho azy tao. Dia niditra aho ka nivavaka ho azy, ary ilay olona mahantra dia toa fotsy volo fotsiny. Ary ilay zazavavy kely tao, nikiakiaka sy nitomany, niady.

8 Ary—ary tsy afaka nitabataba tahaka ny olombelona intsony izy, toa nitovy tamin'ny biby iray, tena farim-peo izy nanomboka . . . oh, manodidina ny telo na efa-bolana. Meningite an'ny hazon-damosina ilay izy na . . . tsia, dihin'i Saint Vitus, tao amin'ny—tao amin'ny hazon-damosina. Ary lany tanteraka ireo molony kely, nandeha rà. Ary ny rantsan-tànany kely dia nandeha rà manerana ny rehetra, izay nanaikerany ny rantsan-tànany, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary nikiakiaka sy nanohy fotsiny.

9 Ary nivavaka aho, nandeha nankany am-piangonana. Niandry nandritry ny ora sy ora maro. Nipetraka tao anatin'ilay fiara tranainy ary niandry. Tsy namela an'io trangan-javatra io aho mandra-pandrenesako avy tany An-danitra. Ary nipetraka tao anaty fiara, niseho teo anoloako ny fahitana iray, nanao hoe, "Mandehana teneno ilay ray, ary ilay ray . . ." Nanao hoe, "Mandehana teneno ilay vehivavy fa indray andro, tany an-tanàn-dehibe, dia nividy famanan-drano kely, fotsy iray izy. Tsy mbola nisy rano mihitsy tao anatiny tany aloha." Ary nanao hoe, "Teneno izy hijery ao amin'ny vatasarihana fahatelo ary hahita mosara iray ao anaty singan-taratasy iray izy, izay tsy mbola nampiasaina mihitsy tany aloha. Teneno izy mba hameno rano an'izany. Atsangano eo ankavananao ilay ray, ary eo ankavianao ilay raibe, ka avereno ny, 'Ry Rainay, Izay any An-danitra . . .' Ary rehefa manomboka an'izany ianao, dia avelao izy hamafa ny tavany amin'ilay vorodamba. Ary eo afovoan'ny vavaka dia asaivo mikasika ny tànany izy, avy eo ny tongony. Amin'izay fotoana izay dia mitsangàna ka manaova hoe, 'HOY NY TOMPO HOE!'"

10 Fantatrareo izay nitranga, sa tsy izany? Sitrana teo no ho eo izy. Dia nampifandray ny tànanay izahay ka nandeha teny amin'ny làlambe ary nisotro soda pop, niaraka teo amin'ny sakafo. Marina izany. Nanaitra an'i St. Louis izany; ny fivoriako tany, efatra arivo sy iray alina ny hariva voalohany. Marina izany. Tany St . . .

11 Tena mampalahelo loatra ny nialako tamin'izany; mba

handeha ary hanomboka hampandalo azy ireo eo amin'ny laharana iray, iray fotsiny avy hatrany aorian'ny iray hafa, aorian'ny iray hafa. Mandeha any amin'ny trano iray fotsiny dia mijanona ao mandra-pahatapitr'izany, ary miverina any antrano, mino aho fa izany no ho tsaratsara kokoa noho ny eo amin'ireo fivoriana.

12 Eny àry, ndao isika hanondrika ny lohantsika raha mbola miresaka amin'ilay Mpanoratra an'ity Teny ity isika, ankehitriny.

13 Amin'ny hatsaram-panahin'i Jesosy Kristy Tomponay, no anatonanay Anao, ilay Rainay. Ary amin'Ny Anarany no angatahanay ny famindrampon'Andriamanitra, mba Hamelanao ny fahotanay sy ny helokay Taminao. Ary raha misy fahotana ao amin'ity fiangonana kely ity izao hariva izao, dia mivavaka izahay, Tompo, amin'ny maha—amin'ny maha-mpanompo iray mitsangana eto, amin'ny maha-mpiandry ny ondry...Araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Tandremo ny andian'ondry iray izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, mba ho fahananareo izy ireo." Ary ankehitriny, Ray, manelanelana ho azy ireo aho, mba Hitahianao azy ireo sy hamelanao ny fahotany rehetra. Sitrano ny aretina izay eo afovoan'ny olona. Ary, Ray any An-danitra, mivavaka aho mba ho eo aminay ny Famindramponao ankehitriny.

14 Indro mipetraka eto anoloako, voasoratra amin'ny taratasy, avy amin'ny tokantrano maro sy olona maro, mipetraka ireo fangatahana, tena fanontaniana lalina ara-Baiboly izay any ankoatry ny fianarana tsotra. Ary mila ny Fanampianao izahay, Tompo Jesosy. Ary naka an'ireto fotsiny ankehitriny, niditra tao amin'ny efitra, nivavaka, nivoaka, nanasaraka azy ireo teto, ary mametraka an'ireo izay tokony hovaliana ankehitriny eo amin'ny ilany iray, ary ireo hafa izay tsy maintsy hidirana ao amin'ny Soratra, teo amin'ilay hafa. Izany ihany no fantatro amin'ity fotoana ity, Tompo.

15 Ary mivavaka aho mba manomboka izao ankehitriny izao no Handraisanao manomboka eto, sy hanosoranao ny Vahoakanao eto izao hariva izao, ireo molotry ny mpiteny, ireo sofin'ny mpihaino. Ary enga anie ny Fanahy Masina ho avy ka hihazona ny Teny ankehitriny ary hampiditra an'Izany avy hatrany ao amin'ny fo tsirairay, ary enga anie Izany horaisina amin'ny fanahin'ny hatsaram-panahy, ary enga anie Izany homena tahaka an'izany koa. Ary enga anie, rehefa mifarana ny fotoana izao hariva izao, enga anie izahay hody any an-trano, hanao hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika nohon'Ny Fanatrehany sy ireo Fitahiany?" Tompo, tsy fantatro izay holazaina, mametraka ny tenako Aminao aho miaraka amin'ireto fanontaniana ireto, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho an'ny valiny. Amena.

16 Misaotra anareo, ry sakaiza, nohon'ny fanajanareo. Tiako fotsiny ny haneho aminareo hoe inona no betsaka, ny ankamaroan'ireto fanontaniana ireto.

**Rahalahy Bill, manohiza mandritry ny herinandro manaraka azafady.**

**Mijanòna herinandro iray hafa azafady.**

**Mijanòna elaela kely azafady.**

**Rahalahy Bill, mijanòna amin'ny herinandro manaraka azafady, elaela kely, noana an'ity karazana Sakafo ity ny fanahinay.**

**Ity fiangonana ity ve dia mampianatra fa ianao**. . . Tsy maintsy nilatsaka tato fotsiny ity. Diso toerana ity.

**Manana zanakalahy roa aho, roa taona**. . . Izany dia, nafangaroko izy ireo, heveriko, eo amin'izany. Ankehitriny, eto, tsaratsara kokoa amiko ny mametraka an'ity eto, ihany koa, mikasika ny raharaha manokana iray izany.

**Rahalahy Bill, ianao ve—hila herinandro iray amboniny ve ianao? Mila herinandro iray amboniny ho an'ity fampianaran'ny Filazantsara ity izahay.**

**Ny fangatahako dia ny hijanonanao herinandro iray hafa. Tena tiako ny hijanonanao elaela kely kokoa, fantatrao fa izahay isan'andro. . . afaka mianatra betsaka foana izahay.**

**Ankehitriny, hijanona herinandro iray hafa fotsiny ve ianao, azafady?**

**Rahalahy Bill, mitoria mandritry ny herinandro amboniny iray ho anay azafady. Mila an'izany izahay.**

**Rahalahy Bill, ny fivavako dia ny mba hanovan'Andriamanitra ny sainao ka hanao anao hijanona herinandro iray hafa.**

**Ny fanontaniako dia hoe: Inona ireo zava-boribory manidina, ary zavatra avy amin'Andriamanitra ve izy ireny nalefa mba ho famantarana iray? Ary mangataka anao aho mba hijanona herinandro iray hafa.**

**Mijanòna herinandro iray hafa azafady.**

17 (Ary *ity* dia fangatahana mba handehananareo any ampiangonana, hivavaka ho an'olona iray, hitanareo, handeha any amin'ny hopitaly.)

18 Ankehitriny, ity dia anankiray hafa izay nilaza fa izaho dia. . . Izaho—mankasitraka an'ity fangatahana ity aho. Ary Andriamanitra Tsitoha Izay Mpitsara ahy, mitsangana eto ankehitriny eto amin'ity toerana masina ity. . . talohan'ny nialako tany an-trano, dia niteny tamiko ny Fanahin'ny Tompo, nilaza fa hipetraka eto ity fanontaniana ity izao hariva izao. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho, saingy fantatro fa ho eto izany:

**Sekta sandoka ve ny Vavolombelon'i Jehovah?**

19 Hitanareo, olona iray. . . Ary ny Fanahy Masina, teo amin'ilay toerana teo amin'ny. . . nitsangana tao amin'ny efitra fandroako, talohan'ny nahatongavana teto; Andriamanitra, Izay Mpitsarako feno haja, dia niteny tamiko hoe, "Hipetraka eo amin'ny lampihazo ity," ary nilaza fa izaho dia tsy "hilaza na inona na inona mikasika an'izany; manohy fotsiny." Hitanareo? Noho izany aho. . . Fantatrareo izay nolazaiko omaly hariva, sa tsy izany? Eny àry, izany ilay izy.

20 Eny àry, hanomboka eo amin'ny sasany amin'ireto isika eto.

21 Tsy tiako mihitsy ny hiantso avy hatrany zavatra anankiray, ary milaza olona iray na isam-batan'olona iray tahaka an'izany. Tiako fotsiny ny mampianatra azy amin'ny fomba iray fotsiny . . . maneho an'ilay zavatra manontolo miaraka. Ary—ary azonareo, sa tsy izany? Raha nitsangana teto aho ka nanao hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Neville dia *izao-sy-izao* ary zavatra *izao-sy-izao*" . . . Raha nanana an'izany holazaina mikasika azy aho, dia ho nandeha tany an-tranony ka niantso azy hivoaka ary niresaka taminy mikasika an'izany. Hitanareo, izaho dia—hiteny amin-dRahalahy Neville aho.

22 Fa ankehitriny, ireto misy fanontaniana vitsivitsy. Ankehitriny, tsy fantatro hoe aiza no hanombohana, ilay izy fotsiny dia vondrona iray amin'izy ireo no mipetraka eto. Izao no lazainy:

**25. Inona no fifandraisana tianao nolazaina izay ananan'ny fiangonana Protestanta amin'ny fiangonana Katolika?**

**26. Inona no dikan'ny hoe "ny sarin'ny bibidia"?**

23 Ankehitriny, izany no iray amin'ireo fanontaniana hatramin'ny farany. . . angamba izay teo amin'ny an'ny olona. . . Ankehitriny, hiezaka ny tsara indrindrako aho, amin'ny alàlan'ny fanampian'Andriamanitra, hamaly azy ireo amin'ny tsara indrindra an'ny fahalalako. Ankehitriny raha hanome ahy fahalalana Izy, satria fantatr'Andriamanitra fa izaho—vao avy naka azy ireo aho, teto amin'ny lampihazo.

**Ankehitriny, inona no fifandraisana tianao nolazaina izay ananan'ny fiangonana Protestanta amin'ny fiangonana Katolika?**

24 Ankehitriny, ho valiako aloha izany, amin'ny fanampian'Andriamanitra. Nilaza aho fa ny fiangonana Katolika no. . . Hitantsika fa ny mariky ny bibidia, ny hariva talohan'ny farany, dia tsy maintsy nivoaka avy tao Roma. Marina ve izany? Tsy afaka mivoaka avy any amin'ny firenena hafa afa-tsy Roma izany. Eo no ipetrahany, eo no nametrahana azy. Ary nilaza aho fa tsy manana na inona na inona manohitra ny olona Katolika aho, na inona na inona manohitra olona iray. Mety maty isika rehetra miezaka ny handeha any An-danitra.

25 Ny papa dia olona iray izay mampianatra, ny arsevekan'i Canterbury dia iray hafa, ary ny iray hafa, ary ny iray hafa, ary ny iray hafa; ary iray amin'ireo mpampianatra fotsiny aho, izay ihany. Nampianatra izy ireo ary nilaza, angamba, fa fanatika iray aho ary diso aho, sy ny sisa. Ary manana zò aho...raha afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho. Na raha afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra izy ireo fa fanatika iray aho, amin'izay fotoana izay dia fanatika iray aho. Fa raha afaka manaporofo amin'ny alàlan'ny Soratra aho fa diso izy ireo ao amin'ny rafitr'izy ireo, amin'izay fotoana izay dia diso izany; ny Soratra no marina. Ary tsy manana toerana anankiray fotsiny ianareo ankehitriny, tsy maintsy tonga manerana ny Baiboly izany, hatraiza hatraiza.

26 Ankehitriny, nilaza aho hoe, "Ny fiangonana Katolika no renim-piangonana," ary marina tokoa izany. Ny fiangonana Katolika no renim-piangonana, rehefa tonga eo amin'ireo rafi-pandaminan'ny fiangonana ilay izy. Ny fiangonana Katolika no fiangonana voalohany izay hany niforona, manodidina teo... ny tantara tsara indrindra, anananareo an'izany teo amin'ny A.D. 606, tany ho any tao amin'izany rehefa ireo ray voalohany, ny faharoa na ny fahatelo, an'ireo apostoly. Maty izy ireo ary nanomboka niparitaka tao anatin'ireo isma kely. Ary ireo Romana, rehefa niova fo, ny Fanjakana Romana no nanapaka ny fanjakana, ary avy eo dia nikambana niaraka ny fiangonana sy ny fanjakana ary nanomboka fivavahana iray nantsoina hoe "ny fivavahana maneran-tany." Ary ilay teny hoe *Katolika* dia midika hoe "maneran-tany." Nandrafitra an'ilay fiangonana izy ireo, izay ny fotoana voalohany izay io fivavahana io, fivavahana Kristiana, hany voarafitra tao amin'ny tantaran'izao tontolo izao rehetra.

27 Tsy rafi-pandaminana iray mihitsy ny fivavahana Jiosy. Vahoaka afaka izany. Nanana fiangonana izy ireo, fa tsy nanana rafi-pandaminana iray. Izany, nifampiraharaha tamin'ny firenena iray Andriamanitra, fa tsy rafi-pandaminana iray. Firenena iray izy.

28 Ary ankehitriny. Ary, noho izany, ny fiangonana Katolika no rafi-pandaminana voalohany. Avy eo dia naka an'izany tao amin'ny Baiboly isika mba hahitana hoe inona io rafi-pandaminana io. Ary araka ny Tenin'Andriamanitra, dia tokony ho fehezin'ny lehilahy tokana izany, lehilahy anankiray. Ary io lehilahy io dia tokony ho ao amin'ny fiangonana iray izay miorina eo ambonin'ny havoana fito any Roma, araka ny Baiboly. Tsy misy...Ary tokony hanana fahefana hanapaka any amin'ny firenena tsirairay eto amin'izao tontolo izao izy, fahefana ara-pivavahana manapaka. Tsy misy iray hafa eto amin'izao tontolo izao.

29 Ary—ary ny Kominisma, hitantsika, dia tsy—tsy ny antikristy izay noresahan'i Jesosy. Ny Kominisma dia—dia tsy firenena

iray, tahaka an'i Rosia. Ny Kominisma dia fanahy iray. Amerika dia lanin'izany. Ao anatin'ireo fiangonana izany, ao anatin'ny olona izany, ao anatin'ny fandraharahana izany, hatraiza hatraiza izany. Ny Kominisma, ny fanahin'izany, ao anatin'ireo sekoly izany, ao anatin'ny tokantrano izany, hatraiza hatraiza.

30 Ary noho izany—noho izany rehefa nandrafitra an'io fiangonana io izy ireo izay nifanohitra . . . Ary ankehitriny dia nalaintsika ireo Taom-Piangonana Fito, sy ny faminaniana, araka ny nanehoan'Andriamanitra azy ireo tamintsika marina tokoa tamin'ny alàlan'ny Baiboly teto. Ary hitantsika tamin'ny alàlan'ny tantara sy ny Baiboly, fa ny taona tsirairay dia tonga araka ny Baiboly mihitsy, araka ny tantara; ny tsirairay dia tonga mihitsy tamin'ny fotoana, nandritr'ireo taona maizina. Ary avy eo dia niforona tao amin'ilay Taona Maizina ny fiangonana Katolika.

31 Avy eo dia tonga ny fanavaozana, dia i Martin Luther. Ary nanana hazavana iray i Martin Luther, ilay hazavana izay "Ny marina ho velona amin'ny finoana; fanamarinana amin'ny finoana," tao amin'ny—tao amin'ny fanavaozana. Pretra Alemandy iray izay nandà ary nilaza fa ny fandraisana ny fandraisana rehefa nanao an'izany izy . . . Ary tokony ho nilaza izy ireo hoe "izany *no* vatan'i Kristy," dia natsipiny tamin'ny tany izany ka hoy izy, "Izany dia *tsy* ny vatan'i Kristy; hostia iray izany!" Ary noho izany dia nandao ny fiangonana Katolika izy, tamin'ny fanaovana an'izany, ary niditra tao amin'ny fanavaozana voalohany. Nanao an'izany i Martin Luther, ary hetsika iray nahafinaritra izany.

32 Ankehitriny, ilay fahadisoana, izay nanaovan'i Luther ny fahadisoany, nandrafitra vondrona iray hafa tahaka ny nataon'ny fiangonana Katolika i Luther, nandrafitra ny olona.

33 Avy eo, avy hatrany, dia tonga ny hazavana iray vaovao. Ary rehefa tonga ilay hazavana vaovao, dia nifindra niaraka tamin'ny Olony Andriamanitra. Ireo olona izay voarafitra tao amin'ny fiangonana Loterana, dia tsy maintsy nijanona tamin'ny fiangonany izy ireo mba hiaraka amin'ny . . . Mitovy fotsiny amin'izay tsy maintsy haha-izy an'ireo Katolika izany, saingy maro tamin'ireo Katolika no nivoaka ary lasa Loterana. Eny, avy eo rehefa tonga i Wesley niaraka tamin'ny hafatry ny fanamasinana, tamin'izay fotoana izay dia maro tamin'ireo Loterana no tsy afaka nandao ny fiangonany; saingy maro tamin'izy ireo no afaka, ary nanangana ny fiangonana Wesley.

34 Avy eo taorian'ny fanamarinana sy ny fanamasinana, dia tonga ny Pentekosta. Ary avy eo ny Pentekosta, maro no nivoaka avy tao amin'ny Metodista, sy ny sisa, ary lasa Pentekosta satria fahazavana iray lehibe kokoa izany. Ankehitriny ny Pentekosta dia voarafitra marina tokoa tahaka ny tsirairay avy tamin'izy ireo!

35 Ankehitriny, ny Baiboly dia milaza fa . . . Teny mahitsy ireto, fa hamaky azy ireo avy ao amin'ny Baiboly aho. Ary mihaino ny dokoteranareo ianareo, sy ny sisa, milaza an'ity, ary izaho dia rahalahinareo izay mampianatra avy amin'ny Soratra. Ny Baiboly dia niantso ny fiangonana Katolika ho "mpivarotena iray, janga iray, j-a-n-g-a." Ary niantso an'ireo fiangonana Protestanta izay nanaraka an'izany Izy, ireo reny . . . na izy ireo dia "mpijangajanga avy amin'io reny io." Ary ny fifandraisan'izany dia, hoe ny fiangonana Katolika no nandrafitra an'ilay zavatra ary nanao ny olona rehetra hino araka ny hazavana izay nananan'izy ireo tamin'izany, na izay nananan'izy ireo tamin'izany. Nanao an'ilay zavatra iray ihany ireo Loterana. Ary ny Baiboly no nilaza fa izy dia vehivavy malaza an'izany karazana izany.

36 Ankehitriny dia karazana vehivavy inona izany? Vehivavy iray izay velona ary mijangajanga. Ary ireo fiangonana dia mijangajanga ara-panahy amin'ny—amin'ny olona. Hitanareo? Izy ireo dia—izy ireo dia . . . Ity ny Baiboly izay mampianatra an'Izany, ary izy ireo dia mamorona andiana fanekem-pinoana sy ny sisa izay tsy misy idirany amin'ny Baiboly. Ary, satria, efa ho roapolo taona *mahery* izao no nitsanganako teto mihitsy ary nangataka ny mpitoriteny rehetra, tamin'ny fotoana rehetra, mba ho tonga ka haka . . . tsy ny bokinareo, ny fanekem-pinoanareo, fa ho tonga haka ny Baiboly, ao amin'ny Hazavan'ny Baiboly, ary hanaporofo fa diso Izany. Hitanareo? Marina izany.

37 Ary ny amin'ireo fifanoherana, hoy izy ireo hoe, "Fifanoherana!" Nanome karama roa volana aho raha haneho amiko fifanoherana iray ao amin'ny Baiboly ny olona iray. Tsy ao izany. Mihevitra ianareo fa ao izany, saingy tsy ao izany. Raha manohitra ny Tenany ny Baiboly, dia tsy tsara mihitsy izany, tsy afaka mino an'izany ianareo. Ny Teny tsirairay dia voatsindrimandry ary tsy misy fifanoherana ao amin'ny Baiboly.

38 Ankehitriny ny fiangonana Protestanta, ao amin'ny rafi-pandaminany, dia (araka ny Tenin'Andriamanitra) mifandray amin'ilay zavatra iray ihany amin'ny fiangonana Katolika.

39 Ankehitriny, tsy manana na inona na inona manohitra ny vahoaka Katolika aho. Ny sasany amin'ireo sakaizako malala indrindra, mipetraka eto ankehitriny, dia taizan'ny vahoaka Katolika. Teto, ny hariva talohan'ny farany, rehefa nanome hafatra iray henjana tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina aho, teo amin'ny Protestanta sy Katolika, nandeha teto amin'ny alitara mihitsy ilay Katolika ary nandray ny tànako. Olombelona tahaka antsika mihitsy izy ireo.

40 Tsy afaka miady hevitra amin'ny pretra Katolika ianareo, satria tsy mino an'ity Baiboly ity ho ny Teny rehetra izy ireo. Izy ireo manao hoe, "Ny fiangonana ilay izy." Isika manao hoe, "Ny Baiboly ilay izy!"

41 Hoy ny Katolika hoe, “Mandeha any am-piangonana izahay Katolika ary mivavaka. Ianareo Protestanta dia mijanona any an-trano ary mamaky ny Baiboly.”

42 Hoy aho hoe, “Eny, mandeha any am-piangonana ianareo ary mivavaka, fa inona?” Izany ilay zavatra manaraka, hitanareo.

43 Ankehitriny, nefa Andriamanitra dia nilaza fa ao amin’Ny Teniny Izy. Ity no Tenin’Andriamanitra ary mino an’Izany aho. Mpivavaka ara-Baiboly aho. Izany no antony tsy ifanarahako amin’ny Protestantisma ary—ary ny fomban’ny—an’ny rafi-pandaminam-piangonana fotsiny, satria mampianatra zavatra izay tsy Tenin’Andriamanitra izy ireo. Noho izany dia tsy misy azoko atao amin’ny tsy fifanarahana. Tsy mifamaly amin’izy ireo aho; tsia, tompoko, rahalahiko izy ireo. Ary tsy mifamaly amin’izy ireo aho, saingy tsy mifanaraka amin’izy ireo satria tsy maintsy mandray an’izay lazain’Andriamanitra aho ary mamela ny zavatra hafa rehetra ho lainga. Hitanareo?

44 Ary ankehitriny dia izany ilay fifandraisana izay. . . Ary ankehitriny ny Baiboly dia nilaza fa ity vehivavy ity, ny fiangonana Katolika, izay tokony hantsoina, ao amin’ny Baiboly, Apokalypsy toko faha-17 hoe, “Janga iray,” ary izy dia, “NY RENIN’NY MPIJANGAJANGA.” Ary hitantsika fa nilaza ny Baiboly fa ny *vehivavy* iray dia naneho “fiangonana iray.” Koa noho izany raha nanana zanakavavy izay mpijangajanga izy, dia tsy mety ho zazalahy izany; tsy maintsy ho zanakavavy izany, noho izany dia tsy maintsy fiangonana izany. Ary ny Protestantisma dia teraka avy tao amin’ny Katolisisma.

45 Ary ankehitriny ny manaraka, bibidia. . . Na, ny zavatra manaraka izay lazain’ity dia:

**Inona no dikan’ny hoe “ny sarin’ny bibidia”?**

46 Izany dia—izany dia fanontaniana iray mifandray amin’ity, ary manana fanontaniana tsara iray ilay olona izay nametraka an’izany. Inona no manao ankehitriny, raha. . . Mampianatra mazava tsara ny Baiboly fa ny fiangonana Katolika no—no bibidia. Milaza ny Baiboly fa ny *bibidia* iray dia midika hoe “hery.” Marina ve izany? Ny *bibidia* iray, milaza ny Baiboly fa ny *bibidia* dia midika hoe “hery.” Ary ny *bibidia* dia ny “Tanànan’i Vatican,” ny “laharam-boninahitra Katolika.” Eny àry. Ary, ankehitriny, izany no herin’ilay fiangonana izay ny bibidia.

47 Avy eo dia nivoaka avy tao amin’ny fiangonana Katolika ny fiangonana Protestanta, ary nandrafitra ny tenany, hery kely iray. Izany ilay sary.

48 Raha misy zavatra . . . Raha natao tamin’ny sariko ny zavatra iray, dia tsy maintsy nitovy tamiko izany. Raha natao araka ny sarin’ity fiangonana ity ny zavatra iray, dia tsy maintsy nitovy tamin’ny fiangonana izany.

49 Zavatra iray no natao, bibidia iray. . . nanao sary ho an'ity bibidia ity, dia ny Loterisma, Metodistisma, Batistisma, Pentekotistisma, Fahamasinanisma, ireo *isma* rehetra ireo dia niforona nankao amin'ny rafi-pandaminana iray ary nanao sary iray nitovy tamin'ny bibidia mihitsy. Io izy!

50 Ankehitriny, "Milaza ve ianao arak'izany, Rahalahy Branham, fa ny Katolika rehetra, ny Metodista rehetra, ary ny Batista rehetra dia handeha. . . ?" Tsy niteny an'izany aho.

51 Misy Kristiana nateraka indray an'arivony sy an'arivony ary an'aliny ao anatin'ireo fiangonana ireo. Saingy, ao amin'ny rafi-pandaminany, dia miezaka ny mitondra azy ireo mankany amin'ny fanekem-pinoana iray izy ireo, ary tsy hahatanty an'izany izy ireo. Ny—ny fiangonana iray, rehefa mandrafitra izy, dia tonga eo ambanin'ny fanekem-pinoana iray.

52 Ary tsy manana fanekem-pinoana afa-tsy ny Baiboly aho. *Ity* no Fanekem-pinoan'Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina no Mpandika an'Ity, ary Izy no mitondra an'Izany avy amin'ny Hazavana iray mankany amin'ny iray hafa. Ny Filazantsara izay toriako androany, raha ho velona aho mba hahita zato taona iray hafa, raha ho velona isika, dia hisy Hazavana bebe kokoa. Tsy ankitsahatra mihitsy, tonga foana Izany.

53 Nitaingina saretin'omby ianareo taloha, ny dadan'ny dadabenareo, rehefa nandeha nijery an'i nenibe izy. Nandeha nijery an'i neny tao anatin'ny T-Model i dada. Fa ankehitriny isika dia saiky mandeha ao anatin'ny fiaramanidina haingam-pandeha iray. Hitanareo, mandroso isika; ny siansa, mandroso; mandroso ny fampianarana; ny Filazantsara, mandroso. Ary ny Baiboly dia nilaza fa handroso izy ireo, nanao hoe, "Handeha hivoivoy izy ireo, ary hitombo ny fahalalana." Koa izany ilay fifandraisana. Izany no antony hoe misy. . .

54 Ireo fiangonana Protestanta ara-anaram-piangonana no sarin'ny bibidia, satria lasa anaram-piangonana mitovy marina tokoa amin'ny Katolisisma izany. Ary Andriamanitra dia tsy nanome baiko Ny Fiangonany mihitsy mba ho voarafitra, fa nanameloka mafy an'izany foana! Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy ny olona; ilay fiangonana!

55 Rehefa miezaka izy ireo mitondra olona eo ambanin'ny ha—hazavan'ny. . . Eto, ahoana moa raha nanandrana hanao anareo hiverina ny olona ka hanomboka handeha ao anatin'ny saretin'omby iray? Tsy hahatanty an'izany ianareo; miaina amin'ny taona iray tsaratsara kokoa isika. Tahaka an'izany ilay izy tany aoriana tany. Raha nanandrana niteny tamiko ny olona iray hoe, "Oh, ny zavatra tokana tokony hataonao dia *ity*, *itsy*." Miaina amin'ny taona iray hafa aho! Izaho. . . Izany ilay olana amin'ireo mpitoriteny, mijery any aoriana foana izy ireo.

56 Teto, nilaza ny siantifika Frantsay iray, latsaka ny telonjato taona lasa izay hoe, "Raha hany manao hafainganam-pandeha mampahatahotra telopolo maily isan'ora ny olona iray, dia hanaisotra azy hiala amin'ny tany ny hery misintona. Telopolo maily isan'ora!" Eny, mihevitra ve ianareo fa hiverina hitodika amin'izany ny siansa amin'izao andro izao? Lavitra an'izany! Tsia, tompoko. Asain'izy ireo handeha eo amin'ny sivinjato na arivo maily isan'ora izy. Hia, na indraindray ao anatin'ny balafomanga iray, ary amin'izay fotoana izay dia eninjato sy arivo maily isan'ora ilay izy. Ary mbola hitondra azy handroso foana!

57 Ny siansa dia nitondra ny olona handroso, mandroso kokoa, zavatra lehibe kokoa amin'ny sainy noho izay. . . Ary izany ilay zavatra tokana ananany, dia ny hazon'ny fahalalana. Lavitra kokoa noho ny nitondran'ireo mpitoriteny azy tamin'Ny Fanahiny, izay tsy misy fetra. Saingy izao no izy. Ny siansa dia tsy mijery any aoriana eo amin'izay nolazain'ny siansa taona vitsy lasa izay; maka an'izay ananany ankehitriny ny siansa ary mandroso ho amin'ny zavatra hafa.

58 Fa manontany an'ilay mpitory teny ianareo; "Eny, ho hitanay izay nolazain'i Moody mikasika an'Izany, ho hitanay izay nolazain'i Wesley mikasika an'Izany." Tsy ahoako izay nolazain'izy ireo mikasika an'Izany. Fantatro izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'Izany *ankehitriny*. Ity Izany, ary mbola mitady lehibe kokoa foana aho! Izay ilay izy. Izany no antony. . .

59 Hoy ny Baiboly hoe, "Fanahy maloto telo no nivoaka avy teo amin'ny vavan'ilay bibidia." Mba fantatrareo moa? Ny "fanahy maloto," hoy izy, "tahaka ny sahona." Efa mba voamarikareo ve hoe toy ny ahoana ny sahona iray? Ny sahona dia mijery any aoriana foana, tsy mijery any aloha mihitsy izy; mijery any aoriana, any aoriana foana, mijery any aoriana.

60 Fa ireo biby efatra izay nanana ny loha efatra samihafa, ao amin'ny Ezekiela, dia nijery nankany aloha ary tsy afaka nihemotra izy ireo. Nandroso hatrany izy ireo. Na taiza na taiza nalehan'izy ireo, dia nandeha nandroso mahitsy izy ireo. Hitanareo ve ilay fahasamihafana?

61 Ankehitriny, izany ilay fifandraisana izay ananan'ny Protestantisma amin'ny Katolisisma.

62 Noho izany dia mamely ny Katolika foana ianareo, saingy "ny vilany tsy afaka miantso ny famanan-drano hoe 'mainty.'" Marina izany.

63 Hoy aho hoe, "Kristiana ve ianao?"

64 "Homeko mba hahafantaranao fa mikambana amin'ny fiangonana Batista aho." Hia. Tsy misy idiran'io amin'Izany mihoatra noho ny milaza fa ianareo dia nikambana eto tamin'ilay. . . toeram-piompiana iray any ho any.

65 "Nahoana, mikambana amin'ny fiangonana Katolika aho." Mbola tsy manao anareo ho Kristiana iray foana izany. Ny mikambana amin'ny fiangonana Batista na Metodista dia tsy manao anareo ho Kristiana iray.

66 Fomba anankiray ihany no hahalasa Kristiana iray. Ny teny hoe *Kristiana* dia midika hoe "mitovy amin'i Kristy." Ary tsy afaka manao an'izany ianareo, tsy afaka mamokatra an'izany amin'ny tenanareo ianareo, tsy misy fomba mihitsy ahafahanareo manao an'izany. Tsy maintsy manadino ny tenanareo ianareo, maty ny amin'ny tenanareo, ary mamela an'i Kristy hiditra ka hiaina ny Fiainan'i Kristy ao anatinareo.

67 "Raha tsy ny olona . . . " Izao no nolazain'i Jesosy, "Raha tsy ateraky ny Fanahy sy ny rano ny olona, dia tsy hiditra amin'ny Fanjakana mihitsy izy." Na Katolika izy, Metodista, Batista, na inona na inona, dia tsy maintsy atao batisa ao anaty rano ianareo ho an'ny famelàna ny fahotanareo sy handraisanareo ny batisan'ny Fanahy Masina, raha tsy izany dia very ianareo. Izany no Tenin'i Jesosy Manokana. Noho izany ankehitriny raha Metodista ianareo, ka efa nandray ny batisan'ny Fanahy Masina, natao batisa tao anaty rano, dia nilaza Jesosy fa hiditra any An-danitra ianareo. Raha Katolika ianareo ary nanao an'ilay zavatra iray ihany, dia hiditra any An-danitra ianareo.

68 Fa raha mifikitra fotsiny eo amin'io fanekem-pinoan'ny fiangonana Katolika io ianareo, na ny Metodista, na ny fiangonana Batista, dia mbola very foana ianareo. Ary izany no antony ananantsika an'ilay toerana eto amin'izao tontolo izao, izay misy antsika amin'izao andro izao, satria ny olona dia marina tokoa . . . Hoy izy ireo hoe, "Manohitra ny finoako izany."

69 "Mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ve ianao?"

70 "Manohitra ny finoako izany." Manohitra ny fiangonanareo izany; ny fanekem-pinoan'ny fiangonanareo no nanao an'izany hikorontana, hitanareo, tsy maintsy manao an'izay lazain'ny fiangonana ianareo. Nefa avy eo dia mivazavaza amin'ny Katolika ianareo; izany ilay zavatra iray ihany izay ataon'izy ireo. Ary izany ilay bibidia sy ny sarin'ny bibidia! Ary hoy ny Baiboly hoe, "Na iza na iza nandray an'izany dia tsy afaka hiditra amin'ny Fanjakan'ny Lanitra, fa hatsipy any ivelany any amin'izay misy an'ireo alika sy mpanao ody, sy ny sisa, ary hampijalina amin'ny afo sy solifara, eo amin'ny fanatrehan'ireo Anjely masina sy ny Zanak'ondry, mandrakizay sy mandrakizay." Mivoaha avy amin'izany, ry sakaiza! Mahitsia amin'Andriamanitra! Eny, tompoko.

71 Ary ankehitriny dia mamelà ahy haka an'ity. Eny, hanala azy ireo isika. Ankehitriny, nanontany ahy ny olona iray androany; indroa na intelo no nanontaniana ahy an'izany.

**27. Rahalahy Branham, miresaka mikasika "ny mariky ny bibidia," tsy mino ve ianao fa hanao tombokavatsa isa iray**

**eo amin'ny lohanao izy ireo, na hanao tombokavatsa eo amin'ny tànanao?** Tsia, tompoko! Aza manantena an'izany mihitsy.

72 Ho fanilihana iray izany! Izany tokoa! "Tsy misy olona afaka hividy na hivarotra raha tsy mikambana amin'ilay fikambanamben'ny fiangonana izy." Marina izany. Ankehitriny, ho tonga tahaka ny firaisana iray izany, mampiray an'ilay zavatra, mampiditra an'izany ao amin'ny fivavahana miray. Mariho ny teniko, tsy lavitra izany! Ho hitanareo izany, eo amin'ny zorony mihitsy izy.

73 Ny antony tsy ahafantaranareo an'ireo zavatra ireo, dia eto an-trano foana ianareo. Araho aho any amin'ireo firenena izay ananan'ny Katolisisma fahefana ambony, indray mandeha, dia jereo izay miseho. Rahalahy, izy ireo no miteny amin'izy ireo an'izay hatao sy izay tsy hatao.

74 Ary eto ny Baiboly dia miteny fa Etazonia, nahazo an'izany tao amin'ny faminaniana isika, dia miseho tahaka ny *zanak'ondry* iray, "fahalalahan'ny fivavahana," ary nampiraisin'izy ireo miaraka avy hatrany ireo zavatra ireo, ary niteny tahaka ny dragona izy ary nampiasa an'ilay fahefana iray ihany izay nananan'ilay dragona talohany. Izany dia ny U.S.A.! Marina izany.

75 Nilaza tamiko ny mpitoriteny iray vao tsy ela akory izay, sakaizako iray, hoy izy, "Rahalahy Branham, tsy hamela an'i Etazonia ho lavo mihitsy Andriamanitra, nohon'ny fototry ny razambeny, niorina teo amin'ny fivavahana."

76 Hoy aho hoe, "Namela an'ireo Jiosy Izy; azo antoka fa nentina, ary nanana toerana tsara lavitra noho ny nananantsika izy ireo." Marina izany. Andriamanitra dia tsy manavaka taranaka iray izay efa lasa; na ianareo mandeha amin'ilay laharana na ianareo any ivelan'ny Fanjakana, izay ihany. Marina tokoa! Tena mafy izany, saingy tsara ho anareo izany. Marina izany. Ny Soratra izany. Ary isika dia manana, isika . . .

77 Ny olana amin'ilay izy dia, amin'izao andro izao . . . Ny sasany aminareo an'ny andro fahiny dia mahafantatra an'izany. Manana fitoriana filazantsaran'i Hollywood be loatra isika. Marina izany. Be loatra amin'izany miaraka amin'ny tabataba betsaka sy hadalana, famirapiratana betsaka sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany, sy mampaneno klaksona, sy ny sisa; ary, "Iza no hitsangana ka hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy manokana? Andriamanitra hitahy anao, rahalahy, mandeha mankany An-danitra ianao izao ankehitriny izao." Lainga izany! Lainga izany!

78 "Raha tsy ateraka indray ny olona!" Ary raha nateraka indray izy, dia ilay Fitahiana iray ihany izay tonga taminy tany no ho tonga aminy eto. Ary efa nandalovantsika izany, hatrany sy hatrany, ary tamin'ny alàlan'ireo Soratra tamin'ny

herinandro lasa. Ary hitantsika fa tany amin'ny vahoaka Tatsinanana, rehefa nilatsaka tamin'ny Jiosy ny Fanahy Masina, izay tatsinanana iray, vahoaka Tatsinanana, dia nilatsaka niaraka tamin'ny famantarana sy ny fanehoana lehibe ny Fanahy Masina. Nilaza ny Baiboly fa hisy saiky fo—fotoana iray tsy azo tenenina akory aza, toy ny hoe alina na andro. Somary andro nandrahona iray izany, hatramin'ny ampahany faran'ny hariva mihitsy. Ary avy eo dia hiposaka mandritry ny minitra vitsy ny masoandro amin'ilay hariva, farany. "Hisy Hazavana amin'ny hariva." Marina ve izany? Eny, ilay vahoaka Tandrefana izany, ireo Jentilisa, izay mandray an'ilay Fanahy Masina iray ihany izay noraisin'ny Jiosy tany aoriana tany, miaraka amin'ireo famantarana sy fanehoana iray ihany. Izay ilay izy.

79 Ary, mazava ho azy, ry olona, izao tontolo izao dia hiantso anareo hoe "fanatika iray, vaky loha." Ny Baiboly, nilaza Jesosy fa hanao an'izany izy ireo. Vahoaka iray miavaka ianareo, ary mahatsikaiky ianareo satria samihafa betsaka Izany.

80 Mahamarika an'izany aho eo amin'ny fiaraha-moniko manokana any an-trano, ireo olona any. Izy ireo, na dia ireo zanako kely aza; miezaka izahay ny hihazona azy ireo ho madio sy hiaina mendrika araka izay tratra, saingy afaka mandinika an'ireo mpiara-monina ianareo manao fahasamihafana eo amin'ireo ankizy. Hitanareo? Manao fahasamihafana iray izy ireo.

81 Ary fantatro, manana fomba ahafantarana zavatra aho (ary fantatrareo izany, efa nahita an'izany ianareo tao amin'ny fivoriana), fantatro fa ireo pasiteran'ny tanàna dia milaza hoe, "Eny, ankehitriny, zazalahy tsara iray i Billy, tsy manana na inona na inona manohitra azy isika. Saingy, hitanareo, kilasin'olona hafa kely fotsiny izany noho izay maha-izy antsika." Isaorana Andriamanitra! Marina izany. Isaorana Andriamanitra! Izany ilay Marika. Io ilay Marika izay resahantsika.

82 Jereo, omaly hariva, rehefa nilaza mialoha ny Fanahy Masina, sivinjato taona talohan'ny nandraisan'ny Jiosy ny Fanahy Masina, ka niteny tamin'izy ireo hoe ho inona izany. "Ilay fitoeran-dranomainty, nandeha teo afovoan'i Jerosalema ilay lehilahy niaraka tamin'ny fitoeran-dranomaintin'ny mpanoratra ka nanisy marika iray teo amin'ny handrin'izy ireo." Marina ve izany? Niresaka an'Izany talohan'ny nanamelohan'Andriamanitra ny fiangonana. Ary nanao fahirano ny màndan'i Jerosalema i Titus, tamin'ny A.D. 96, ka nandoro ny tanàna. Ary tsy nisy vato anankiray tavela teo ambonin'ny iray hafa, araka ny faminaniana. Ary, androany, ny zavatra tokana navelan'izy ireo avy tamin'ilay tempoly dia mànda tranainy iray any izay nasian'izy ireo vato mifampitaingina, ary voakosoka malama izany eo amin'izay itomanian'ireo Jiosy sy idradradradrany eo amin'ilay Rindrin'ny Fitomaniana, ilay

zavatra tokana tavela avy tamin'ilay tempoly. Ary ny Moskey an'i Omar no mijoro eo amin'ilay toerana iray ihany.

83 Ary hoy Jesosy hoe, "Araka ny nampilazaina an'i Daniela mpaminany; rehefa hitanareo mitsangana ao amin'ny fitoerana Masina ny fahavetavetana izay mahatonga faharavàna," avy eo dia nanipika Izy, ao anaty fonon-teny hoe, "(izay mamaky dia aoka hahazo.)" Hitanareo? Marina izany. Teo izany. Ary niteny Izy hoe ho firy andro. . .fotoana izany mandra-pahatongan'ny Jentilisa. . .fizaram-potoana hifarana; nanitsakitsaka ny mànda izy ireo, dia hiverina any amin'ny Jiosy Andriamanitra. Ary eo amin'izany fotoana izany mihitsy isika! Indro ireo Jiosy eo am-piverenana indray, an'arivony, tao anatin'ny taona vitsy farany. Ary fantatrareo hoe ahoana no nandalovantsika an'izany omaly hariva, ahoana fa ny Soratra tanteraka tokoa. . .tahaka ny mamaky gazety iray fotsiny, ary mazava kokoa satria mahazo saina bebe kokoa avy amin'Izany ianareo arak'izany.

84 Saingy, kanefa, ilay Marika izay napetraka teo amin'ny lohan'izy ireo dia tsy natao tamin'ny tombokavatsa. Sa tsy izany? Inona Izany? Ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary inona ilay Marika izay hisy ho an'ity andro farany ity? Hoy ny Baiboly hoe, "Ny Tombokasen'Andriamanitra dia ny batisan'ny Fanahy Masina, ho an'ny olona amin'ny andro farany." Ankehitriny dia tsy misy. . .Efesiana 4:30, "Koa aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Miteny ny Baiboly. Ary Efesiana 1:13 dia milaza an'ilay zavatra iray ihany, toerana maro hafa, hoe "Ny Fanahy Masina no Tombokasen'Andriamanitra."

85 Inona ny tombokase iray? Tsy azo apetraka eo amin'ny zavatra iray ny tombokase raha tsy efa feno ilay izy. Tsy voaisy tombokase ireo Loterana, tsy feno ny andron'ny fizaram-potoan'ny fahasoavana; nitory ny fanamarinana izy ireo. Tsy voaisy tombokase ireo Metodista. Tonga eo amin'ny fanontaniana iray aho eto; ho tonga amin'izany isika aoriana—aoriana kely. Tsy voaisy tombokase, satria tsy feno ilay izy. Fa ny batisan'ny Fanahy Masina no fahafenoan'ireo asan'Andriamanitra!

86 Hoy Izy hoe "Misy telo izay manambara any An-danitra: ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, ary ireo telo ireo dia Iray." Tsy afaka manana ny Ray ianareo raha tsy manana ny Zanaka, ny Zanaka raha tsy manana ny Fanahy Masina, Iray izy ireo.

87 Hoy Izy hoe, "Misy telo izay manambara ety an-tany: ny rano, ny Rà, ny Fanahy, ary tsy iray izy ireo fa mifanaraka ao amin'ny iray," eo ianareo izao, "amin'ny fanisiana tombokase feno iray." Fanamarinana eo ambanin'i Luther, rano; fanamasinana amin'ny alàlan'ny Rà.

88 Ny fanamarinana dia Romana 5:1, "Koa satria nohamarinina tamin'ny finoana isika dia manana fihavanana amin'i. . .

Andriamanitra amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika." Fanamarinana amin'ny finoana!

89 Fanamasinana amin'ny alàlan'ny Rà, Hebreo 13:12 sy 13, "Niaritra tany ivelan'ny vavahady Jesosy mba Ahafahany manamasina ny olona amin'ny alàlan'Ny Ràny Manokana."

90 Lioka 24:49, "Indro, Izaho mandefa ny teny fikasan'Ny Raiko ho anareo, fa mitoera ao an-tanànan'i Jerosalema mandra-panafiana anareo ny Hery avy any amin'ny Avo." Asa 1:8, "Rehefa afaka izany dia ho tonga eo aminareo ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia ho Vavolombeloko ianareo any Jerosalema, Jodia, Samaria, ary hatrany amin'ny faran'ny tany." Ny batisan'ny Fanahy Masina dia tokony haharitra mandra-piverin'i Jesosy indray! "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita Ahy satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao; manao an'ireo—ireo zavatra izay Ataoko, dia hataonareo koa." Amin'ny alàlan'Ny Fanahiny miasa amin'ny alàlan'ilay Fiangonana! Hoy Izy hoe, "Ho esoina ianareo." Hoy Izy, "Izy ireo dia niantso Ahy, ilay Tompon'ny trano hoe, '*Belzeboba*, "ilay lehiben'ireo mpanao hatsarana,"' hoy Izy, "tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoan'izy ireo ny Ankohonany ankehitriny?" Hoy Izy, "Sambatra ianareo raha ho lazain'ny olona amin'ny karazan-javatra rehetra mikasika anareo, mifalia sy miravoravoa fatratra, fa lehibe ny valisoanareo any An-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehan'izy ireo an'ireo mpaminany izay talohanareo."

91 Izany no Soratra, hitanareo. Izany no Izy. Noho izany, hitanareo, tsy maintsy manana an'Izany fotsiny ianareo, ry sakaiza. Ankehitriny dia tsy maintsy manao ny safidinareo ianareo; manana safidy malalaka ianareo.

92 Fa izany ilay fifandraisana eo amin'ny fiangonana Protestanta sy ny fiangonana Katolika. Miaraka izy roa ireo, araka ny Baiboly. . . izay mifikitra fotsiny ihany amin'ny fiangonana; tsy Jesosy, ankehitriny, amin'ny fiangonana. Ny olona ao amin'ny fiangonana izay mifikitra amin'i Jesosy Kristy ary mivavaka amin'Andriamanitra mba hanokatra ny làlana sy hanao azy ireo. . . hanome Hazavana azy ireo, voavonjy izany olona izany, tsy ahoako izay fiangonana misy azy. Marina izany. Fa raha mifikitra fotsiny amin'ny anaram-piangonany izy, dia efa nandray ny mariky ny fihemorana, izay maka ny toeran'ny batisan'ny Fanahy Masina. Mifanohitra! Ary ny Katolika sy ny Protestanta, samy mitovy, hoy ny Baiboly hoe, "Janga iray izy; mpijangajanga izy ireo, ireo zananivavy." Mazava ve izany ankehitriny? Eny àry.

**28. Noho izany ny Masina. . . Mbola omena amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana foana ve ny Fanahy Masina? Nanao an'izany ireo mpianatra, Petera, Paoly, sy ny sisa, ary mbola**

**azo atao ve izany? Tamin'izany fomba izany no nandraisan'i Paoly Azy.**

93 Eny, rahalahy, ranabavy malala, na iza no nanoratra an'ilay—ilay naoty. Ny Fanahy Masina dia tsy maintsy raisina tanteraka tokoa amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana.

94 Ankehitriny, maro ny olona miantso ahy . . . satria efa voaisy marika ho Pentekotista iray aho, milaza fa Pentekotista aho. Tsy nikambana tamin'ny rafi-pandaminana Pentekotista mihitsy aho. Afaka tanteraka amin'ny rafi-pandaminana rehetra aho, ary nohon'ny fanampian'Andriamanitra dia mikasa ny hijanona tahaka an'izany aho, satria afaka mijoro mihitsy eo amin'ilay banga aho ary manao hoe, “Mpirahalahy isika! Avia eto, ndao hiaraka handanjalanja.”

95 Rehefa nanomboka voalohany aho tany, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra . . . Ary ianareo olona eto, sy ireo mpitan-tsoratro ary ireo mipetraka eto dia mahafantatra, afaka hifandray amin'ny olona folo tapitrisa aho, na mihoatra, eto amin'izao tontolo izao androany. Rafi-pandaminana iray toy ny inona no azo atomboka! Hitanareo? Marina izany. Saingy tsy mila rafi-pandaminana iray aho, mifanohitra amin'ny Baiboly izany. Miezaka ny tsarako indrindra aho hitondra ny olona ho voavonjy izay ao anatin'ny rafi-pandaminana. Izany ilay zavatra. Ary izay fitaomana nomen'ny Tompo ahy miaraka amin'ny olona, dia hampiasaiko tokoa izany ho an'ny Voninahiny raha tokony hametraka an'izany eo amin'ny rafi-pandaminana iray. Hapetrako eo amin'i Jesosy Kristy eo amin'izay misy azy izany. Tsy misy rafi-pandaminana afaka mamonjy anareo; mila ny Ràn'i Jesosy Kristy izany.

Fa ankehitriny, amin'ny fametrahan-tànana, ankehitriny, izaho dia tsy hifanaraka amin'ny . . .

96 Ankehitriny, ianareo vahoaka Pentekotista malala, aza mifamaly amiko ankehitriny. Fa ankehitriny rehefa tonga eo amin'ny toerana iray ianareo mba hanao hoe, “Handeha hiandry ny Fanahy Masina izahay,” teny iray nampiasaina toy ny inona taloha tao amin'ny Pentekosta!

97 Ary hilaza an'ity aho amin' ny alàlan'izay . . . tsy mandratra ny fihetseham-ponareo. Ny fanohanana lehibe indrindra izay ananako eo amin'ny saha dia ny vahoaka Pentekotista, satria mino ny hafatry ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ny herin'Andriamanitra izy ireo. Ny sisa amin'izy ireo dia milanja ny orony amin'Izany.

98 Fa ireo isam-batan'olona avy ao amin'ny fiangonana fotsiny, izay voafidy mialoha ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, izy ireo no ho avy. Izay ihany. Fa ireo izay tsy voafidy, dia tsy afaka ho tonga; ary Andriamanitra no niteny an'izany, nanao hoe, “Voafidy mialoha ho amin'ny fanamelohana izy ireo.” Tsy Tiany hisy iray ho levona, saingy, satria Andriamanitra, dia efa Hitany

fa hanameloka an'Izany izy ireo. Koa izany no—izay ihany, efa Hitany mialoha izany. Ary izany ilay fahalalana mialoha an'Andriamanitra, ny mahita an'ireo zavatra ireo. Ary efa niteny mialoha fotsiny Izy izay hitsanganan'ilay Fiangonana mihitsy hatramin'ity tena andro ity. Ary efa fantatr'Andriamanitra hatramin'ny voalohany izany. Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa Fantany fa ny fiangonana dia ho tahaka azy mihitsy ankehitriny. Efa Fantany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao fa hitsangana eto amin'ity polipitra ity aho izao hariva izao. Andriamanitra Izy; Fantany ny farany hatrany amin'ny voalohany.

99 Ankehitriny, ankehitriny, ny vahoaka Pentekotista dia nampianatra . . . Ankehitriny, hahazo valiny betsaka mikasika an'Ity angamba aho, saingy tsy maintsy mahitsy fo aho raha tsy maintsy hanatona ny Teny. Tsy misy ny karazan-javatra toy ny hoe "fivoriam-piandrasana." Tao anatin'ny fahadisoana ianareo. Mitoetra dia tsy midika hoe "mivavaka." *Mitoetra* dia midika hoe "miandry." Taorian'ny fiakarana, rehefa Jesosy Kristy . . . ny fanohomboana, ny fanadiovana ny fitoerana masina. Ary taorian'ny Andro Fanaovam-panavotana, ny fitsanganana . . . Ny Andro Fanaovam-panavotana, rehefa novonoina Izy, ary avy eo dia nisy efapolo andro hatramin'ny fiakarana, ary avy eo ny Pentekosta. Ny teny hoe *pentekosta* dia midika hoe "dimampolo," izany dia midika hoe dimampolo andro taorian'ny fanolorana ny Fanaovam-panavotana.

100 Ary avy eo rehefa voatolotra ny Fanaovam-panavotana, dia tsy maintsy lasa tanteraka ny zavatra rehetra, ara-bakiteny, ara-jeografia, ny zavatra rehetra araka izay nolazain'Andriamanitra mihitsy. Ary ny Pentekosta, fotoan-jobily iray izany, izay nitondran'izy ireo ny voaloham-bokatry ny fijinjana ary nanana jobily iray.

101 Ankehitriny, ny voaloham-bokatr'ilay—ilay Fiangonana, ny Fiangonan'ny Fanahy Masina, ilay Fiangonana izay tsy maintsy naharitra an'ireo roa arivo taona ireo mandra-pahatongan'i Jesosy, ny voaloham-bokatra dia tonga tamin'ny Pentekosta. Folo andro talohan'ny fotoan'ny Pentekotista izany; efapolo andro taorian'ny fanadiovana izany, taorian'ny namonoana ny fanatitra, ka hatramin'ny fiakaran'i Jesosy Kristy. Hoy Izy hoe, "Miakara any Jerosalema ka miandrasa mandra-panafiana anareo amin'ny Hery avy any amin'ny Avo." Asa 1 . . .

102 Asa 2, "Ary rehefa tonga tanteraka ny Andron'ny Pentekosta, dia niray saina izy ireo, teo amin'ny toerana iray. Ary tampoka teo dia nisy feo tonga avy tany An-danitra tahaka ny rivotra mahery mifofofofo, nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo. Ary feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka nanomboka niteny tamin'ny fiteny hafa, arak'izay nanomezan'ny Fanahy azy ireo ny fitenenana."

103 Ary tamin'izay fotoana izay ilay tontolo ara-pivavahana, ety ivelany, ireo fiangonana ortodoksa malaza, dia tonga ka nahita an'ireo olona ireo nivembena sy nihetsika tahaka ny olona mamo. Dia nanatona izy ireo ary nihomehy azy ireo sady naneso azy ireo, nanao hoe, "Jereo io andiana Galiliana io! Mamo izy rehetra!" Hitanareo ve ilay tsy fahazoana?

104 Ary ho an'ny sakaizako Katolika, niaraka tamin'izy ireo i Maria virijiny voatahy. Ary raha tsy navelan'Andriamanitra ho tonga any An-danitra izy raha tsy nandray ny Fanahy Masina sy lasa tahaka an'izany, dia mihevitra ve ianareo fa ho tonga any raha tsy manana an'izany, ranabavy? Tsia. Noho izany dia ndao isika hidina amin'ny soavalintsika avo, ndao isika hidina.

105 Aza miraharaha izay ho lazain'izao tontolo izao. Jereo izay ho lazain'Andriamanitra! Ity no Tenin'Andriamanitra. Tsy maintsy manorina an'izany isika arak'*ity* planina ity, satria hoy Izy tamin'i Petera hoe, "Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Hiseho ny zavatra hafa rehetra. Izany no naneho fa hanohitra an'Izany ny vavahadin'ny helo, saingy tsy haharesy izy. Ary mihevitra ve ny olona fa afaka manakana an'Izany izy ireo? Afaka manakana ny masoandro haingana kokoa ianareo. Marina izany. Tsy afaka manakana an'Izany ianareo. Andriamanitra no nanendry an'Izany handroso.

106 Teto fony aho niova fo voalohany, na ny reniko *mahantra* ery aoriana ery aza dia nihevitra fa lasa adala aho. Hoy ny rafozambaviko hoe, "Tokony halefa any amin'ny toeram-pitsaboana adala izy." Hoy ny mpitory tenin'ny tanàna hoe, "Ho faty tsy ho ela izy." Efa ela aho no nirehitra. Firehetana ara-panahy izany, tsaratsara kokoa foana. Nahoana? Tsy mety maty izany, Andriamanitra Izany! Raha tokony ho faty, dia miparitaka manerana an'izao tontolo izao Izany ankehitriny.

107 Ilay zavatra iray ihany mihitsy izay Nolazainy rehefa nanao batisa aho teto teo amin'ny Renirano Ohio, maro aminareo no nitsangana tany, telo amby roapolo taona lasa izay, teo amin'ny Renirano Ohio mihitsy. Ilay Hazavana, Anjely, dia nidina mihitsy teo amin'izay nisy anay, ary nanao hoe, "Tahaka ny nanirahina an'i Jaona Mpanao-batisa ho mpialoha làlana ny Fihavian'i Jesosy Kristy voalohany, dia ny Hafatrao no hitondra ny Fihavian'i Jesosy Kristy faharoa." Ary vita izany. Izany dia. . . Tsy mbola tonga Izy, saingy jereo izay vita, nitety an'izao tontolo izao izany, manerana. Hitanareo? Ary ankehitriny androany, eritrereto fotsiny, ary ny—ny ezaka izay natao, dia nisy an-tapitrisany ara-bakiteny.

108 Na dia ny *Sunday Visitor* an'ny Katolika aza dia niresaka an'izany, ny amin'ny hoe firy tapitrisa no niditra manerana, noho ilay ezaka fotsiny.

109 Ireo hafa dia mandre, hoy izy ireo hoe, "Izany no Fahamarinana! Vonona ny hivarotra aho izao ankehitriny izao, an'ireo zavatr'izao tontolo izao, ka handeha hitory ny tena Filazantsara."

110 Ary izany no antony iantsoan'izy ireo antsika hoe "Filazantsara feno," maneso ny Filazantsara feno izy ireo. Fa, rahalahy, tsy mila antsasaky ny inona na inona aho, izaho. . . tsy maintsy ho ilay zavatra manontolo ilay izy, amiko. Raha tsara ny ampahan'Izany, dia tsara ny sisa amin'Izany. Ny Filazantsara feno!

111 Ankehitriny, mariho, tonga ny Fanahy Masina tany. Niandry ireo vahoaka Pentekotista, "Ary tampoka teo dia nisy feo avy tany An-danitra tahaka ny rivotra mahery mifofofofo, nameno ny trano izay nipetrahan'izy ireo."

112 Tsy nisy fotoana hany tsy maintsy niandrasan'izy ireo taorian'izany. Raha mbola niteny an'ireo Teny ireo tamin'ny Jentilisa i Petera, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina, talohan'ny nanaovana batisa azy ireo mihitsy aza. Marina ve izany? Raha mbola, Asa 10:49. . .

> Fa *raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera, dia nilatsaka ny Fanahy Masina teo. . . ireo izay nandre ny teny.*
>
> *Ary ireo izay voafora. . . izay rehetra tonga niaraka tamin'i* Petera dia talanjona, *satria. . . teo amin'ireo Jentilisa. . . no nilatsaka ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*
>
> *Fa nandre azy ireo niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, sy nankalaza an'Andriamanitra izy ireo. Avy eo dia hoy Petera hoe,*
>
> *Afaka mandrara ny rano ve* ny *olona,* hita *fa ireto* dia tsy maintsy. . . efa *nandray ny Fanahy Masina* tahaka antsika tamin'ny voalohany?
>
> *Ary izy* dia niandry ka nanao bat-. . . *nandidy azy ireo mba hatao batisa amin'ny anaran'i* Jesosy Kristy!. . .

113 Marina izany; tsy miandry, tsy mitoetra. Ny fanaon'ny apostoly, tsy nanana fitsipika voafaritra Andriamanitra; rehefa noana ny fo, dia Homeny anareo izay maha-noana anareo. Raha mila ny Fanahy Masina ianareo, dia afaka hilatsaka aminareo izao ankehitriny izao Izany.

114 Petera, rehefa nandeha hitory teny izy, nanana ny fanalahidin'ny Fanjakana i Petera. Manana fanontaniana iray aho hahatongavana eo amin'izany afaka minitra vitsy. Nanana ny fanalahidin'ilay Fanjakana izy. Nosokafany Izany teo amin'ny tranon'i Kornelio. Nosokafany Izany, tany amin'ireo Samaritana, nosokafany Izany tany; saingy tsarovy fa nandeha tany i Filipo sy nitory teny tamin'izy ireo ary nanao batisa

azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary tonga i Petera ka nametra-tànana teo amin'izy ireo. Ary, ankehitriny, nanao zavatra izy, ho an'ilay mpanao ody tany. . . Nanana an'i Simona mpanao ody izy ireo, nanao hoe, "Homeko vola vitsivitsy ianao, mba hanome ahy an'io Fanomezana io, ka na iza na iza no hametrahako ny tànako dia mandray ny Fanahy Masina." Marina ve izany? Nisy zavatra nitranga! (Tsy ny sasany amin'ireo arseveka miaraka amin'ny vozon'akanjony mivadika ireo, nanatona ka nametra-tànana teo amin'izy ireo, nanao hoe, "Omeko anao ny tso-drano apostolika.") Nisy zavatra nitranga rehefa nametraka ny tànany teo amin'izy ireo i Petera; ary rehefa mbola mametraka izy ireo.

115 Nahita azy ireo nianjera tahaka ny lalitra fotsiny tahaka an'izao aho, rehefa mandòna azy ireo ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana. Eny, izany no—no foto-pampianarana apostolika an'ny fametrahan-tànana. Andriamanitra hitahy anareo. Raha tsy mifanaraka kely amin'izany ianareo, dia anoraty naoty kely iray fotsiny aho rahampitso hariva. Eny àry.

**29. Raha ny roa ampahatelon'ny olon'izao tontolo izao no nandre. . . tsy mbola nandre ny Filazantsara, ny Tenin'ny Filazantsara, dia firy no. . .**

Mamelà ahy. Nosoratana tamin'ny ranomainty ilay izy, ary tsemboka aho eto ka nilatsaka teo amin'izany ilay izy. Ndao jerentsika.

**Raha ny roa ampahatelon'ny olon'izao tontolo izao no tsy mbola nandre ny Filazantsara, dia ahoana no ahafahan'ny Tompontsika ho tonga ankehitriny, satria tsy nandre ny Filazantsara izy ireo, ny roa ampahatelon'izy ireo?**

Eny, marina tokoa izany. Ho teneniko aminareo izay eritreretiko.

116 Teto vao tsy ela akory izay, rehefa Dr. Reidhead, Filohan'ny Sudan Mission, ilay tena malaza indrindra. . . ilay apostolika malaza indrindra. . . Tsia, mamelà ahy. Ny misiona ara-pototra malaza indrindra eto amin'izao tontolo izao, ny Sudan Mission. Dr. Reidhead, miaraka amin'ny diplaoma maro be hany ka tsy fantany akory hoe firy ireo diplaoma teo aminy, tonga tany an-tranoko tany, herintaona sy enim-bolana mahery kely lasa izay. Ary nitsangana tao an-tranoko, izy sy io Hyman Appleman io, io mpitoriteny Batista io izay nandray ny Fanahy Masina ankehitriny ary mitory teny any Mexico. Ary tonga tany an-trano izy. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "mifampiraharaha amin'ireo Pentekotista ve ianao?"

Dia hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Ary hoy izy hoe, "Izaho no Dr. Reidhead."

Hoy aho hoe, "Faly mahafantatra anao aho. Hiditra ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Eny, tompoko."

117 Nipetraka izy, nanao hoe, "Te-hanontany zavatra aminao aho." Hoy izy, "Azoko fa voatendry ianao tao amin'ny fiangonana Batista."

118 Hoy aho hoe, "Marina izany." Hoy aho hoe, "Nivoaka avy tamin'izany aho," hoy aho, "satria tsy afaka nahatanty an'izany. Izaho—mino aho fa tokony hitory an'izay lazain'ny Baiboly, fa tsy izay lazain'ny fiangonana Batista. Ary tsy manana na inona na inona manohitra ny fiangonana Batista aho, tsara tahaka ny fiangonana hafa rehetra izy ireo." Dia hoy aho hoe, "Nivoaka tao aho mba ahafahako ho afaka."

Hoy izy hoe, "Eny, mazava ho azy, fantatrao fa Batista izahay."

Dia hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

119 Ary hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra aminao aho. Ahoana ny amin'io batisan'ny Fanahy Masina io?" Hoy izy, "Efa tao aho ary nahita azy ireo nanongana seza sy nanitsakitsaka sy nivazavaza ary nanao hadalana."

120 Hoy aho hoe, "Izaho dia efa nahita an'izany rehetra izany, ihany koa." Fa hoy aho hoe, "Rahalahy, ao ambadik'izany rehetra izany, dia misy zavatra iray tena izy an'ny batisan'ny Fanahy Masina."

121 Dia hoy izy hoe "Rahalahy Branham, afaka mandray an'Izany ve aho?" Hoy izy hoe, "Manana titra betsaka aho!" Hoy izy hoe, "Dokotera iray aho, izaho *ity*, izaho manana ny Ph.D.-ko, izaho manana ny Diplaoman'ny Bakaloreako, manana ny karazana diplaoma sy mari-boninahitra rehetra avy amin'ny firenena rehetra aho, ary ireo zavatra tahaka an'izany," hoy izy, "fa aiza Jesosy Kristy?"

122 Hoy aho hoe, "Eny, rahalahy, ato amin'ny efitra ato mihitsy Izy."

123 Hoy izy hoe, "Nitsangana aho ary niresaka tamin'ny Mohametana mafana fo iray, vao avy nianatra tany Amerika, ka hoy aho hoe, 'Mialà amin'ny mpaminaninao fahiny efa maty ka raiso Jesosy Tompo nitsangana.' Hoy izy hoe, 'Tompoko tsara fanahy, inona no azon'i Jesosy Tomponao nitsangana atao ho ahy mihoatra noho izay azon'ny Mohametako atao?' Hoy izy, 'Samy nanoratra Baiboly izy roa ireo, mino an'izany isika.' Hoy izy, 'Samy maty izy ireo.' Dia hoy izy, 'Ary samy nampanantena fiainana aorian'ny fahafatesana izy roa ireo, ho antsika, ary mino an'izany isika.'"

124 Hoy izy hoe, "'Oh, fa, hitanao,'" hoy izy, "'manana fifaliana izahay Kristiana.'"

125 "Hoy izy, 'Izahay koa.' Hoy izy, 'Afaka mamokatra psykolojia betsaka tahaka an'izay vitanao aho.'" Ary marina izany. "Hoy izy hoe, 'Eny, jereo, ny Mohametanay . . . Nilaza ianao fa ny Jesosy Tomponao dia nitsangana tamin'ny maty.'"

126 Ary hoy i Dokotera Reidhead hoe, "'Nahoana, nitsangana Izy!'"

127 "Hoy izy, 'Porofoy izany!' Hoy izy, 'Porofoy izany!' Hoy izy, 'Nanana roa arivo taona ianao hanaporofoina an'izany, ary eo amin'ny iray ampahatelon'izao tontolo izao fotsiny no mba nandre nikasika an'izany.' Hoy izy, 'Avelao hitsangana ny Mohametanay fa izao tontolo rehetra izao dia hahafantatra mikasika an'izany saiky ao anatin'ny roa andro.'" Marina ny azy. "Hoy izy hoe, 'Ny Mohametanay dia tsy nampanantena anay afa-tsy fiainana aorian'ny fahafatesana mihitsy.' Hoy izy hoe, 'Ny Jesosy Tomponareo dia nampanantena anareo, ary ianareo mpampianatra, fa ireo tena zavatra izay Nataony mihitsy no hataonareo koa.' Ary hoy izy, 'Avelao izahay hahita anareo mpampianatra hamokatra an'izany ankehitriny, dia,' hoy izy, 'hino izahay fa nitsangana tamin'ny maty Izy.'"

128 Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, nahintsako tahaka an'*izao* ny vovoka tamin'ny tongotro ka novaiko ilay lohahevitra." Miaraka amin'ireo diplaoma rehetra ireo! Nahoana? Aiza Andriamanitra ao anatin'ireo diplaoma ireo? Andriamanitra dia tsy fantatra amin'ny alàlan'ireo Ph.D., sy ny D.D., ary ny L.D., sy ny sisa.

129 Andriamanitra dia fantatra amin'ny alàlan'ny finoana tsotra, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Izany no fomba tokana. Andriamanitra ao anatinareo, hany Izy ka mitondra anareo "ho zanak'Andriamanitra iray," manova ny natioranareo. Ary ilay tena zavatra iray ihany mihitsy, Andriamanitra ilay Mpamorona Izay nanao ny zavatra rehetra sy niteny an'izao tontolo izao ho amin'ny fisiana tamin'ny alàlan'Ny Teniny, raha io Fanahy iray io ihany no ao anatinareo, dia mino ny zavatra rehetra izay lazain'Andriamanitra ianareo. Ary tsy misy na inona na inona tsy azo atao; mino an'Izany ianareo.

130 Tsy hitsangana ao ambadiky ny fanekem-pinoana kely iray ianareo ka hanao hoe, "Izaho tsy, tsy afaka hanaiky an'Izany. Tsy mino aho fa hanao an'*ity* Andriamanitra. Tsy afaka hino aho." Mametra an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny tsi-finoanareo ianareo! Izay ilay izy.

131 Noho izany dia nitsangana tany i Dr. Reidhead, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, afaka ve ny olona iray handray, marina tokoa, ny Fanahy Masina?"

132 Hoy aho hoe, "Eny, tompoko, Dr. Reed- . . . , afaka ianao."

133 Hoy izy hoe, "Raha mahafantatra ny foko Andriamanitra; ary mino anao aho, mahafantatra; ary eo ambany tsindrimandry

izao ankehitriny izao, dia tiako ianao mba . . . Mino ve ianao fa miteny ny fahamarinanana aho?"

Hoy aho hoe, "Fantatro fa miteny ianao!"

Hoy izy hoe, "Ahoana no tsy maintsy handraisako an'Izany?"

Hoy aho hoe, "Mandohaleha."

134 Dia nandohalika teo akaikin'ny latabatra ho an'ny kafe tranainy izy. Vao avy naka avy teto aho. Mipetraka ery aoriana ery ilay lehilahy izay nanamboatra azy vao teo eto. Nipetraka teo, novakiany ilay fitaratra teo an-tampon'izany rehefa nandohalika izy. Hoy izy hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amin'ny fanahiko mpanota." Ary nametra-tànana teo aminy aho, ka tonga teo aminy teo no ho eo ny batisan'ny Fanahy Masina. Marina izany.

135 Ary manao an'ilay fiangonana Batista hirehitra hatraiza hatraiza mihitsy izy ankehitriny, tamin'izy rehetra ireo manerana any. Izay ilay izy. Eny, tompoko.

136 Ny Filazantsara dia tsy afaka . . . Tsy afaka ho tonga Jesosy raha tsy ny . . .

137 Henoy! Nandefa trakta nanerana an'izao tontolo izao isika. Tsy afaka mandeha any amin'ny zorony kely iray ianareo ka tsy nisy trakta nozaraina, nandalo teo ny olona iray niaraka tamin'ny teolojia. Mandehana any ampitan-dranomasina androany ka antsoy ny tenanareo hoe "misionera," dia diniho izy ireo mihomehy anareo. Mandehana any Inde ka manaova hoe, "Misionera iray aho."

138 "Eny, inona no hampianarinao anay?" Mahafantatra mikasika ny Baiboly betsaka izy ireo noho ny . . . Ny sasany amin'ireo zanak'izy ireo any dia mahafantatra mikasika an'izany betsaka noho ny sasany amin'ireo mpampianatr'izy ireo eto Amerika. Sady izay koa, Boky Tatsinanana iray ilay izy. Ary, tsarovy, fa izy ireo dia efa nanana ny Filazantsara an-jatony sy an-jatony ary an-jatony taona talohan'ny hany nahatongavan'i Amerika tamin'ny fisiana. Saint Thomas, ilay fiangonana lehibe izay nitoriany teny, dia mbola mijoro androany any Inde. Tsy mila na inona na inona avy amin'ny fampianaranareo izy ireo, fantatr'izy ireo ny rehetra mikasika an'izany. Hoy izy ireo hoe, "Inona no hampianarinareo anay?"

"Eny, misionera Amerikana izahay."

139 "Inona no hampianarinareo anay, ahoana no hisotroana whisky? Izany no ataonareo rehetra any ao amin'ny fiangonanareo! Mifoka sigara ve? Hampianatra anay hoe ahoana no hisarahana amin'ny vadinay, sy ny sisa ve?" Hoy izy ireo, "Raha hanao an'izany ianareo, dia tsy mila an'izany izahay." Ary hoy izy ireo, "Ho tonga eto ianareo miaraka amin'ny teolojia vaovao iray na zavatra hafa, hanandrana hampianatra anay ny sasany amin'ny Teny ianareo, mahafantatra mikasika

an'izany betsaka noho ianareo izahay." Ary marina izany. Hoy izy hoe, "Fa raha ho avy ianareo haneho an'izay lazain'ny Teny, dia handray an'Izany izahay." Amena! Eo ianareo izao. Izany ilay zavatra izay mahanoana azy ireo.

140 Asio marika ny Teniko, soraty ao amin'ny pejin'ny Baibolinareo Izany, satria Izany no HOY NY TOMPO HOE, "Tsarovy, rehefa midina any Inde izahay, dia handre ianareo fa an'alinalina no ho voavonjy." Ny Fanahy Masina no efa nilaza an'Izany. Nosoratako tato amin'ny Baiboliko Izany. Voasoratra ao amin'ny Baiboly an'aliny eto mihitsy izany, tahaka ny fitsanganan'ilay zazalahy kely, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray izay Nolazainy. "Misy telo hetsy amin'izy ireo any." Ary jereo raha tsy marina izany! Tahaka an'izany no hitoriana ny Filazantsara mandritry ny alina mihitsy. Hiely tahaka an'izany fotsiny izy, hitety toerana.

141 Tany Afrika, izay nandraisan'ireo telo alina an'Andriamanitra tamin'ny antso eny amin'ny alitara anankiray fotsiny, hoy aho hoe, "Atsangano ny tànanareo ka raiso ny Fanahy Masina." Hoy aho hoe, "Aza miandry misionera Amerikana iray ho avy ka hampianatra anareo hianatra an'ireo fiteny ao am-piangonana." Ary ireo reny izay manasa lamba teo amin'ny hazo fisaka, mba handefasana misionera iray ho any ary handehandeha ao anatin'ny fiara goavana tsara iray, mivelona amin'ny matavin'ilay firenena; azo antoka, mizara trakta vitsivitsy dia miverina. Tsy mila an'izany izy ireo; izany no manaporofo an'ilay izy.

142 Nilaza aho teto mihitsy tao amin'ny Hopitaly Jiosy tany, hariva vitsy lasa izay tao amin'ny fivoriana iray niaraka tamin'ireo mpitoriteny sy dokotera, teo amin'ny lohahevitra mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra; hoy aho hoe, "Niantso ahy hoe holy-roller iray ianareo, ary nilaza ianareo fa nanonofy ratsy aho rehefa niteny taminareo aho . . . ilay Anjelin'ny Tompo." Dia hoy aho hoe, "Ary ny fiangonantsika manokana dia nandefa an'arivony sy nandany dolara an-tapitrisany, tamin'ny fandefasana misionera ho any Afrika; nefa rehefa tonga tany aho, dia nitondra sampy fotaka kely izy ireo, miezaka ny hahazo fanampiana avy amin'ilay sampy fotaka, nefa miantso ny tenany hoe 'Kristiana.'" Dia hoy aho hoe, "Ary izay nantsoinareo hoe 'fanatisma' dia nahazo fanahy betsaka ho an'i Kristy tao anatin'ny fotoana dimy minitra noho izay azon'ireo dolarantsika an-tapitrisany sy ireo misionera an'arivony tao anatin'ny dimampolo amby zato taona farany." Nangina izy ireo, izay ilay izy! Nipetraka teo ilay izy. Nilaza taminareo aho, ireo lehilahy ireo, hoy aho hoe, "Aza—aza miezaka ny ho ampianarina, raiso fotsiny ity Filazantsara ity ary mandehana any amin'ny—any amin'ny tanin'ireo teratany izay tsy ahafahan'ilay fotsy hoditra handeha akory aza, noho ireo aretina."

143 Ary manana firaketana aho, avy amin'ny gazetin'i Durban mihitsy, izao no voalazany, "Na dia ilay lehilahy antitra anankiray aza izay tsy nahafantatra akory hoe iza no tànana ankavanana sy ankavia, dia nandray ny batisan'ny Fanahy Masina, ary nanao batisa ara-keviny arivo isan-kerinandro." Tahaka an'izany no andehanan'ny Filazantsara, ao anatin'ny fotoana fohy fotsiny, mila eo amin'ny enim-bolana fotsiny Izany hahasarona an'izao tontolo izao. Eny àry.

**30. Hazavainao ve ny mikasika ny Kristiana—Siansa Kristiana?**

144 Eny àry. Izaho. . . Ity no. . . Tsy hiresaka mikasika ny fivavahanao aho, ry rahalahiko na anabaviko, na iza no nametraka an'ilay fanontaniana. Ny Siansa Kristiana dia psykolojia. (Ary ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia ny herin'Andriamanitra!) Ny Siansa Kristiana dia manana fisainana eo amin'ny zavatra; ny Siansa Kristiana dia mandà ny Ràn'i Jesosy Kristy. Ny Siansa Kristiana. . . Oh, manana ny bokin-dRtoa. Eddy aho any, ary namaky azy rehetra. Hitanareo? Marina izany, mandà ny maha-Andriamanitra an'i Jesosy Kristy ny Siansa Kristiana, ary mametraka Azy ho "mpaminany." Tsy olona i Jesosy Kristy; Andriamanitra Izy! Andriamanitra Izy! Ary mihevitra izy ireo fa fisainana eo amin'ny zavatra izany.

145 Raha tratry ny vokin'ozatra aho eo amin'ny sandriko na ao amin'ny vavoniko, na ao anaty. . . na fanaintainana ao amin'ny lohako, dia manana saina ampy aho hamantarana fa maharary ilay izy, ary izany dia tsy hoe izaho no mihevitra fa maharary ilay izy. Saingy fantatro fa ny herin'Andriamanitra no afaka manaisotra an'izany, tsy ny. . . izaho no mieritreritra an'izany. Hitanareo? Noho izany, ny Siansa Kristiana, hilaza an'ity aho miaraka amin'ilay hafa izay nanontaniana ahy, dia iray amin'ireo isman'ny andro moderina, ary fahadisoana iray lalina, maizina. Marina izany. Tsy mandratra ny fihetseham-ponao, ry sakaiza, izay nanoratra azy, fa tsy maintsy tso-po aho. Satria ianao izay nanoratra azy, sy izaho, miaraka, dia hitsangana miaraka indray andro any eo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy mba hanao tatitra iray, ary tsy maintsy hamaly ny amin'izay lazaiko aho. Ankehitriny, tsy ho namaly aho raha tsy efa fantatro. Eny àry.

**31.** Ankehitriny: **Rehefa izahay no. . . Rehefa mipetraka lavitra avy eto izahay mba hanatrika. . . Mipetraka lavitra loatra avy eto izahay mba hanatrika eto amin'ny tabernakla. Aiza no atoronao hanatrehanay, hampivorianay ny tenanay miaraka, satria ireo fiangonana dia manaraka an'ilay renim-piangonana, na, ny Katolisisma?**

146 Ry rahalahiko na anabaviko malala, na iza no nanoratra azy, tsy hiteny aminao aho hoe fiangonana inona no hatrehina. Fa ny hataoko, ity, ry rahalahiko, anabaviko, izaho. . . Raha tsy manana ny batisan'ny Fanahy Masina ianao, hitanao, eny,

raiso ny batisan'ny Fanahy Masina ary avy eo dia mandehana any amin'ny fiangonana iray izay misy olona hafa izay nahazo ny batisan'ny Fanahy Masina. Ianao dia. . . miangòna miaraka amin'ireo karazan'olona ireo!

147 Nahita lehilahy iray aho, teto vao tsy ela akory izay, izay teraka folo taona hatramin'izy. . . na, tsy teraka, mamelà ahy, folo taona ilay izy hatramin'ny nahazoany ny fahitana. Nikambana tamin'ny fiangonana lehibe iray izy, ary nipetraka tany Kennett, Missouri. Ary izy dia nanana. . . izy dia mpa—dia mpanjaitra kiraro iray taona maro lasa izay, ary lasa jamba. Ary tonga teo amin'ny lampihazo ilay lehilahy, ka niteny taminy ny Fanahy Masina hoe iza izy ary inona no tsy mety aminy, niteny taminy hoe hafiriana no naha-jamba azy, ary niteny taminy ny asa kely, maloto izay nataony. Hoy izy hoe, "Raha hamela ahy ho velona Andriamanitra mba ho tonga any, dia hahitsiko izany." Ary, rehefa nilaza an'izany izy, dia lasa nisokatra ny masony; ary ity tena Baiboly iray ity mihitsy, dia namaky toko sy toko avy tamin'Izany izy.

148 Niverina tany amin'ny fiangonany izy ary nanome dera. Dia niteny taminy ilay pasitera hoe, "Mety ho nitranga izany na ahoana na ahoana. Nahoana, ianao fotsiny no nikorontana, tsy nisy na inona na inona amin'izany. Tsy misy na inona na inona amin'izany karazan-javatra izany, avy amin'ny devoly izany!"

149 Mihaika ny olona rehetra aho haneho amiko Soratra anankiray hoe afaka manasitrana ny devoly. Raha haneho amiko ianareo hoe afaka manasitrana ny devoly, dia hoporofoiko fa ny devoly no rainareo; marina izany, raha hanao an'izany ianareo. Tsy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Tsy azo porofoina izany. Ary ianareo dia mety. . . ianareo izay afaka ka te-hanandrana an'izany, dia tongasoa ianareo. Fa izany dia efa fantatr'ireo eveka sy ny zavatra hafa rehetra, rahalahy, noho izany dia aza milaza an'izany.

150 Jereo! Ary io lehilahy iray io ihany dia nanomboka, tao am-pony, nino an'izany. Ary telo volana taty aoriana dia tao amin'ireo fivoriako izy, jamba mihitsy tahaka azy tamin'ny voalohany. Eo ianareo izao.

151 Noho izany dia ialao ireo isma ireo! Angony miaraka amin'ny olona izay mino ny tenanareo, akambano ny tenanareo. Hoy ny Baiboly hoe, "Aza manisy zioga ny tenanareo amin'ny tsimpino." "Misaraha ianareo," hoy Andriamanitra. Mivoaha! Hoy ny Baiboly hoe, "Mivoaha avy eo anivon'izy ireo, ka aoka. . . aza mikasika an'ireo zava-malotony, dia handray anareo Aho. Izaho no Tompo Izay mitsangana eo afovoan'ny fiangonana." Marina izany. Mivoaha! Aza mikambana amin'ny toy izany!

152 Fa avelao. . . ento eo anivon'ny fiangonana iray ny tenanareo, fiangonana tsara iray. Metodista, Batista, Presbyterana, Campbellite, na mety ho iza ilay izy, izany dia manao. . . Any

amin'izay misy an'ireo tena mpino marina, dia tsy miraharaha an'izay lazain'ny fanekem-pinoana izy ireo, mandeha any izy ireo mba hihaona amin'ireo rahalahiny sy anabaviny ary manompo an'Andriamanitra, miaraka. Eny àry.

**32. Omaly hariva ianao dia niresaka mikasika "ny vahoaka betsaka izay tsy azon'olona isaina, avy amin'ny foko rehetra, firenena," izay—voalaza ao amin'ny toko faha-7-n'ny Apokalypsy. Izaho ve nahazo anao, marina mihitsy, raha milaza fa "Izy ireo no Ampakarin'i Kristy"?** Eny, azonao aho. Izy ireo no Ampakarina.

153 Ankehitriny raha hahamarika ianao, ao amin'ny Apokalypsy 7 marina tokoa, dia nahita ny efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy izy. Ankehitriny, tsy miampanga anao amin'izany aho, ry rahalahiko, fa ireo zato. . . Matetika ny Vavolombelon'i Jehovah no ilay anankiray izay mino fa ireo efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy no ho Ampakarina. Ary fahadisoana izany! Jaona dia nahafantatra ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ary niantso azy ireo tamin'ny anarany. Jiosy ny tsirairay avy amin'izy ireo. Hoy izy hoe, "Roa arivo amby iray alina avy amin'i Gada, roa arivo amby iray alina avy amin'i Zebolona, roa arivo amby iray alina avy amin'i Benjamina, roa arivo amby iray alina avy amin'i Joda." Marina ve izany? Ary misy fokon'Isiraely roa ambin'ny folo, ary roa ambin'ny folo ampitomboina roa ambin'ny folo . . . dia efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Marina ve izany? Hoy izy hoe, "Ny rehetra, ireo zanak'Isiraely." Nahafantatra azy ireo i Jaona.

154 Dia nijery tamin'*ity* làlana ity izy, ka hoy izy hoe, "Nahoana, indro nitsangana ny vahoaka betsaka izay tsy azon'olona isaina, avy amin'ny foko rehetra, fiteny, ary firenena; nitsangana niakanjo akanjo fotsy, teny an-tànany . . . ary sampan-drofia, ary nanofahofa, sy nihiakiaka, ary mihira hosana sy . . . ho an'ilay Mpanjaka." Hoy izy hoe, "Iza izy ireo?"

155 Hoy Izy hoe, "Io dia ireo izay nivoaka avy tamin'ny fahoriana lehibe ka nanasa ny akanjony tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, ary hanompo ny Zanak'ondry ao amin'Ny Tempoliny miaraka Aminy. Andro aman'alina, dia tsy handao Azy izy ireo." Io ny Ampakarina, hitanareo, ilay Vady, ny Ampakarina Jentilisa.

156 Tadidio, fa ny Ampakarina dia Jentilisa iray. Hoy Izy hoe, "Ho avy Izy ary haka vahoaka iray avy amin'ny Jentilisa ho an'Ny" (nohon'ny inona?) "nohon'ny Anarany."

157 Ankehitriny, misy vehivavy tanora maro eto amin'izao tontolo izao. Saingy naka vehivavy iray aho, ary i Meda Broy izany, ary izy no Rtoa. William Branham ankehitriny. Izy dia manana . . . Tsy Broy iray intsony izy; Branham iray izy ankehitriny. Hitanareo?

158 Ary tahaka an'izany ilay izy, mandray an'i Jesosy Kristy ianareo ary lasa Ampakarina iray, mambran'ny Ampakarina.

**33. Inona ireo teny Latina eo ambonin'ny Tanànan'i Vatican? Tianay ho fantatra hoe ahoana no anambarana azy ireo ho lasa enina amby enimpolo amby eninjato, ary inona no dikan'izy ireo.**

159 Eny, izany dia tsy eo ambony. . . ireo Latina—ireo teny Latina dia tsy eo ambonin'ny Tanànan'i Vatican; izany dia eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny papa, izay ipetrahany eo ambonin'ny seza fiandrianany. Izany dia voasoratra eo ambony eo hoe, "VICARIVS FILII DEI." Raha irianareo, amin'ny maraina, dia ho entiko izany efa voasoratra, ny zavatra rehetra, ary hapetrako eo amin'ny singan-taratasy iray izany. Ary raha ilainareo izany, nahoana, dia ho entiko aminareo izany amin'ny maraina. Eo no ahafahanareo manonona azy amin'ny litera Romana, VICARIVS FILII DEI, ilay teny dia midika hoe "Eo amin'ny toeran'ny Zanak'Andriamanitra"; izy no mpandimby an'ilay Zanak'Andriamanitra.

160 Ny fiangonana Katolika dia mino fa "Petera no papa voalohany; izy no mpandimby an'i Jesosy Kristy." Fa fahadisoana iray izany! Eny àry. Avy eo dia milaza izy ireo fa "Ny papa tsirairay izay manaraka azy dia mpandimby iray; ary ilay papa ankehitriny, izay misy ankehitriny, dia mpandimby an'i Jesosy Kristy." Ary teo no nanoratana azy teo ambony teo hoe, "*Mpandimby an'i Jesosy Kristy*, 'VICARIVS FILII DEI,'" voasoratra eo. Raiso ireo litera Romana dia soraty fotsiny izany (X ho an'ny folo, V ho an'ny dimy, sy ny sisa tahaka an'izany), raha manonona ianareo "VICARIVS FILII DEI," ary manaova tsipika iray, dia mahazo enina amby enimpolo amby eninjato ianareo. Soraty izany dia jereo.

161 Ankehitriny, manana ny *Facts Of Our Faith* aho, izany no iantsoana azy, ao amin'ny fiangonana Katolika, satria ny havako dia Katolika Irlandais. Noho izany dia fantatro izay resahako. Hitanareo?

162 Ary izany marina tokoa no fahamarinana, marina izany, hoe tany. . . Ary nilaza ny Baiboly fa "Izy dia hipetraka ao amin'ny fiangonana iray, na toe—toerana iray, na fiangonana iray izay miorina eo ambonin'ny havoana fito any Roma, ary ny heriny dia handeha any amin'izao tontolo rehetra izao. Ary izy dia antsoina hoe ny antikristy."

163 Ary avy tao amin'io fiangonana io no nivoahan'ireo fiangonana kely izay teraka taorian'izany, ka voalaza hoe, "Janga iray izy, ary izy ireo dia mpijangajanga izay nanaraka azy." Marina izany. Eo ianareo izao. Satria izy ireo dia nandrafitra tao amin'ilay zavatra iray ihany, ary nanana an'ireo fanekem-pinoany sy ny foto-pampianarany. Latsaka kely fotsiny, tsy matanjaka tahaka azy, saingy mbola manana hery

foana izy ireo. Ary ny *bibidia* dia midika hoe "hery." Eo ianareo izao. Noho izany dia izy ireo no manana, ireo Katolika no manana ny hery goavana indrindra. Ireo Metodista, ary avy eo ireo Presbyterana, ary avy eo ireo Loterana, ary avy eo ireo Batista, ary avy eo ny sisa, ary mitohy midina. Izy ireo dia hery kely, voarafitra, "Ny fiangonako! Ny fiangonako! Ny fiangonako! Ny fiangonako!"

164 Fa ny mpino marina dia tsy milaza na inona na inona ny amin'izany. Ilay izy dia "Ny Kristiko! Ny Kristiko! Ny Kristiko!" Izany ilay fahasamihafana. Ahoana no ahafantaranareo? Ny Fanahy Masina no manambara miaraka amin'ny famantarana sy fahagagana.

165 Ity misy anankiray kely, karazana mampitsamboatra kely iray. Halako ny mamaky an'ity, saingy olona iray no nametraka azy teto:

**34. Nanontany ianao hoe nahoana no tsy nanohy ity tabernakla ity. Ny antony, dia ireo fototra hoe ny sasany amin'ireo diakona dia mandà ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra sy ny fanasitranana. Fantatsika rehetra fa marina izany.**

166 Ampahafantaro ahy hoe iza izy, raha mbola eto aho eo—eo amin'ity asam-pitoriana ity, fa ho esorina haingana mihitsy izany.

**35. Hazavao azafady raha tokony hitandrina ny fanasan-tongotra ny Kristiana iray, ary ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy (Anarana) raha tokony ny anaran'ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina." Azafady.**

167 Eny àry. Nanana teo amin'ny telo tamin'ireto aho ato izay nanontany an'ilay zavatra iray ihany.

168 Ny amin'ny fanasan-tongotra, eny, mety tsara amiko ny hanomboka eo amin'izany. Eny àry, ankehitriny dia mety tsy hifanaraka ianareo, mety tsara izany. Avelao aho hamaky vitsivitsy fotsiny, vetivety fotsiny. Na raha tianareo ny hamaky azy, dia alaivo ny Masindahy Jaona, ny toko faha-13, vetivety fotsiny. Te-hanontany zavatra aminareo aho eto. Ary henoy izay nolazain'i Jesosy Kristy, Izy tenany, ary avy eo dia hitondra anareo ao amin'ny Testamenta aho ka haneho aminareo fa mbola tandremana foana izany. Manomboka eo amin'ny andininy faha-2.

> *Ankehitriny rehefa tapitra ny sakafo hariva, ny devoly dia* manana. . .*nametraka* tao *am-pon'i Jodasy Iskariota, zanak'i Simona, mba hamadika azy;*
>
> *Fantatr'i Jesosy*. . .*efa natolotry ny Ray ho eo an-tànany ny zavatra rehetra,*. . .izy dia avy *tamin'Andriamanitra, ary nankany amin'Andriamanitra;* (Nivoaka avy tamin'ny Fanahy

Izy, nankao amin'ny nofo, ary niverina tao amin'ny Fanahy. Hitanareo?)

Ary *nitsangana niala teo amin'*ny *sakafo hariva Izy, ka nametraka ny fitafiany;. . .naka lamba famaohana,. . . nampisikina ny tenany.*

*Ary rehefa afaka izany dia* nandraraka *rano tamin'ny tavy izy,* nanomboka *nanasa ny tongotr'ireo mpianatra, ary namaoka azy ireo tamin'ny lamba famaohana izay nisikinany.*

*Avy eo dia nankeo amin'i Simona Petera izy: ary* hoy *Petera taminy hoe, Tompoko, ianao ve no hanasa ny tongotro?*

*Jesosy. . .*nanao *taminy hoe, Izay—izay ataoko* ankehitriny *dia tsy fantatrao. . .fa ho fantatrao rahatrizay.*

*Petera* nanao *taminy hoe, Ianao* tsy *hanasa ny tongotro mihitsy. Jesosy namaly* ka nanao *taminy hoe, Raha tsy sasako ianao, dia tsy manana anjara amiko.* (Oh, azonareo eritreretina ve izany! Eny àry.)

*Simona. . .*nanao *taminy hoe,. . .tsy ny tongotro ihany, fa. . .ny tànako sy ny lohako.*

Ary *Jesosy* nanao *taminy hoe, Izay efa voasasa. . .afa-tsy. . .mila. . .hanasa ny tongony,* ianareo dia *madio avokoa:. . .fa tsy ny rehetra.*

*Satria fantany izay hamadika azy; noho izany dia* hoy izy hoe, Ianareo dia *tsy madio avokoa.*

*Noho izany rehefa voasasany ny tongotr'izy ireo, ka naka—naka ny fitafiany, ary* dia *nipetraka indray, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe, Fantatrareo ve izay nataoko* tami*nareo?*

*Ianareo miantso ahy hoe Mpampianatra sy Tompo: ary milaza tsara* ianareo*; fa izany tokoa aho.*

*Koa raha izaho arak'izany, ny Tompo sy Mpampianatra anareo, no nanasa ny tongotrareo;. . .* ianareo *dia tokony hifanasa tongotra.*

*Fa ohatra no nomeko anareo, mba tokony hanaova*nareo amin'ny hafa *tahaka ny nataoko* tami*nareo.*

*. . .sambatra ianareo raha* fantatrareo izany zavatra izany ary *manao* an'izany.

169 Any amin'ny Timoty Faharoa, nilaza i Paoly, nanoratra ho an'ny fiangonana hoe, "Aza avela hisy mpitondratena ho entina ao am-piangonana raha tsy nanasa ny tongotry ny olona masina izy." Marina izany. Ny fanasan-tongotra dia notandremana nandritry ny andron'ny Baiboly rehetra. Ary

nohon'ny fanampian'Andriamanitra, raha mihazona ny saiko tsara aho, ary manampy ahy Andriamanitra, dia hitandrina an'izany aho mandra-pahafatiko. Marina izany. Fanirahana iray marina tokoa avy amin'i Jesosy Kristy izany!

Ankehitriny, ity dia ho fanontaniana manindrona iray.

**36. Nahoana ny olona iray no hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy raha tokony ho ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina"?**

Manana roa na telo aho. Ity eto ity mihitsy ny anankiray:

**37. Rahalahy Bill, inona ilay batisa sandoka izay noresahanao omaly hariva, raha rano ilay izy na Fanahy? Raha rano ilay izy, ary nilaza ianao hoe ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia nahoana no nilaza ny Matio 28:19, nilaza izy hoe, "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina"? Azavao azafady.**

170 Ankehitriny, somary manindrona izy ireto, saingy mino aho fa manana anankiray hafa aho eto any ho any, ilay zavatra iray ihany. Oh, eo amin'ny toerana telo izany. Hiezaka ho tonga eo amin'izany aho. Ndao jerentsika. Hiaritra—hiaritra amiko mandritry ny minitra vitsy ve ianareo? Eny àry. Ankehitriny, ndao isika hanomboka fotsiny ankehitriny ary hamaly an'ireto fanontaniana ireto. Angamba afaka hahavita vitsivitsy amin'izy ireo isika, ary haka azy ireo angamba (ny sisa amin'izy ireo) rahampitso; raha tsy misy zavatra hafa, amin'ny sekoly Alahady, na fotoana iray. Fa ireto olona ireto angamba . . . dia manontany an'ity, ary rahampitso dia batisa. Ankehitriny, na inona na inona fomba nanaovana batisa anareo, dia tsy mampaninona ahy izany. Fa tiako ny—hiteny aminareo ny Foto-pampianarana apostolika an'ny Baiboly. Hitanareo?

171 Ankehitriny, nahita isika, omaly hariva, fa rehefa voarafitra ny fiangonana Katolika, dia nivoaka niaraka tamin'ny fandraisana sandoka izy, nilaza fa "Rehefa mandray ny Eokaristia masina ianareo, midika hoe ny fandraisana masina tany, dia mandray ny Fanahy Masina ianareo." Tsy ny Fanahy Masina izany; hostia izany.

172 Ny fiangonana Protestanta dia mandray tànana, mametraka ny anaran'izy ireo eo amin'ilay boky, izany no antsoin'izy ireo hoe "mandray Azy."

173 Ankehitriny, fa ny tena fomba handraisana Azy dia ny batisan'ny Fanahy.

174 Ary, ankehitriny, ny fiangonana Katolika no nitondra ny katesizy. Nanana an'izany i Luther, manana an'izany ny fiangonana Metodista, manana an'izany ireo Episkopaliana, manana an'izany ny maro amin'ireo hafa, katesizy. Maro amin'ireo fombafomban'ny fiangonana Katolika no mbola mihantona eo amin'ny fiangonana Protestanta; izay manamboatra azy tsara miaraka amin'izany, araka ny Baiboly.

175 Saingy tsy nisy olona iray mihitsy, hany, tao amin'ny pejy rehetra an'ny Baiboly, hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Tsy mbola nisy olona iray mihitsy natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" hatramin'ilay fiangonana Katolika voalohany. Tsy ao anaty Baiboly izany, na aiza na aiza! Raha afaka mahita singany iray ao ny olona iray, ka hiteny amiko sy haneho amiko hoe taiza no nisy olona iray natao batisa nampiasa ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" dia asehoy ahy azafady, satria efa nitety sy nitety sy nitety sy nitety ary nitety an'Izany aho, nandritra ny roapolo taona mahery ankehitriny. Ary fahadisoana iray izany! Fanekem-pinoana Katolika izany fa tsy didin'ny Baiboly.

176 Ankehitriny dia ho hitantsika hoe nahoana, ho tonga eo amin'ny fanontanianao isika, ry rahalahy malala. Masindahy Jaona. . . Matio 28:19 no tiako lazaina. Eny àry, ndao isika hiverina eo. Avadiho ny Baibolinao, miaraka amiko, mba ahafahanao mamaky miaraka amiko. Ity no toerana izay iresahana azy. Toerana iray ao amin'ny Baiboly ny amin'ny . . .

177 Tsy nilaza ve Jesosy hoe, "Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no aoka hanorenana mafy ny teny rehetra"?

178 Afaka mitondra anao ao amin'ny Baiboly aho izay Nilazany hoe, "Lasa i Jodasy Iskariota ka nanantona ny tenany," ary, "Mandehana ianareo manaova toy izany koa."

179 Afaka mitondra anao any amin'izay nilazan'i Jesosy aho hoe, "Rehefa ny Zanak'olona," izay ny Tenany, "izay any Andanitra ankehitriny, dia ho avy indray," ary mitsangana eto antany mihitsy. Ary hoy Izy, "Ny Zanak'olona izay any An-danitra ankehitriny," ary mitsangana eto an-tany mihitsy.

180 Tsy maintsy mahafantatra an'Andriamanitra ianao mba ahafantarana Ny Teniny. Ianao tsy afaka . . . Tsy mahagaga raha hoy ianao hoe, "Mifanohitra amin'ny Tenany Izy." Mampifanjevo Izy; satria Andriamanitra no nilaza fa tahaka an'izany no Nanoratany Azy mba hanafenana Azy amin'ireo manampahaizana sy ny sisa ireo. Ary aoka ny olona hanetry tena eo amin'ny alitara, dia Andriamanitra no hanambara Azy aminareo.

181 Ankehitriny ity ilay Soratra, Matio 28:19, toerana tokana ao amin'ny Baiboly izay hany nanononana an'ireo titra ireo.

> *Koa mandehana ianareo, dia ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo* ho amin'*ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina:*

182 Ankehitriny, ny fomba nanaovana batisa anao, dia, "amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, ary amin'ny anaran'ny Fanahy Masina." Tsy ao amin'ny Soratra akory izany! Fa eto ilay izy, "Ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anarana!" Jereo tsara ankehitriny ny

Baibolinao ary jereo raha milaza izany hoe “amin’ireo *anarana*” na “amin’ny Anarana.”

183 Ankehitriny dia hoy ianao. . .Ankehitriny, teto vao tsy ela akory izay tao amin’ny fivoriana iray, hoy ny lehilahy iray hoe, “Misy fifanoherana ao amin’ny Baiboly!” Hoy izy, “Maniry aho ny hanazavanao an’izany amiko. Nahoana i Jesosy no niteny tamin’ny olona mba hanao batisa amin’ny anaran’ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina, nefa nihodina i Petera ka nanao batisa azy ireo tamin’ny Anaran’i ‘Jesosy Kristy,’ ao amin’ny Asa 2:38?” Hoy izy, “Raha tsy mifanohitra amin’ny tenany izany, dia tsy mahita fifanoherana iray aho!”

Hoy aho hoe, “Satria fotsiny hoe tsy nitady tsara an’Andriamanitra ianao.”

184 Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, manao fahasamihafana iray ve raha manao batisa tahaka an’*ity* aho na tahaka an’*itsy*?” Manao tokoa izany, ary hoporofoiko amin’ny alàlan’ny Baiboly izany.

185 Ahoana moa raha—ahoana raha i Mosesy. . .Niteny tamin’i Mosesy Andriamanitra, nanatona teo amin’ilay roimemy, nanao hoe, “Mosesy, esory ny kiraronao, eo amin’ny tany Masina no misy anao.”

186 Hoy izy hoe, “Ankehitriny, Tompo, lehilahy manaja aho. Somary sarotra esorina ny kiraroko, noho izany dia ny satroko fotsiny no ho esoriko.” Tsy nilaza mihitsy Izy hoe “satroka,” hoy Izy hoe “kiraro!” Ary izay lazain’ny Baiboly no Fahamarinana. Ankehitriny raha. . .

187 Eto, folo andro ity, ity no fiakarana. Ary rehefa nakarina Jesosy, dia naniraka an’ireo Mpianany Izy handeha hankany amin’izao tontolo rehetra izao ka hampianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin’ny anaran’ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina. Ary folo andro taty aoriana. . .Nandeha niakatra tany Jerosalema izy ireo ka niandry tao amin’ny efitra ambony mandra-pahatongan’ny Fanahy Masina. Ary avy eo rehefa nanomboka nitory teny izy ireo ka nanohy. . .Hoy izy ireo hoe, “Inona no azonay atao mba ho voavonjy?”

188 Hoy Petera hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy.”

189 Avy eo dia nandeha nankany an-tranon’i Kornelio izy, ka nanao hoe, “Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy.”

190 Nandeha tany izy ka nahita olona izay efa vita batisa, nanao hoe, “Tsy maintsy averina hatao batisa indray amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy ianareo!”

191 Ary nandeha tany Samaria ka nanao hoe, “Ataovy batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy izy ireo.”

192 Ary tsy nisy fotoana anankiray hany niantsoana an'ireo titra ireo teo amin'ny olona iray. Tsia mihitsy! "Ankehitriny, misy fifanoherana iray arak'izany," hoy ianao. Tsia, tsy misy. Anontanio fotsiny ny Fanahy Masina ankehitriny, ary diniho Izy manambara an'Izany aminao. Sokafy ny fonao.

193 Ankehitriny, aza manao fitsarana mialoha. Raha manao ianao, dia tsy afaka hiresaka aminao Andriamanitra. Fa raha tsy manao fitsarana mialoha ianao, dia manaova hoe, "Mitady ny Fahamarinana marina tokoa aho, Rahalahy Branham."

194 Raha niteny tamin'ireo mpianatra Jesosy hoe, "mandehana ataovy *ity*," ary nandeha izy ireo ka nanao zavatra hafa *teto*, kanefa nitahy an'izany Andriamanitra, ary manerana ny Baiboly rehetra. Ankehitriny, nanao an'izay notenenin'i Jesosy mba tsy hataon'izy ireo ve izy ireo? Raha nanao izy ireo, dia tsy nankatò, ary tsy hanaja ny tsi-fankatoavana mihitsy Andriamanitra. Raha nanao Izy, dia ho nanaja an'i Eva Izy ka nanajanona an'ilay zavatra manontolo tany amin'ny voalohany. Rehefa miteny zavatra iray Andriamanitra, dia tsy maintsy mihazona Ny Teniny Izy; masi-mandidy Izy. Koa noho izany na i Petera no nanao fahadisoana iray . . .

195 "Oh," hoy izy ireo, "izany dia izay nolazain'ireo apostoly." Hoy ny lehilahy iray hoe, "Izany dia izay nolazain'ireo apostoly. Izaho hanao an'izay nolazain'i Jesosy."

196 Eny, raha nanao an'izay notenenin'i Jesosy tamin'izy ireo mba tsy hataony ireo apostoly, dia ahoana? Ary raha ireo apostoly izay nanoratra an'ity Baiboly ity . . . Paoly no nanoratra an'ireto rehetra ireto, ary i Paoly no anankiray izay nanao azy ireo hatao batisa indray. Ary raha i Paoly no nanoratra ny ampahany goavana indrindra an'ity Testamenta Vaovao ity, amin'izay fotoana izay dia karazana Baiboly inona no ananananao voasoratra izay ezahanao vakiana?

197 Ndao ataontsika tahaka an'izao fotsiny Ity. Anontanio tena am-pahamatoran-tsaina ka jereo izay lazain'ny Teny. Ankehitriny, ho an'ny fampianarana ity, mba hahafantaranao ny Tenin'Andriamanitra.

198 Ankehitriny, raha nanao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy i Petera taorian'ny nitenenan'i Jesosy taminy mba hanao batisa amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," dia nanao nifanohitra tamin'izay nolazain'i Jesosy izy. Marina ve izany? Ankehitriny, tsy maintsy misy zavatra eo. Ndao jerentsika fotsiny ankehitriny, ary angataho ny Fanahy Masina mba haneho amintsika. Ankehitriny, ny toerana voalohany, ndao alaintsika— ndao alaintsika ilay Soratra voalohany, Matio 28:19.

> *Koa mandehana ianareo, . . . ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo* ho amin'*ny anaran'ny Ray, . . . Zanaka, . . . Fanahy Masina:*

199 Jereo ao amin'ny Baibolinao ary jereo raha milaza izany hoe "amin'ireo *anaran'*ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina." Milaza ve izany? Tsia, tompoko. Nilaza ve izany hoe, "amin'ny *anaran'*ny Ray, amin'ny *anaran'*ny Zanaka, amin'ny *anaran'*ny Fanahy Masina"? Izao no voalaza, "Amin'ny Anarana!" Marina ve izany? Eny, ny "anarana" dia tokana. Marina ve izany? Eny, anarana iza no Tiany hanaovan'izy ireo batisa, ny anaran'ny Ray, sa ny anaran'ny Zanaka, sa ny anaran'ny Fanahy Masina? Hoy Izy hoe, "Amin'ny Anarana!" Eny, am-pahatsorana, tsy anarana na ny iray amin'izy ireo aza.

200 Misy ray firy ato? Aoka ho hitanay ny tànanareo—ny tànanareo. Eny àry. Iza aminareo no antsoina hoe "Ray"? *Ray* dia tsy anarana; *ray* dia "titra." Misy zanakalahy firy ato? Mazava ho azy, ny lehilahy tsirairay, ny lahy tsirairay, zanakalahy izy ireo. Eny, iza aminareo no antsoina hoe "Zanakalahy"? Tsy anarana izany; titra iray izany. Marina ve izany? Tsy anarana izany; titra iray izany. Eny, iza aminareo no antsoina hoe "Olombelona"? Misy olombelona firy eto? Ianareo rehetra. Eny, iza aminareo no antsoina hoe "Olombelona"? Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany; izany no maha-izy anareo. Ny Fanahy Masina dia tsy anarana; izany no maha-izy Azy. Olombelona iray aho. Noho izany na Ray, Zanaka, na Fanahy Masina dia tsy "anarana"; *titra* telo izay mifandraika amin'ny Anarana anankiray fotsiny izy ireo.

201 Henoy tsara ankehitriny. Inona...Jereo eto! Ho entiko tahaka ny atao amin'ny zazakely fotsiny ity. Raha nilaza ianareo, eny, ohatra hoe namaky bo—bokin-tantara iray ianareo, ary izao no voalaza hoe, "Niaina sambatra mandrakizay i John sy Mary avy eo." Ary manontany ianareo avy eo hoe, "Iza i John sy Mary?" Eny, ny fomba tokana hany hahafantaranareo hoe iza i John sy Mary dia, dia miverina ka mamaky ny fiandohan'ilay tantara ary mandeha hatramin'ny faran'izany. Marina ve izany?

202 Eny, raha nilaza Jesosy eto hoe, "Manaova batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka ary Fanahy Masina," ka Ray dia tsy anarana, ary Zanaka dia tsy anarana ary ny Fanahy Masina dia tsy anarana, inona, Iza io Olona io? Tiantsika ny hahafantatra hoe Iza Izy. Ankehitriny, ny zavatra tsara indrindra hatao... Izany no toko farany an'ny Matio, ny andininy farany. Ndao isika hiverina any amin'ny toko voalohany an'ny Matio, ary ny andininy voalohany, ka hanomboka, hahita hoe Iza io Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina io. Ankehitriny, tiako fotsiny ny hanao an'ity ho an'ireo ankizy eo, mba hahazoan'izy ireo an'izany koa.

203 Zavatra voalohany, ity dia hanitsy anareo amin'ny "trinitenareo," Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Ankehitriny, voalohany, dia tsy nisy toerana iray ao amin'ny Baiboly izay hany nanononana ny *trinite*. Tadiavo izany ka asehoy ahy. Tsy misy izany zavatra izany. Fahadisoana Katolika izany,

ary miondrika eo amin'izany ianareo Protestanta. Mariho. Ankehitriny, inona *ity*? Nilaza aho hoe *ity* dia Iza? Ray. *Ity* dia Iza? Zanaka. Ary *ity* dia Iza? [Hoy ny fiangonana hoe, "Fanahy Masina."—Mpand.] Ankehitriny, ny Ray dia Rain'Iza? Ny Zanaka. Marina ve izany? Ankehitriny, *ity* no Rain'i Jesosy. Aza afangaro izy ireo, ankehitriny. *Ity* eto ity no Ray, *ity* no Zanaka, ary *ity* no Fanahy Masina. Marina ve izany? Ankehitriny, ny olona dia mametraka azy hoe, "Olona telo samihafa, Andriamanitra telo samihafa, maha-olona telo samihafa." Tsy mahagaga raha tsy afaka mahazo an'Izany ny Jiosy! Eny àry.

204 Matio ny toko faha-1, dia manomboka amin'ireo firazanan'i Jesosy Kristy, "Abrahama niteraka an'i Isaka, Isaka niteraka an'i Jakoba," sy ny sisa, midina tahaka an'izany, mandrapahatongany eo amin'ny andininy faha-18.

> *Ankehitriny ny fahaterahan'i Jesosy Kristy . . .*

205 Ity ilay izy, ny andininy faha-18.

> *Ankehitriny ny fahaterahan'i Jesosy Kristy . . .* (manaraha ahy miaraka amin'ny Baibolinareo) . . . *toy izao no nahaterahan'*ity Lehilahy *Jesosy Kristy ity: Rehefa . . . voafofon'i Josefa i Maria reniny, . . . dia hita izy fa niaraka tamin'*ny *zanak'i . . .* (Andriamanitra, ilay Ray ve?)

Novakiako tsara ve Izany? Inona no Lazainy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Ny Fanahy Masina!"—Mpand.] Hita fa niaraka tamin'ny Zanak'Iza? ["Ny Fanahy Masina."] Nihevitra aho fa nilaza ny olona iray hoe *ity* Lehilahy ity No Rainy? Nilaza ny Baiboly fa *ity* Lehilahy ity No Rainy.

> *. . . hita fa niaraka tamin'*ny *zanaky ny Fanahy Masina izy.*

206 Ankehitriny dia karazana zanaka inona no anananareo? Ary Jesosy dia nilaza mazava fa Andriamanitra No Rainy. Marina ve izany? Andriamanitra No Rainy! Eny, inona àry no idiran'ny Fanahy Masina amin'izany? Raha nilaza ny Baiboly fa ny Fanahy Masina No Rainy, ary Jesosy nilaza fa Andriamanitra No Rainy; ary ianareo nilaza fa Andriamanitra No Rainy, ary ankehitriny ny Baiboly dia milaza, eto. Raha misy olona telo, roa samihafa, dia tsy misy na inona na inona idiran'Andriamanitra amin'izany. Ny Fanahy Masina No Rainy.

207 Ankehitriny dia ndao isika hamaky lavidavitra kely.

> *. . . Josefa vadiny, izay lehilahy marina,* dia *tsy* naniry *hanala baraka azy,* fa *nikasa* ny *hametraka azy mangingina.*
>
> *Fa,* indro, *raha mbola nieritreritra an'izany zavatra izany izy, . . . ilay anjelin'ny Tompo dia niseho* teo *aminy tao amin'ny nofy, nanao hoe, Josefa, ianao ry zanak'i Davida, aza matahotra . . . ny haka an'i Maria*

*ho vadinao: fa izay torontoronina ao aminy dia avy amin'ny Fanahy Masina.* (tsy Andriamanitra ilay Ray; Andriamanitra ilay Fanahy Masina!)

208 Hitanareo ve hoe ho tonga aiza ny hevitrareo triniteista? Hametraka an'i Jesosy ho zaza tsy ara-dalàna izany. Izany tokoa. Fahadisoana izany! Tsy misy Soratra ho an'izany. Ankehitriny, tsy maintsy manaiky ianareo fa Andriamanitra ilay Ray sy Andriamanitra ilay Fanahy Masina, dia ilay Olona iray ihany, raha tsy izany dia nanana dada roa samihafa Jesosy. Marina ve izany? Mazava ho azy, marina izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny Fanahy Masina No Rainy," ary hoy ny Baiboly hoe, "Andriamanitra No Rainy." Ankehitriny, iza No Rainy? Ny Fanahy Masina sy Andriamanitra dia ilay Fanahy iray ihany; ilay Zavatra iray ihany Izany.

. . .*izany rehetra izany dia natao, mba hahatanteraka an'izay*. . .*nampilazaina* ny mpaminany, tamin'ny alàlan'ny Tompo, *nanao hoe,*

. . .*ny virijiny dia* hanan-anaka. . .ka *hiteraka* zaza *iray*, *ary izy ireo*. . .(*ity* Anankiray ity)

. . .*ary* izy ireo dia *hiantso ny anarany hoe JESOSY: fa izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'*ireo *fahotany.*

Ary izany rehetra izany dia *natao, mba hahatanteraka,*. . .

. . .ary *ny anarany* dia hantsoina hoe *Imanoela, izay* raha adika, *Andriamanitra miaraka amintsika.*

209 Ankehitriny, Iza no Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina? Diso ve ny nataon'i Petera? Nanao an'izay notenenin'i Jesosy taminy izy. Titra telo izany.

210 Mpitoriteny iray aho, ary ray iray aho, ary izaho dia "Reverà," izy ireo no miantso an'izany, titra iray, fa tsy anarako ny iray amin'izany. Ny anarako dia William Branham.

211 Izy *no* Ray, Izy *no* Zanaka, Izy *no* Fanahy Masina. Miezaka manao Andriamanitra telo ianao, ry sakaiza; diso izany; fahadisoana izany.

212 Misy fizaram-potoana telo izay ikorontanan'ny triniteista. Andriamanitra, ilay Ray, dia ilay Fanahy izay nihantona teo ambonin'ny zanak'Isiraely tao anatin'ny Andry Afo. Marina ve izany? Teo Andriamanitra. Avy eo dia tonga nofo Andriamanitra ka nonina teo anivontsika (marina ve izany?) tao amin'Ny Zanany. Ankehitriny Izy dia midina hany ka miditra ao ampon'ny olona Izy, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina.

213 Andriamanitra dia tahaka ny fanipihana iray telo diantongotra, na, fanipihana iray telo dian-tongotra, eny. Ny roa ambin'ny folo inches voalohany dia Andriamanitra, ilay Ray; ny roa ambin'ny folo inches faharoa, Andriamanitra, ilay Zanaka, ilay Andriamanitra iray ihany; ny roa ambin'ny folo

inches fahatelo dia Andriamanitra, ilay Fanahy Masina, ilay Andriamanitra iray ihany. Nilaza Jesosy . . .

214 Hoy ianareo hoe, "Eny, manana ny Fanahy Masina ao anatintsika isika." Marina izany.

215 Saingy hoy Jesosy hoe, "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Fa ianareo no hahita Ahy, satria Izaho . . ." "Izaho" dia mpisolo anarana. "Izaho homba anareo, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Aiza àry no misy ny Fanahy Masina? "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; ho avy indray Aho ary hiaraka aminareo." Izay ilay izy.

216 Hitanao, tsy azonao tsara ilay izy, ry sakaiza. Ilay izy dia Andriamanitra anankiray ao amin'ny fizaram-potoana telo. Ny fizaram-potoan'ny maha-Ray, ny maha-Zanaka, ary ny Fanahy Masina, ilay Andriamanitra iray ihany Izany. Ary rehefa nilaza Izy hoe, "Mandehana manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina," Izany dia Jesosy Kristy. Ary izany no antony nanaovany batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy.

217 Jereo ankehitriny, ndao alaintsika ireo batisa eto. Ny fotoana voalohany hany nilazana ny batisa ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia Jaona Mpanao-batisa. Marina ve izany? Hapetrako eto *ity*. Hitanareo, tsy maintsy manitsy ny Maha-Andriamanitrareo ianareo alohan'ny ahafahanareo manitsy ny batisa. *Ity dia* Jaona Mpanao Batisa, ny batisa voalohany.

218 Ny fotoana faharoa nitenenana ny batisa, dia Asa 2:38, izay nanaovana batisa azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, tao amin'ilay fiangonana vaovao. Ny toerana faharoa dia ny tranon'i Kornelio, na tsy . . . Mamelà ahy, ireo Samaritana, Asa 7:48 sy 49. Ary ny Asa 10:49 dia izay nanaovany batisa azy ireo tao an-tranon'i Kornelio. Ary ny fotoana manaraka nitenenana ny batisa, sy ny fiantsoana anarana na titra, dia tao amin'ny Asa 19:5.

219 Ankehitriny, rehefa natao batisa izy ireo tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia natao batisa izy ireo, Asa 2:38, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Marina ve izany? Raiso naoty izany, amarino izany.

220 Ny manaraka, dia nandeha i Filipo, roa andro tatỳ aoriana, ary nanomboka nitory teny tamin'ireo Samaritana; ary nitory teny tamin'izy ireo, sy nanasitrana ny marary, ary nanana fivoriana lehibe iray tany, ka nanao batisa azy ireo tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Tonga i Petera ka nametratànana teo amin'izy ireo; nandray ny Fanahy Masina izy ireo.

221 Niakatra teo an-tampon-trano i Petera andro vitsy taty aoriana, dia noana, ary nahita fahitana iray izy. Naniraka azy hankany an-tranon'i Kornelio Andriamanitra. Ary, "Raha mbola niteny an'ireo Teny ireo i Petera, dia nilatsaka teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina," ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny

tsy fantatra izy ireo ary nanao hadalana tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny voalohany. Hoy Petera hoe, "Tsy mbola natao batisa akory aza izy ireo." Noho izany dia nandidy azy ireo izy, ny tsirairay avy, mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

222 Ny olona tsirairay ao amin'ny Baiboly dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Paoly . . . Ny tiako lazaina, ireo mpianatr'i Jaona dia tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, natao batisa ho amin'ny fibebahana izy ireo. Ndao isika hamadika ao amin'ny Korintiana Voalohany . . . Ny tiako lazaina, ndao isika hamadika ao amin'ny Asa, ny toko faha-19, vetivety fotsiny. Ary vakio iray minitra fotsiny izany mba hahitanareo, ry sakaiza, hoe ilay izy dia tsy—ilay izy dia tsy . . . Izy ireo dia tsy . . . tsy mifanohitra amin'ny Tenany ny Soratra. Jereo eto:

> *Ary izao no niseho, fa, raha mbola tany Korinto i Apolosy, Paoly . . . dia nitety ny morontsiraka ambony* an'i . . . *Efesosy:* nahita *mpianatra sasany* izy,
>
> *Hoy izy tamin'izy ireo hoe, Efa noraisi*nareo *ve ny Fanahy Masina fony* ianareo *nino? . . . hoy izy ireo hoe . . . ,* Tsy fantatray *raha misy ny Fanahy Masina.*
>
> . . . *hoy izy* . . . noho izany dia inona no nanaovana *batisa* anareo? Oh, hoy izy ireo, natao batisa izahay. Hoy izy, Ahoana? *Hoy izy ireo, Ho amin'i* Jaona.
>
> Hoy izy hoe, Jaona dia nanao batisa fotsiny ihany ho amin'ny *fibebahana, nilaza . . . fa* ianareo *dia tokony hino* an'Izay *tonga . . . izany hoe, an'i* Jesosy Kristy Tompo.
>
> Ary *rehefa nandre an'izany izy ireo, izy ireo dia* natao batisa indray *tamin'ny anaran'i Jesosy* Kristy.
>
> . . . *Paoly . . . nametraka ny tànany teo amin'izy ireo,* ary *ny Fanahy Masina* tonga *teo amin'izy ireo; ary izy ireo* niteny tamin'ny *fiteny tsy fantatra, sady naminany.*

223 Ilay Masindahy Paoly lehibe . . .

224 Henoy! Ahoana moa raha efa nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa ianareo, ilay lehilahy iray ihany izay nanao batisa an'i Jesosy Kristy? Lehilahy masina, izay nolazain'i Jesosy hoe, "Tsy mbola nisy mihitsy olona natera-behivavy, lehibe tahaka an'i Jaona Mpanao-batisa." Izy no lehiben'ny mpaminany rehetra. Izy no nitarika an'i Jesosy nankao anaty rano ary nanao batisa Azy tao Jordana mihitsy. Rahalahy, raha izaho no nataony batisa, dia ho nahatsapa tena tsara aho mikasika an'izany. Marina ve izany?

225 Fa mitodika i Paoly ka manao hoe, "Tsy hety izany ankehitriny!" Hoy izy, "Ianareo dia tsy maintsy haverina hatao batisa, indray."

226 "Oh, efa nasitrika izahay, na izany aza, ry Paoly! Nasitrik'i Jaona izahay, tao amin'ny Reniranon'i Jordana mihitsy."

227 Hoy izy hoe, "Tsy mety izany ankehitriny. Tsy maintsy hatao batisa indray ianareo."

"Ahoana?"

228 Hoy izy, "Jaona dia nanao batisa ho amin'ny fibebahana. Ity dia ho an'ny famelàna ny fahotana, ary tsy misy anarana hafa eto ambanin'ny Lanitra nomena eo anivon'ny olona, afa-tsy ny Anaran'i Jesosy Kristy." Ary izy ireo dia tsy maintsy naverina natao batisa, indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

229 Ary tsy misy toerana anankiray ao amin'ny Baiboly, na ny tantara rehetra nandritry ny eninjato taona voalohany taorian'ny fahafatesan'ilay apostoly farany, nanaovan'izy ireo batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

230 Ary mandehana manontany pretra Katolika iray izay tianareo anontaniana, anontanio azy ireo hoe iza no nanova an'izany, dia jereo izay tenenin'izy ireo aminareo. Raiso ny katesizy ary vakio izany; hoy izy ireo, "Azo antoka, fa ho voavonjy ny sasany amin'ireo Protestanta satria miondrika amin'ny batisanay izy ireo." Novain'izy ireo izany. Milaza izy ireo fa manana hery sy fahefana hanao an'izany izy ireo, ary mino an'izany ianareo! Izany no lazain'izy ireo, izany no iamboan'izy ireo, izany no iondrehan'ny fiangonana Protestanta. Fa, ara-tSoratra, dia tsy misy pentin-tSoratra anankiray mihitsy mikasika an'izany.

Tsy maintsy naverina natao batisa izy ireo, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

231 Henoy ankehitriny, haingana mihitsy ankehitriny, mba ahatongavantsika avy hatrany...Tsy te-hihazona anareo ela loatra eo amin'ireto fanontaniana ireto aho. Jereo, tamin'ny andro izay nidinan'i Jesosy avy teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy niaraka tamin'ireo Mpianany, Hoy Izy hoe, "Ataon'ny olona ho iza moa Aho, ary inona no lazain'izy ireo?"

232 "Ny sasany milaza fa Ianao no 'Jaona Mpanao-batisa,' ny sasany milaza fa Ianao no 'Elias,' ny sasany milaza fa Ianao no 'ilay mpaminany.'"

Hoy Izy hoe, "Fa ataonareo ho iza Aho?"

233 Dia hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona!"

234 Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona—Simona Bar-jona," hoy Izy, "fa tsy nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao. Tsy nianatra an'izany tany amin'ny fiangonana iray mihitsy ianao, tsy nianatra an'izany tany amin'ny seminera iray mihitsy ianao. Fa Ny Raiko no nanambara an'izany taminao, ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

235 Ankehitriny, hoy ny fiangonana Katolika hoe, “Petera izany. Nanana vatolampy iray izy ireo tany, ary mbola mipetraka eo ambanin’ny Tanànan’i Vatican foana izany.” Ary tany Jerosalema izany, na tany Palestina. Ary nilaza izy ireo fa io ilay vatolampy.

236 Hoy ny fiangonana Protestanta hoe, “Teo ambonin’i Petera no nanorenan’izy ireo an’ilay Fiangonana.” Raha izany no izy, dia niverin-dàlana izy andro vitsy taty aoriana. Tsy izany no izy.

237 Ny Fiangonana dia naorina teo ambonin’ny fanambarana Masina an’Andriamanitra. “Tsy nofo aman-drà no nanambara an’izany taminao, ry Petera, fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an’izany taminao. Ary eo ambonin’ity vatolampy ity, fanambarana ara-panahin’ny Tenin’Andriamanitra, no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin’ny helo tsy haharesy Azy mihitsy.”

238 Eo no ilazako fa, Luther, Metodista, ary na inona na inona ianareo, na inona na inona, Pentekotista, ary na inona na inona ianareo, dia tsy manao fahasamihafana na kely aza; rehefa mandroso ny Fiangonan’Andriamanitra, amin’ny herin’ny tsindrimandry, dia handroso avy hatrany sy hatrany sy hatrany ary hatrany izy. Ary tsy misy anaram-piangonana mampijanona Azy, tsy misy na inona na inona eto amin’izao tontolo izao hampijanona Azy. “Eo ambonin’ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin’ny helo tsy haharesy Azy.” Fahamarinana ara-panahy, voambara!

239 Diniho ankehitriny ny manaraka ankehitriny, hoy Izy hoe, “Ary ianao no Simona, ary Homeko anao,” satria nanana ny Fahamarinana ara-panahy, voambara izy. Izany no antony nahafantarany ny fahasamihafana eo amin’ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, sy ny Anaran’i Jesosy Kristy Tompo. Nanana fanambarana ara-panahy izy. Izany no azonareo izao hariva izao, izay anokafan’ny Fanahy Masina an’izany amintsika.

240 Hoy Izy hoe, “Ianao no Simona, ary Homeko anao ireo fanalahidin’ny Fanjakan’ny Lanitra. Ary na inona na inona fehezinao eto amin’ity tany ity, dia Hofeheziko izany any An-danitra. Na inona na inona vahanao eto amin’ity tany ity, dia Hovahako izany any An-danitra.” Nilaza an’izany ve Izy? Masindahy Matio, toko faha-16, “Na inona na inona fehezinao eto an-tany, dia Hofeheziko any An-danitra. Na inona na inona hovahanao eto an-tany, dia Hovahako any An-danitra. Ary Homeko anao ireo fanalahidy an’ny” (inona?) “ny Fanjakan’ny Lanitra.” Inona ny Fanjakan’ny Lanitra? Ny Fanahy Masina! Hoy ny Baiboly hoe, “Ny Fanjakan’ny Lanitra dia ao anatinareo . . . ” Ny tiako lazaina dia, “ny Fanjakan’Andriamanitra,” miala tsiny aho. “Ao anatinareo ny Fanjakana.”

241 Ankehitriny dia hoy Izy hoe, “Ny sasany mitsangana eto dia tsy hahita fahafatesana mandra-pahitan’izy ireo ny Fanjakan’Andriamanitra tonga amin-kery.” Andro vitsy

taty aoriana fotsiny, ny Pentekosta. Hitanareo? “Ny sasany mitsangana eto,” ato amin’ity fan-. . .zavatra iray ihany izay Nolazainy ity mihitsy. “Mitsangana eto ny sasany aminareo,” efa niova tarehy Izy, hoy Izy, “izay tsy hahita fahafatesana mandra-pahitanareo ny Fanjakan’Andriamanitra tonga aminkery.”

242 Hoy ny Baiboly hoe, “Ny Fanjakana dia ao anatinareo.” Rehefa nitsangana tamin’ny maty Jesosy, tsarovy, dia nanana an’ireo fanalahidin’ny fahafatesana sy ny helo Izy teo amin’ny Valahany, fa tsy ireo fanalahidin’ny Fanjakana, izay nomena an’ilay Fiangonana. Ankehitriny, nanana an’ireo fanalahidy i Petera. Mino ve ianareo fa hihazona Ny Teniny Jesosy? Raha tsy mihazona Izy, rahalahy, dia tsy Andriamanitra Izy! Izay ihany. Ankehitriny, hoy Izy hoe, “Petera, Homeko anao ireo fanalahidin’ny Fanjakana,” amin’ny teny hafa, “an’ny Fanahy Masina. Na inona na inona fehezinao eto an-tany, dia Hofeheziko any An-danitra.”

243 Jereo ankehitriny hoe inona no fahadisoana nataon’izy ireo, mivoaka ary mamela fahotana, sy ny sisa tahaka an’izany. Fahadisoana iray toy ny inona! Ndao jerentsika. Napetrak’izy ireo teo aminy ireo fanalahidy. Ankehitriny, nanatodika ny tarehiny avy hatrany Izy nahitsy nankany amin’ny Pente-. . .na avy hatrany nahitsy nankany Jerosalema.

244 Nohomboana Izy, maty, nitsangana tamin’ny andro fahatelo, teto an-tany efapolo andro teo anivon’ny olona, niakatra tany An-danitra. Niteny tamin’izy ireo mba hiandry mandra-pahitan’izy ireo ny Fanjakan’Andriamanitra tonga eo amin’izy ireo, amin’io fotoana io no hamerenan’ny Ray ny Fanjakana amin’ny endriny ara-panahy amin’izy ireo. Nandeha niakatra nankany an-tanànan’i Jerosalema izy ireo ary niandry folo andro sy alina, ary, tampoka teo, ny batisan’ny Fanahy Masina, ny Fanjakan’Andriamanitra, dia tonga niaraka tamin’ny hery teo amin’izy ireo. Marina ve izany?

245 Diniho ankehitriny! Petera, tsy nianatra, tsy afaka nanao sonia ny anarany manokana akory (papa iray? Hia, papa iray), nitsangana teo ambony boatin-tsavony kely iray na zavatra iray ka nanomboka nitory teny. Hoy izy hoe, “Ry lehilahy avy any Jodia sy ianareo izay monina any Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ireo Teniko. Tsy mamo araka ny heverinareo ireo, fa vao ora fahatelon’ny andro izao, fa izao ilay nampilazaina an’i Joela mpaminany. ‘Izao no hiseho amin’ny andro farany,’ hoy Andriamanitra, ‘Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin’ny nofo rehetra. Ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo dia haminany, ary eo amin’ny Mpanompolahiko sy ny mpanompovaviko no Handatsahako Ny Fanahiko ka haminany izy ireo. Haneho fahagagana eny amin’ny lanitra ambony Aho; ary ny tany ambany, dia afo, andry afo, ary enton-tsetroka.’” Nanohy izy,

ary niresaka ny amin'i Davida sy ny sisa. Ary rehefa nitsangana teo ireo mpitsikera ireo . . .

246 Hoy izy ireo tamin'izay fotoana izay hoe, "Ry lehilahy sy rahalahy, inona no azonay atao mba ho voavonjy?"

247 "Oh, mitandrema tsara, ry Petera, manana an'ireo fanalahidy mihantona ianao ankehitriny." Marina ve izany? Ny hafatry ny Filazantsara voalohany!

248 Jesosy, andro vitsy talohan'izany, talohan'ny nanohomboana Azy, dia nilaza hoe, "Petera, Homeko anao ireo fanalahidy. Na inona na inona fehezinao, dia Hofeheziko izany; na inona na inona vahanao, dia Hovahako izany. Ankehitriny, na inona na inona ataonao, dia ho Ekeko izany any An-danitra." Raha Lehilahin'Ny Teniny Izy, dia hihazona Ny Teniny Izy!

249 Ary indro izy mijoro eto, nilatsaka ho an'ny Fotoany voalohany ny Fanahy Masina, ary nanontaniana i Petera hoe, "Inona no azonay atao mba ho voavonjy?"

250 "Tandremo, manatsofoka ny fanalahidy ao amin'ilay Fanjakana ho an'ny fotoana voalohany ianao. Niteny taminao Jesosy, andro vitsy lasa izay, ireo folo andro lasa izay, nanao hoe, 'Mandehana manao batisa ny olona amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.' Inona izao no hataonao? Fa Nomeny anao ireo fanalahidy satria nanana fanambarana ara-panahy iray ianao! 'Fa haorina Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy.'"

251 Ary raiso ny fanekem-pinoanareo sy ny dogmanareo, ary izay rehetra tianareo alaina, fa tsy hahomby amin'alahelo izany (efa izany ilay izy), fa ny herin'ilay Andriamanitra velona kosa dia handroso hatrany sy hatrany, hatrany amin'ny Mandrakizay. Tahaka ny tsipiky ny radium, mandroso Izy, mariho, tsy misy farany.

252 "Petera, manana an'ireo fanalahidy ianao. Na inona na inona ataonao eto, dia tsy maintsy manaiky an'izany Andriamanitra any An-danitra." Marina ve izany? "Inona no lazainao, ry Petera? Inona no azonay atao mba ho voavonjy?"

253 Hoy i Petera . . . Aza mandeha manao hoe, "*Arahaba ry Maria*," tsy misy ny zavatra tahaka an'izany, manao *neuvaine*. Aza tonga ka mandray tànana ary mametraka ny anaranareo eo amin'ny bokim-piangonana sy manao azy ireo hamafy rano kely eo aminareo; tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Izany no dogma Katolika izay iondrehan'ny fiangonana Protestanta.

254 Tsy nilaza izy hoe, "Mandehana ianareo rehetra . . . Ankehitriny, Jesosy dia niteny tamiko, andro vitsy lasa izay, mba handehananareo rehetra ka aoka hatao batisa amin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.'" Tsy olona iray izay nanana fanambarana ara-panahy, tsy hilaza an'izany.

255 Hoy izy hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy ho an’ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ny zanakareo, ary ho an’ireo izay lavitra, arak’izay hantsoin’ny Tompo Andriamanitsika.” Izay ilay izy. Tamin’izay fotoana izay no niditra ilay fanalahidy ka nihidy, nihidy izany tany Andanitra!

256 Izany no antony nilazan’i Paoly tamin’ireo mpianatr’i Jaona hoe, “Tsy maintsy averina atao batisa indray ianareo, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, mba handray ny batisan’ny Fanahy Masina.”

257 Tsy nahafantatra an’Izany ianareo taloha, fantatrareo Izany ankehitriny! Hah! Mety tsara izany. Miankina aminareo izany. Marina izany. Fa ny batisa triniteista, an’ny trinite dia tsy nekena mihitsy tao amin’ilay Fiangonana, ny Testamenta Vaovao; ao amin’ny fiangonana Katolika irery ihany, ary miondrika amin’izany ny fiangonana Protestanta. Diniho! Olona maro no hifamaly aminao eo amin’izany. Saingy, rahalahy, tsy maintsy manao ny safidinao ianao.

258 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, natao batisa tamin’ny anaran’ny ‘Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina aho.’ Manana ny batisan’ny Fanahy Masina aho.”

259 Tsy misalasala amin’ny teninareo aho. Tsy manana antony hisalasalana amin’ny teninareo aho; mino an’izany aho. Mino aho fa Andriamanitra dia manome azy ireo ny Fanahy Masina, tany ambony tany talohan’ny nanaovana batisa azy ireo mihitsy; fa rehefa niteny tamin’izy ireo an’izay hatao i Petera, dia lasa izy ireo ka nanao an’izany. Marina izany. Ankehitriny fantatrareo izay hatao, marina izany; ary raha mandà tsy handeha ao amin’ny Hazavana ianareo rehefa voaseho ny Hazavana, dia mihodina mankany amin’ny aizina ianareo. Marina! Amena! Eny àry. Miala tsiny aho. Tsy te-hiala tsiny aho nohon’ny fihorakorahako hoe “ho tanteraka anie izany” amin’ny Tenin’Andriamanitra. Tsia, tompoko. Izaho dia hihorakoraka “amena” indray. Marina izany. Eny, tompoko.

**Nahoana no manao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, Rahalahy Branham? Nahoana ianao no manao an’izany raha tokony ho ny “Ray, Zanaka, Fanahy Masina”?** Satria ny Baiboly no mampianatra an’izany! Mazava ve izany?

**Nahoana ianao no manasa tongotra, Rahalahy Branham?** Satria ny Baiboly no mampianatra an’izany. Mino ny Filazantsara feno aho. Eny àry, ankehitriny.

**Inona ilay batisa sandoka izay noresahanao?** Izany ilay izy. Izany marina tokoa ilay izy. Na aiza na aiza . . . Vakio indray ao amin’ny Testamenta ka tadiavo izay misy olona anankiray . . .

260 Ankehitriny ho anareo olona malala, tsy mandratra ny fihetseham-ponareo aho, tsy te-handratra aho. Mangataka anareo aho mba hanetry tena fa tsy. . .Jereo mifanatrika ity zavatra ity, dia jereo hoe mitovy amin'ny inona izany. Jereo mifanatrika amin'ny Baiboly izany, tsy ao amin'ny fiangonanareo na zavatra adala iray, adaladala izay namenoan'ny olona iray ny lohan'izy ireo, fa jereo ny Tenin'Andriamanitra. Azo antoka!

261 Mihevitra ve ianareo fa Andriamanitra Tsitoha dia hanome ahy ny asam-panompoana izay Ananany tahaka an'ity, miaraka amin'ireo famantarana ivelan'ny voajanahary sy ny sisa tsy mbola hita mihitsy hatrany amin'ny Testamenta Vaovao, ka hamela ahy handeha ao anatin'ny fahadisoana tahaka an'izany? Tsia tokoa! Ary, rahalahy, rehefa miverina avy any ampitan-dranomasina aho, dia hametraka ny ampahany goavana indrindra amin'ny fotoako tsy eo amin'ireo fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ireo fahagagana fa amin'ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra. Marina tokoa izany. Tena marina. Ndao jerentsika ankehitriny.

**38. Mampianatra ve ity fiangonana ity fa tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo mba handraisana ny Fanahy Masina?**

262 Tsia, tompoko. Tsia, tsy mampianatra izahay. Ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia fanomezan'ny Fanahy Masina, hitanareo, tsy ny Fanahy Masina. Fanomezana iray izany. Io Hazo io dia mitondra karazana voankazo sivy. Marina ve izany?

263 Raha mijery hazo paoma iray ianareo, mitondra paoma, dia milaza ianareo fa hazo paoma iray izy. Jereo ny hazo iray, mitondra poara izy, milaza ianareo fa hazo poara iray izy. Tsy mampaninona na manana hoditr'aviavy aza izy eo aminy, nefa manana poara eo aminy, dia inona ilay ainy? Ain'ny hazo poara ny ainy. Marina ve izany?

264 Ankehitriny, io Hazon'Andriamanitra io dia mitondra voankazo ara-panahy sivy. Marina ve izany? Eny àry. Samihafa daholo. . .Hoy izy, "Ny iray dia nomena fampia-. . .fahalalana, fahendrena, fahaizana, ary fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, fandikana ny fiteny tsy fantatra," fanomezam-pahasoavana ara-panahy sivy samihafa no maniry eo amin'io Hazon'Andriamanitra io. Marina ve izany? Eny, ankehitriny, tsy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra fotsiny no anankiray tokana, fa ao anatiny ao dia misy hafa, ihany koa.

265 Ankehitriny dia afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo nefa mbola tsy manana ny Fanahy Masina foana. Ankehitriny, tsarovy fotsiny izany. Izaho dia efa mihitsy. . .Efa nahita mpamosavy sy mpanao ody nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, nefa tsy manana ny Fanahy Masina izy ireo. Fantatrareo, efa nahita azy ireo nanomboka nihiakiaka

sy nitsambikina aho, nefa tsy manana ny Fanahy Masina izy ireo. Nitsangana tao amin'ilay dihin-katsaka aho teto vao tsy ela akory izay, tany. . .ary ampahany kely akaikin'i Douglas, Arizona, any. Nahita an'io dihin-katsaka io rehefa nanana an'izany izy ireo tany, dia nivoaka teo ilay mpanao ody ary nanao hadalana nahatsiravina mihitsy, ary ny zavatra rehetra, nanao hadalana sy nanipy maloto teo aminy tany. Tsy midika izany fa voavonjy izy. Ilay lehilahy dia mpa—mpampianatra mpamosavy iray.

266 Nitsangana tany Inde aho. . .tany Afrika ary nahita an'ireo mpampianatra mpamosavy tonga ka nihaika ahy tahaka an'izany, tamin'ireo famosaviany, ary nisotro rà avy tamin'ny karandohan'olombelona mihitsy aza. Marina izany. Tsaratsara kokoa aminareo ny mahafantatra an'izay resahanareo rehefa miatrika an'izany ianareo. Fa efa nahita ny herin'ny Andriamanitra Tsitoha namatotra an'io lehilahy io aho hany ka tsy afaka nihetsika izy. Koa noho izany, nangirana tahaka an'izao ny masony, ary nentin'izy ireo niala izy. Eny, tompoko.

267 Rahalahy, tena misy Andriamanitra! Marina izany. Fa Andriamanitra dia Fanahy, tsy voafetra amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra fotsiny ihany, na *ity*, *itsy*, na ny *hafa*. Milaza aho fa ny olona rehetra izay. . .Izany no olana ao amin'ny fiangonana eto. Hitanareo, ianareo. . .Ny Pentekosta dia nandeha tsy voahevitra tamin'io zavatra iray io. Nandeha nankany amin'ny olona izy ireo. . .Raha tokony ho—nametratànana teo amin'izy ireo, ka mandray ny Fanahy Masina izy ireo, dia nentin'izy ireo teo amin'ny alitara ireo ary nanomboka nikapoka azy ireo teo amin'ny lamosina ary nihorakoraka hoe, "Lazao ilay izy! Lazao ilay izy! Lazao ilay izy!" Ary mamerina teny hatrany sy hatrany, hany ka manana fifanjevoana izy ireo fa tsy fiteny tsy fantatra.

268 Raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ny olon'ny Fanahy Masina tena izy, dia hiaina fiainana masina iray izy. Ny sasany tamin'izy ireo dia niaina fiainana mahatsiravina, ary fantatrareo izany, ary ny voany no nanaporofo fa tsy izany izy ireo. Hoy Jesosy hoe, "Amin'ny voany no hahafantaranareo azy." Ary ny vokatry ny Fanahy dia tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, fanomezan'ny Fanahy izany.

269 Tsy nilaza mihitsy i Petera hoe, "Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia handray ny Fanahy Masina ianareo." Hoy izy hoe, "Handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ianareo," rehefa nandre an'ireo fiteny ireo izy ireo sy ireo olona niteny. Iray amin'ireo fanomezan'ny Fanahy Masina izay azon'izy ireo izany. Amena. Eny àry. Tsy maintsy mandeha haingana aho.

**39. Manana zanakalahy roa aho (ny iray, roa taona; ary ny**

**iray, dimy), ary efa nofafazana izy ireo. Tokony hatao batisa amin'ny fanitrihana ve izy ireo?**

270 Eny àry ranabavy na rahalahy, na iza na iza ianao, miankina aminao izany. Manana zazavavy kely aho. . . Ny zanakolahy kely, Billy Paul, dia enina ambin'ny folo taona, ary nataoko batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy teto mihitsy izy. Valo taona ny zanakovavy kely. Nanatona ahy izy ary niakatra nitsangana teo amin'ny lohaliko, ka hoy izy hoe, "Dada, te-hino an'i Jesosy Kristy Tompo aho, ary izaho—te-hatao batisa aho." Ary nataoko batisa ilay zazavavy kely rehefa valo taona. Rehefa, raha te-hatao batisa ireo ankizy kely ireo, dia ataovy batisa izy ireo. Raha tsy izany izy ireo, nahoana, raha izy ireo no. . . mandrosoa fotsiny, miankina aminao izany, na inona na inona nolazain'ny Tompo.

**40. Ireo izay manana ny batisan'ny Fanahy Masina irery ihany ve no ho ao amin'ny Fampakarana ny Fiangonana, sa ho voakasika ireo mpino rehetra?**

271 Isika tsy. . . tsy manana fotoana hanamarinana an'izany isika. Fa, rahalahy, ny Ampakarin'ny Fanahy Masina irery ihany no ho ao amin'ny Fampakarana. Hitanao? Ny Baiboly . . . ?. . . ireo hafa dia tsy ho very.

272 Jereo! Iza no hitsara ny tany? Ireo Olo-masina. Hoy i Daniela hoe, "Nahita Azy aho, nanatona ny Fahagola, ary—ary tonga Izy niaraka tamin'Ireo Olo-masiny an'alinalina." Marina ve izany? Ny Fampakarana, lasa ilay Fiangonana. Avy eo dia nidina izy ireo, ary napetraka ny Fitsarana.

273 Ary nosokafana ireo Boky. Marina ve izany? Ary nisy Boky iray hafa nosokafana, dia ny Bokin'ny Fiainana, ilay mpino nohamasinina izay tsy nandray ny Fanahy Masina.

274 Tsy nampianatra ve Jesosy hoe virijiny folo no nivoaka hitsena ny Mpampakatra? Ary dimy tamin'izy ireo. . . na izy rehetra dia virijina, madio, masina. Ary izy ireo, *ireto*, dia natory fa tsy nanana ny Fanahy Masina; ary *ireto* dia nanana ny Fanahy Masina sady nanana Solika tao anatin'ny fanilony. Ary rehefa tonga ny Mpampakatra, dia tonga ny Feo, nihiakiaka, hoy izy ireo hoe, "Oh, ndao isika hiditra. Omeo sasany amin'ny Solikareo izahay!"

275 Hoy izy hoe, "Mandehana any amin'ireo izay mividy, mivavaha, raiso Izany ankehitriny." Fa tsy afaka izy ireo. Ary raha mbola lasa izy ireo, ireo—dia niditra tao amin'ny Sakafo harivan'ny Mpanambady ireo virijiny, fa izy ireo natsipy tany amin'ny aizina tany ivelany, izay nitomanian'izy ireo sy nidradradradrany ary nikitrohany nify. Tsy ny Apokalypsy ve, omaly hariva, ao amin'ny toko faha-12, afak'omaly hariva, no nampianatra fa ilay dragona mena dia namoaka rano avy tamin'ny vavany mba hiady amin'ny *sisa nanamborana* tamin'ny

Taranaky ny vehivavy, izay nanana finoana an'Andriamanitra sy nitandrina ny didin'i Jesosy Kristy?

276 Ho anareo vehivavy, rehefa mametraka modely iray ianareo. Ampahan-damba tsara iray izany, ireo lamba iray ihany ao anatiny, fa maka tahaka an'*izao* ianareo ary mametraka ny modelinareo fotsiny amin'ny fomba izay hanapahanareo azy. Ary avy eo dia tapahanareo ilay izy. Miankina aminareo izany. Fa alainareo ireo lamba izay notapahanareo, mba hanaovana ny fitafianareo, ary ny sisa amin'izany dia ilaina. Lamba tsara tahaka ny sisa amin'izany mihitsy ilay izy, saingy tamin'ny fifidianana no nifidiananareo an'*ity*. Marina ve izany? Ny sisa amin'izany dia masina mihitsy sy tsara mihitsy, ary lafo mihitsy tahaka ny sisa amin'izany, saingy ity no safidinareo.

277 Ary Andriamanitra dia nampanantena fa handeha ao amin'ny Fampakarana amin'ny alàlan'ny fifidianana isika! Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ary ny sisa amin'ny maty dia tsy mbola velona nandritry ny arivo taona." Marina ve izany? Noho izany fotsiny . . . Tsy ho very ianareo, fa ny Ampakarina feno ny Fanahy Masina no handeha ao amin'ny Fampakarana. Ny sisa amin'ireo dia handalo Fitsarana; fa Izy ireo tsy nandalo.

**41. Raha tokony hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy ianareo, dia nahoana Jesosy no nilaza ao amin'ny Matio 28 hoe, "Aoka hatao batisa amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina"?** Izany mihitsy no vao avy nohazavaiko, ity anankiray ity.

278 Eny àry, reraka ve ianareo? Fantatro fa reraka ianareo.

**42. Fa Andriamanitra ve tsy manavaka ny batisan'ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina?" Tsy misy olona natao batisa tamin'ny anarana ve, tamin'ireo anarana ireo, nandray ny Fanahy Masina? Tonga mba hanome voninahitra ny Ray ve Jesosy? Tsy ho nekena ve izany batisa izany?**

279 Eny, tonga mba hanome voninahitra ny Ray Jesosy. Jereo ao amin'ny Masindahy Jaona ny toko faha-14. Izaho fotsiny dia saiky . . . Izaho manana . . . Raha hiandry fotsiny eo amin'ny telo amboniny fotsiny ianareo, dia ho faranantsika ilay izy, mino aho. Jereo, amin'izay fotoana izay dia maka an'ireo vaovao vitsivitsy isika rahampitso, arak'izany, satria haka ny sasany marina tokoa aho manomboka izao hariva izao, mino aho. Mariho, fiangonana ity, na izany aza, ity. Hanohy isika.

280 Jereo, tonga Jesosy mba haneho ny Ray. Jereo, tany amin'ny voalohany, dia nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Andriamanitra. Marina ve izany? Eny, inona Andriamanitra? Fanahy iray. Masindahy Jaona ny toko faha-4, Jesosy niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, hoy Izy hoe, "Andriamanitra dia Fanahy ary izay mivavaka Aminy dia tsy maintsy mivavaka Aminy amin'ny Fanahy sy Fahamarinana." Marina ve izany? Raha nanao ny olona araka ny Endriny

Manokana Andriamanitra, dia karazan'olona inona no Nataony tamin'izany? Olona fanahy iray.

281 Ao amin'ny Genesisy 2, dia tsy nisy olona hiasa ny tany, ary nanao olona avy tamin'ny vovoky ny tany Andriamanitra; tsy araka ny Endriny, fa araka ny endriky ny fiainam-biby. Ary Napetrany tao anatin'io olona biby teto io ny fanahin'olona, ary lasa fanahy velona izy. Ankehitriny, izany ilay fahasamihafana eo amin'ny olona sy ny biby.

Ny biby dia tsy manamboatra fiara, ary tsy manao zavatra izy toy ny hoe mba hanampiana ny fivelomany, sy ny sisa tahaka an'izany. Biby iray izy, moana masiaka. Tsy manana fanahy iray izy. Tsy afaka mamaky sy manoratra izy. Tsy afaka miresaka izy, miteny. Moana masiaka iray izy.

Fa ny olona ao amin'ny nofo dia tahaka ny masiaka iray, saingy manana ny fanahin'Andriamanitra izy ao anatiny, izay manao azy ho tsy mety maty. Ary afaka mamorona izy. . . Jereo izay azony atao! Izy dia eo, saiky, mitovy amin'Andriamanitra, satria zanak'Andriamanitra izy na dia ao amin'ny toerany lavo aza. Mahafinaritra izy! Jereo izy! Hitanareo? Izay ilay izy.

282 Noho izany rehefa lavo tao amin'ny nofo ny olona . . . Ary raha nandefa isam-batan'olona iray hafa hidina ankoatra ny Tenany Andriamanitra, dia tsy marina Izy. Ny fomba tokana ahafahan'Andriamanitra nanao an'izany am-pahamarinana dia ny Tenany naka ny toeran'ny olona.

283 Ahoana moa raha nanao an-dRahalahy Neville ho faty ho an'*ity* vehivavy eto ity aho? Ahoana moa raha nanao an'*ity* vehivavy ity ho faty ho an'*ity* vehivavy eto ity aho, raha izaho no nanana ny fanapahana eo aminareo? Tsy afaka ho marina aho ary hanao an'izany. Raha nanonona fahafatesana aho, ka tiako ho velona ianareo, dia tsy maintsy maka ny toeranareo aho mba hanamarina anareo.

284 Ary noho izany Andriamanitra, Izay tao amin'ny endrika Fanahy . . . tsy nisy endrika, raha ny marina. Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy misy endrika Andriamanitra." Eny àry. Noho izany dia tsy maintsy naka endrika Andriamanitra, ary nanaloka virijiny iray Izy ary namorona Selan-dRà tao anatiny, tsy misy idiran'ny fananahana na inona na inona amin'izany, ary namorona Selan-dRà izay nivoatra ho lasa Zanak'Andriamanitra. Ary nidina Andriamanitra ka nonina tao amin'Ny Zanany, Kristy Jesosy, nanao Azy ho Andriamanitra teto an-tany.

285 Rehefa, Masindahy Jaona . . . Hoy i Tomasy hoe, "Tompo, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay."

286 Hoy Izy hoe "Efa ela Aho no niaraka taminao nefa tsy fantatrao ve Aho?" Hoy Izy hoe, "Nahoana ianao no milaza hoe, 'Asehoy anay ny Ray'?" Nahoana, hoy Izy hoe, "Rehefa mahita Ahy ianareo dia mahita ny Ray. Izaho sy Ny Raiko dia Iray. Ny Raiko mitoetra ato Amiko."

287 Ramatoa iray teto vao tsy ela akory izay, niresaka aho tany, nitsambikina, nanao hoe, "Oh, Ranadahy Branham," hoy izy, "fantatro izay tianao lazaina. Iray izy ireo, azo antoka fa iray izy ireo." Hoy izy, "Ianao sy ny vadinao dia iray, ihany koa. Izany no karazana naha-iray azy ireo."

288 Hoy aho hoe, "Mamelà ahy," hoy aho, "tsy izany izy ireo." Hoy aho hoe, "Mahita ahy ve ianao?"

Hoy izy, "Azo antoka."

Hoy aho hoe, "Mahita ny vadiko ve ianao?"

Hoy izy, "Tsia."

289 Hoy aho hoe, "Izay! Noho izany dia ao amin'ny karazana samihafa noho izaho sy ny vadiko izy ireo." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Marina izany."

290 Hoy Jesosy hoe, "Tsy afaka mahita Ahy ianareo raha tsy mahita ny Ray." Tsia tokoa! Izany no ampahany faharoa an'ilay fanipihana telo dian-tongotra, ilay fanipihana iray ihany. Andriamanitra izany. Jesosy Kristy dia na Andriamanitra na ilay mpamitaka lehibe indrindra izay hany nananan'izao tontolo izao.

291 Henoy! Nilaza tamiko ny vehivavy iray vao tsy ela akory izay, nanao hoe, "Hoporofoiko aminao," vehivavy iray an'ny Siansa Kristiana. Ankehitriny, ry sakaiza Siansa Kristiana, aoka hanaja iray minitra fotsiny, hitanareo. Hoy izy ireo hoe, "Hoporofoiko aminao fa tsy nisy afa-tsy olona iray fotsiny Izy." Hoy izy, "Mametraka fandokafana be loatra eo amin'i Jesosy ianao."

292 Hoy aho hoe, "Raha nandoka andro aman'alina aho dia tsy afaka hanome Azy an'izay ho Azy." Hoy aho hoe, "Tsy mahagaga . . . "

293 Nahoana, nanandrana nanome anarana Azy i Isaia, hoy izy hoe, "Mahagaga Izy, Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, Ray Mandrakizay." Izany rehetra izany! "Izy no Alfa, Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana, ny Faka sy Solofon'i Davida, ilay Kintan'ny Maraina sy Mamiratra; Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina." "Ao Aminy no itoeran'ny fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana," hoy ny Baiboly. Tao Aminy ny fahafenoan'Andriamanitra!

294 Hoy izy hoe, "Hoteneniko aminao, rehefa nandeha hivavaka ho an'i Lazarosy izy, hanangana an'i Lazarosy," hoy izy, "hoporofoiko aminao fa olona iray fotsiny izy."

295 Hoy aho hoe, "Aoka ho hitantsika ianao manao an'izany!"

296 Hoy izy, "Hoy ny Baiboly hoe, 'Nitomany izy.' Ary izany no manaporofo fa olona iray izy, afaka nitomany izy."

297 Hoy aho hoe, "Azo antoka, izany ilay Zanaka izay nitomany."

298 Andriamanitra-Olona Izy. Izy dia vatana telo iray tahaka ahy fotsiny, ianao; isika dia aina, vatana, ary fanahy. Izy dia Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, tao amin'ny Maha-Andriamanitra an' Andriamanitra; izany no naha-Izy Azy. Izy no Maha-Andriamanitra Izy tenany! Ahoana no Nahafahany nanao zavatra teo nefa ny. . .ireo Zanany Manokana no nitaky Ny Ràny? Raha nisy zavatra hafa. . .Ireo Zanany Manokana no nitaky Ny Ràny; tsy mahagaga raha nitomany ho azy ireo Izy. Ahoana no hitiavan'ny olona iray. . .ary ireo Zanany Manokana no nitaky Ny Ràny, ahoana no Nahafahany nahatsapa? Na manameloka azy ho any amin'ny helo mandrakizay, na manolotra ny Ainy; Izy no Andriamanitra nanolotra ny Ainy ho an'ireo Zanany! Ny Maha-Andriamanitra no nitoetra tao Aminy! Izany no naha-Izy Azy.

299 Hoy ilay vehivavy hoe, "Jereo," hoy izy, "Rev. Branham, hoporofoiko aminao! Rehefa nitomany izy, dia izany no nanaporofo fa olona iray izy."

300 Hoy aho hoe, "Ramatoa, olona iray Izy rehefa Izy teo ampivavaha-. . .na rehefa nitomany Izy, marina izany. Olona iray Izy rehefa nitomany Izy, fa rehefa nanitsy ny Vatany mahia kely Izy ka nilaza tamin'ny lehilahy iray efa maty efatra andro hoe, 'Lazarosy, mivoaha!' Ary nisy lehilahy iray efa maty efatra andro, sady lò, ary ireo kankan'ny hoditra no nandady nanerana azy, nahafantatra ny Tompony ny fahalòvana sady nahafantatra ny Mpamorona azy ilay fanahy, ka lehilahy iray efa maty efatra andro no nitsangana ary velona indray! Nihoatra noho ny olona iray izany!"

301 Olona iray Izy rehefa nidina avy teny an-tendrombohitra Izy tamin'io hariva io, noana, nijery teo amin'ny hazo iray ho an'ny zavatra ho hanina. Olona iray Izy rehefa nitady zavatra ho hanina Izy teo amin'io hazo aviavy io. Fa rehefa nandray biskitra dimy sy singan-trondro roa Izy ka namahana dimy arivo, dia nihoatra noho ny olona iray izany! Izany no Andriamanitra tao anatiny tao! Ilay Mpamorona tokana Izay afaka naka trondro masaka ka nanapaka an'izany ary mbola trondro masaka foana ilay izy, naka mofo nendasina ka nanapaka an'izany; karazana atoma inona no Navotsony? Haleloia! Izy no Andriamanitra, ilay Mpamorona ny atoma sy ny zavatra rehetra! Nihoatra noho ny olona iray izany!

302 Olona iray Izy rehefa teo ambonin'io sambokely io Izy tamin'io alina io, rehefa avy nitory teny nandritra ny andro manontolo ary nanasitrana ny marary, reraka loatra, hany ka devoly iray alina avy tao amin'ny ranomasina no nianiana fa handrendrika Azy. Ilay sambo kely tranainy tany, niantsambontsambotra tahaka ny bosoan-tavoahangy iray, ireo onja lehibe nitselatra nitety toerana, nefa Izy nandry, reraka loatra hany ka tsy namoha Azy ireo onja. Nierona ireo devoly, nanao hoe, "Ho azontsika izy ankehitriny raha mbola matory

izy." Fa rehefa nifoha Izy, nifoha teo, olona iray Izy, tena reraka Izy. Fa rehefa nametraka ny Tongony teo amin'ny lohan'ilay sambo Izy, nijery teo ka nanao hoe, "Milamìna, mipetraha tsara!" dia nankatò Azy ireo rivotra sy ireo onja. Nihoatra noho ny olona iray izany! Andriamanitra izany, ilay Mpamorona Izay nanao ny Lanitra.

303 Tsy mahagaga raha nilaza ilay apostoly hoe, "Karazana olona inona ity fa na dia ny rivotra sy ny onja aza dia mankatò Azy!"

304 Nihoatra noho ny olona iray izany. Andriamanitra izany. Olona iray Izy rehefa nofantsihana teo amin'ny hazo fijaliana Izy ho Fanatitra iray, mba hanaisotra ny fahotana. Olona iray Izy niaraka tamin'ireo fantsika nilentika tao amin'ny Tànany. Olona iray Izy niaraka tamin'ireo tsilo teo amin'ny Lohany. Olona iray Izy niaraka tamin'ny roran'ny miaramila naneso teo Aminy. Olona iray izay notorotoroina Izy, nokapohina, ary naratra. Olona iray Izy! Olona iray Izy rehefa niantsoantso Izy hoe, "Ry Andriamanitro, nahoana no nahafoy Ahy Ianao?" Olona iray niantso vonjy Izy. Fa tamin'ny marainan'ny Paska rehefa nivaha ireo tombokasen'ny fahafatesana teo amin'ny fasana, dia nihoatra noho ny olona iray izany! Noporofoiny fa Andriamanitra Izy.

> Velona, nitia ahy Izy; maty, namonjy ahy Izy;
> Nalevina, nitondra ny fahotako lavitra Izy;
> Nitsangana, nanamarina ahy maimaimpoana mandrakizay Izy:
> Indray andro any dia ho avy Izy—oh, andro be voninahitra anankiray!
>
> Oh, ireo vatolampy nitresaka teo afovoany ary ny lanitra nihamaizina,
> Nanondrika ny Lohany ny Mpamonjiko ka maty;
> Ny voaly nisokatra no nanambara ny làlana
> Nankany amin'ny fifalian'ny Lanitra sy ny andro tsy manam-pahataperana.

305 Tsy mahagaga raha nihiakiaka i Eddie Perronet hoe:

> Ny rehetra miderà ny herin'ny Anaran'i Jesosy!
> Aoka hiankohoka ireo anjely;
> Ento ny diademan'ny mpanjaka,
> Ary salory ho Tompon'ny rehetra Izy.

306 Izany ilay Olona lehibe, ny Tompo Jesosy. Izy no Jehovah, Andriamanitra voasarona tao amin'ny nofo. Hoy ny Baiboly hoe, "Na inona na inona ataonareo amin'ny teny na amin'ny asa, dia ataovy amin'Ny Anarany izany rehetra izany." Hoy ny Baiboly hoe, "Ny fianakaviana manontolo any An-danitra dia nomena anarana hoe 'Jesosy,' ary ny fianakaviana manontolo eto antany dia nomena anarana hoe 'Jesosy.'" Ndao isika hivavaka amin'Ny Anarany, ho velona amin'Ny Anarany, hampianatra

amin'Ny Anarany, ho faty amin'Ny Anarany, halevina amin'Ny Anarany, atao batisa amin'Ny Anarany, mitsangana amin'Ny Anarany, mandeha any An-danitra amin'Ny Anarany. Izany No Anarany, ary Ny Ampakariny dia nomena anarana hoe "Rtoa. Jesosy." Haka vahoaka iray avy amin'ny Jentilisa izany, nohon'Ny Anarany.

307 Ary tsy an'ny Tokana iray aho. Tsia, tompoko. Ianareo vahoaka triniterana esory hiala aminareo izany. Tsy an'ny Tokana iray aho. Tsia, tompoko. Tsy an'ny Tokana iray aho, tsy triniterana iray koa. Mino an'izay lazain'ny Baiboly aho. Marina izany. Amena. Fioo! Maka be loatra aho eo amin'ny anankiray. Inona ilay izy? Voaresako ve ilay izy? Sa, ndao jerentsika, inona ilay izy? Oh, eny, marina izany, mikasika ny . . . ahoana fa ny Ray dia tao amin'i Kristy. Olona iray Izy, Andriamanitra-Olona iray Izy.

**43. Manao batisa amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina ve ny fiangonana Pentekotista?** Ny sasany amin'izy ireo.

**44. Raha maty tsy manana ny batisan'ny Fanahy Masina ny olona iray, ho very ve izy?**

308 Tsia, tompoko. Raha mpino iray izy, dia ho tonga izy amin'ny fitsanganana, ny fitsanganana faharoa. Raha manana an'ilay batisa izy, dia handeha ao amin'ny fitsanganana voalohany. Ankehitriny, tsy maintsy tokony handray ny teniko ianareo. Raha tsy mahafa-po izany, amin'izay fotoana izay ianareo—anontanio aho, dia homeko anareo ny Soratra. Satria, miezaka ny hahazo an'ity roa na telo amboniny ity aho eto, avy eo dia hamarana isika.

**45. Rahalahy Bill, milaza zavatra mikasika ny filokana ve ny Baiboly?**

309 Eny, milaza Izy, saingy tsy afaka miantso an'ilay izy aho izao ankehitriny izao. Fantatro fa nataon'ireo miaramila loka ny Fitafiany, sy ny sisa tahaka an'izany, saingy tsy afaka milaza aho.

**46. Hazavainao ve ny Korintiana Voalohany 15:29?**

310 Tadiavo ho ahy ao izany, raha sitrakao, Rahalahy Neville, Korintiana Voalohany 15:29. Halaintsika izany.

311 Ankehitriny, ary angamba rahampitso dia afaka maka an'izany ho anareo indray aho. Tahaka ny . . . Ireo litera, ahoana ny fanoratra azy, "VICARIVS FILII DEI." Raha irianareo izany, dia ampahafantaro ahy.

**47. Ho tanteraka alohan'ny Fampakarana ve ny faminanian'ny Ezekiela 38 sy 39?**

312 Heveriko fa tsia. Heveriko fa ny zavatra manaraka andrasantsika dia ny Fampakarana an'ilay Fiangonana. Ary avy eo dia, "rehefa tonga i Goga sy Magoga," dia ireo tafika Rosiana izay tonga ao amin'ny . . .

313 Jereo, Atoa. Bohanon no mpitantana ambony ny Public Service Company teto taloha, lehilahy Kristiana iray tena tsara. Ary niresaka tamiko izy indray andro, hoy izy hoe, "Billy, niezaka namaky aho, ary niezaka aho nangataka ny pasiterako mba hanazava ny Apokalypsy." Hoy izy, "Tonga teo izahay ary nafangaronay Izy rehetra." Hoy izy, "Jaona dia tsy maintsy efa nihinana iray—zavatra iray tamin'io hariva io ka nanonofy."

Hoy aho hoe, "Atoa. Bohanon, mbà menatra ianao." Hoy aho hoe . . .

Hoy izy hoe, "Eny, tsy misy olona afaka hahazo an'Izany."

314 Hoy aho, "Tsy olona ara-boajanahary, fa ny Fanahy Masina no afaka manambara an'Izany."

315 Hoy izy hoe, "Eny, jereo eto, Billy." Hoy izy hoe, "Nitsangana teo amin'ny Tendrombohitra Sinay ilay Ampakarina. Ary eto dia nisy rano nivoaka avy tamin'ny vavan'ilay dragona, mba hiady—hiady amin'ny Ampakarina. Ary ny Ampakarina dia tany Andanitra tamin'io fotoana iray io ihany. Alaivo sary an-tsaina izany!"

316 Hoy aho hoe, "Atoa. Bohanon, ny zavatra tokana izay anananao, dia manafangaro zavatra telo samihafa ianao, miantso an'izany hoe ny 'Ampakarina.' Ianao dia miantso an'ireo *efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy*, izay nitsangana niaraka tamin'ny Zanak'ondry teo amin'ny Tendrombohitra Sinay hoe, ny 'Ampakarina.' Tsy izany izy ireo. Ianao dia miantso (ilay anankiray izay namoaka rano avy teo amin'ny vavany, mba hiady) ilay *sisa nanamborana* amin'ny Taranaky ny vehivavy, izay tsy ny Ampakarina; izany dia ilay tavela. Ny Ampakarina dia tany *An-danitra*; ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy *etsy*; ary ny Kristiana ara-anarana dia mandeha *eto* mandalo fanenjehana. Ary marina izany."

317 Vakio, rahalahy, raha anananao ilay izy ankehitriny. [Mamaky ny Korintiana Voalohany 15:29 Rahalahy Neville—Mpand.]

> [*Fa raha tsy izany inona no hataon'izay atao batisa ny amin'ny maty, raha tsy mitsangana mihitsy ny maty? nahoana àry izy ireo no atao batisa ny amin'ny maty*?]

318 Ankehitriny, ankehitriny, ry rahalahy, misy anankiray—vahoaka anankiray izay mino an'izany, manao batisa ho amin'ny maty izy ireo, ny Mormon. Ary efa tao amin'ny tempolin'izy ireo aho, imbetsaka, vahoaka iray tena mahafinaritra izy ireo. Ary mety ho Mormon iray ianao, ankehitriny. Tsy miezaka handratra ny fihetseham-ponao aho. Fa, ry sakaiza malalako, tsy afaka atao batisa ho an'ny rainao ianao; izany dia ilay hetsika izay tsy maintsy nataony. "Any amin'izay itongilanan'ny hazo, dia izany no ianjerany."

Paoly, no miteny eto, niresaka mikasika "ny maty," Jesosy Kristy, "raha tsy mitsangana ny maty, dia nahoana àry ianareo no atao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy raha tsy mitsangana ny maty?" Hitanareo ve izay tiako lazaina? Noho izany ianareo. . .Hoy izy hoe, "Ndao isika hihinana, hisotro, ary hifaly, fa rahampitso isika dia ho faty, raha tsy mitsangana ny maty." Fa mandroso izy ka manome voninahitra an'Andriamanitra nohon'ny fitsanganan'ny maty. Ary atao batisa ho amin'i Jesosy Kristy isika, ho amin'ny Fahafatesany, fandevenany, ary fitsanganany. Izany no antony anaovana batisa antsika ho amin'ny "maty." Eny àry.

Mino aho, ankehitriny, ity dia saiky anankiray amboniny fotsiny aorian'ity anankiray ity.

**48. Rahalahy Bill, teneno amiko azafady hoe ahoana no—no hahazoana ny batisan'ny Fanahy Masina. Amin'ny alàlan'ny vavaka ve izany, ny fiainana voatolotra, manaiky an'Izany tahaka ny anekentsika ny fanasitranana? Fantatro ny atao hoe manana finoana ho an'ny fanasitranana rehefa nivavaka ho ahy ianao teto. Mivavaka sy mametra-tànana ve ianao, ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina? Izaho dia natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina." Teneno amiko azafady raha tokony hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy aho, araka ny noresahanao vao haingana.**

Ankehitriny, ry sakaizako Kristiana malala, tsy miteny aminao an'izay hatao aho. Mametraka ny Soratra fotsiny aho. Ary fantatrao moa, ahoana fa afaka ho tonga izao ankehitriny izao ny Fanahy Masina raha mbola miresaka isika. Ny Fanahy Masina dia fanomezan'Andriamanitra iray. Hitanao? Fanomezan'Andriamanitra iray izany. Mety ho tonga Izy raha mbola miresaka isika. Ary teneniko aminao, rehefa. . .Raha nampianarina tsara ny olona,. . .

Ny sasany aminareo an'ny andro fahiny eto, mamelà ahy hanontany zavatra aminareo, ianareo an'ny andro fahiny izay efa tato amin'ny tabernakla. Diniho rehefa manao batisa olona aho. Ary raiso ho ohatra iray ho anareo mpitoriteny ity. Nampianatra an'ireo olona ireo aho mandra-panadion'izy ireo an'io fiainana io alohan'ny handehanany hankeo amin'io rano io, ary nasaiko nino izy ireo fa voatery hihazona ny Fampanantenany Andriamanitra; vantany vao vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, teo mihitsy ny Fanahy Masina mba handray an'izany. Ary rehefa niakatra avy tao amin'ny rano izy ireo, dia nandray ny Fanahy Masina. Marina izany. Raha ianareo fotsiny. . .

319 Ry mpiandry ondry, ampianaro ny ondrinareo, ento eo amin'ny Baiboly *eto* izy ireo. Mialà amin'io boky fianarana tranainy an'ny fiangonana anankiray io, ary tongava eto amin'ny

Baiboly izay ampianaran'Andriamanitra, dia tsy hanana an'ireo olana ireo ianareo.

320 Eny, ny fametrahan-tànana no fomba ahafahantsika mandray ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànan'ny olona voahosotra iray.

**49. Rahalahy Bill, ilay izy dia . . . Any ivelan'ny lamina ve ny olona iray mitsangana ka manome hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra raha mbola ilay mpitory teny no manome ny . . . ny Teny?** Manana fanontaniana telo ity olona ity eto.

**49b.** Ary ny anankiray hafa dia: **Izao koa, any ivelan'ny lamina ve mety ny manao tahaka an'izany rehefa atao ny antso eny amin'ny alitara?**

**50.** Fahatelo, anankiray fahatelo: **Izao koa, ilay izy ve any ivelan'ny . . . Any ivelan'ny lamina ve ny olona iray mitsangana ao am-piangonana ary mananatra mpitoriteny iray nohon'ny zavatra nolazainy na nataony nandritry ny fivoriana, nefa izy ao ambadiky ny birao masina? Izany rehetra izany dia efa natao imbetsaka tao amin'ny tabernakla.**

321 Ankehitriny, mamelà ahy ho tonga eo amin'ity haingana mihitsy ankehitriny, ity dia mikasika ny fiangonana ankehitriny. Izaho . . . Ankehitriny, ho anareo vahiny ato amin'ny vavahadinay, hanome kapoka kely ny fiangonana aho ankehitriny, noho izany ianareo—somary mihataha kely fotsiny mandritry ny iray minitra ianareo, hitanareo, raha sitrakareo.

322 Henoy, ry zanako! Mahafinaritra ireo fanomezana ireo. Tsy misy mahafantatra hoe toy ny ahoana no ankasitrahako anareo, ary tiako amin'ny fitiavana masina ianareo. Fa mety ho fandratrana iray ho anareo ireo fanomezana ireo raha tsy mampiasa azy ireo ao amin'ny toerana tsara ianareo.

323 Jereo ny olona amin'izao andro izao, lehilahy tsara eny amin'ny saha, mivavaka ho an'ny marary ary mampandoa vola ho an'izany. Diso izany. Raha manana finoana ho an'ny fanasitranana ny olona iray ka mivavaka ho an'ny marary, dia tokony ho olona mihaja betsaka izy mba hivavaka ho an'ny olona tsy misy vola. Isaorana Andriamanitra! Rahalahy, te-hilaza an'izao aho, tsy ho an'ny tenako, fa ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, hoe tsy nisy fotoana anankiray hany nakako vola tamin'ny olona, na zavatra tahaka an'izany; ary nolaviko, ara-bakiteny, ny iray tapitrisa, dimy hetsy dolara, tao anatin'ny rakitra anankiray. Ary fantatrareo izany; teto mihitsy, ilay gazety. Hitanareo? Marina izany. Izany dia ho an'ny . . . Rehefa manao an'izany ianareo, dia hahavery ny finoanareo an'Andriamanitra ianareo eo.

324 Ankehitriny ianareo olona izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ary manana fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra, Andriamanitra hitahy anareo. Ilaina ato amin'ity

tabernakla ity ianareo. Mila anareo ho eto aho. Fa, ankehitriny, ilay—ilay zavatra dia ao amin'ny lamina, aza atao mihitsy izany raha mbola mitory teny ilay mpitory teny. Raha manao ianareo, dia any ivelan'ny lamina ianareo. Hitanareo? Tsy tokony hanao an'izany ianareo. Satria hoy ny Baiboly hoe, "Ny fanahin'ny mpaminany dia manaiky ny mpaminany." Ary rehefa mitory teny ny lehilahy iray, dia izy no manana ny fitenenana, manana ny mpanatrika izy, hiteny amin'ny alàlany ny Fanahy Masina. Rehefa mahavita izy, dia izany no fotoana ho an'ilay hafatra, hitanareo. Noho izany dia aza mivoaka amin'ny lamina; raha manao ianareo, amin'izay fotoana izay dia mampiato ianareo ary ianareo dia—mampalahelo ny Fanahy Masina amin'ny hafatra izay mivoaka ianareo.

325 Teto vao tsy ela akory izay, tao amin'ny fivoriana iray aho teto Washington tany ho any, olona an'arivony maro no nipetraka tany. Ary ny mpikarakara ahy, izay tena mpanazava Baiboly iray, nitsangana teo izy niresaka mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, voahosotra, ny Fanahy Masina no niresaka. Nitsangana ny ramatoa iray ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, dia niandry vetivety fotsiny izy, avy eo dia nanomboka nanohy. Ny Fanahy Masina dia nanomboka . . . nalahelo, afaka nahita an'izany teo anivon'ny olona ianareo. Nanomboka niresaka indray izy, ary nitsangana izy. Hoy izy hoe, "Ranabavy, mipetraha, amin'ny Anaran'ny Tompo." Hoy izy, "Any ivelan'ny lamina ianao." Ary nitondra azy teo ireo mpitoriteny ary nampahafantatra azy.

326 Ankehitriny, inona izany, ao amin'izao tontolo izao ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ao amin'ny fiangonana izy ireo ankehitriny. Ao amin'ny fiangonana ireo fanomezam-pahasoavana, fa mandray an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo ny ankizy madinika mahantra nefa tsy manana ny fampianarana hahafantarana hoe ahoana no hifehezana azy. Raha ratsy fifehy azy ianareo, dia hanao fanimbàna betsaka kokoa noho ny hanao soa ianareo. Hitanareo?

327 Tahaka ny lehilahy iray mivoaka fotsiny, mivavaka ho an'ny marary ary misy olona sitrana, manao hoe, "Ankehitriny, tokony hanome ahy arivo dolara ianao ho an'izany." Ankehitriny, nahavita fanimbàna betsaka kokoa noho ny nanaovany soa izy. Tsaratsara kokoa raha nandroso ilay lehilahy ka maty raha tokony nitondra latsa tahaka an'izany teo amin'ny anton'i Kristy.

328 Ankehitriny, rehefa ianareo . . . Rehefa ilay pasitera na ilay evanjelista, na iza ilay izy, no mitory teny, dia hazòny ny filaminanareo. Paoly no nilaza mba hanaovana an'izany, hitanareo. Ankehitriny, ary avy eo dia hoy izy hoe, "Afaka miteny ianareo rehetra, tsirairay." Tena marina izany. Ary hoy izy hoe, "Tiako mba hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra. Tsara izany."

329 Saingy tsy afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo raha tsy manana ny fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra. Ary tsy isalasalana mihitsy fa misy maro amin'izany fanomezam-pahasoavana izany ato amin'ity fiangonana ity ankehitriny. Misy maro amin'izany fanomezam-pahasoavana izany eto ao amin'ny fiangonana Metodista, misy maro amin'izany eto ao amin'ny fiangonana Batista, raha notoriana fotsiny ilay izy mba ahafahan'ilay fanomezam-pahasoavana handeha hiasa.

330 Ahoana? Raha mametraka voa ao anaty tany ianareo ka tsy mamboly azy, dia inona no hitranga aminy? Hitanareo, handry ao amin'ny vovoka maina izy, ka ho lò; tsy hahavita soa izany. Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia efa tao amin'ny fiangonana foana, fa izao ankehitriny izao vao manomboka milatsaka ny rano, ny orana Pentekotista, mba hanondraka azy ary hitondra voa. Ankehitriny, ampiasao ao amin'ny toerana tsara ilay izy.

331 Ankehitriny, izao no voalaza, eny, mino aho fa teo ilay fanontaniana manaraka, nanontany ilay olona, nanao hoe:

> **Rehefa ny. . . rehefa manao antso eny amin'ny alitara izy ireo?**

332 Tsia, tsy hihevitra aho hoe amin'izany fotoana izany. Raha nahamarika ianareo, ary raiso ny Korintiana ka vakio, ny sasany aminareo eto, raha—raha manana fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra ianareo, amin'izay fotoana izay dia diniho. Ao amin'ny Baiboly, rehefa nanana izy ireo. . . rehefa nifarana ny fotoana, nidina teo amin'ny fiangonana ny fitahian'Andriamanitra, tamin'izay fotoana izay vao nanomboka niteny izy ireo, tamin'izay fotoana izay vao nanomboka nankalaza an'Andriamanitra izy ireo. Ary, amin'ny fotoana rehetra, dia hafatra mivantana ho an'ny olona iray izany. Tsy. . . Tsy maintsy mandinika an'izany ianareo ankehitriny. Hitanareo? Tsy zavatra ara-nofo fotsiny izany. Hafatra iray ho an'ny olona iray izany, ho an'ny olona iray mba hanao zavatra, na zavatra hampandroso ny fiangonana. Ho zavatra hanomezana voninahitra ny fiangonana izany.

333 Teo no nitondran'ny vahoaka Pentekotista latsa ho an'ny anaran'izy ireo. Ilay tena anarana hoe *Pentekosta*, afaka manonona an'izany ianareo fa hiala fotsiny ny olona ka hanao hoe, "Fahadalana," satria efa nahita hadalana betsaka izy ireo; satria, ny olona dia tao anatin'ny fahatsoram-po saingy tsy nampianarina.

334 Hoy i Paoly hoe, "Rehefa tonga any amin'ilay fiangonana Pentekotista any aho," hoy izy, "dia halamiko izany." Tsy maintsy ao amin'ny lamina izany, ary tsy maintsy atao araka ny lamina ny zavatra rehetra, araka ny nandaminan'ny Fanahy mihitsy. Noho izany dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, raha miditra,

ka manomboka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra; ary miditra ny tsy nampianarina, dia hilaza izy hoe, 'Eny, tsy adala ve ianareo rehetra?'; hivoaka."

335 Izany mihitsy no ataon'ny fiangonana Pentekotista. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, tsara kokoa, raha maminany ny iray aminareo ka manambara an'ireo tsiambaratelon'ny zavatra iray, (ny iray aminareo ho mpaminany, amin'ny teny hafa)," hoy izy, "amin'izay fotoana izay dia tsy hiankohoka ve ny olona ka hanao hoe 'Momba anareo Andriamanitra'?"

336 Eny, ahoana no ahafahako handà ny fanomezam-pahasoavan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra nefa aho tsy maintsy handà ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, tsy maintsy handà an'ireo fanomezam-pahasoavana hafa aho? Ankehitriny, ny ankamaroan'ny fiangonana, ireo fiangonana goavana, ny Nazareana, ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, sy ny sisa, mihevitra izy ireo fa raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray dia devoly izy. Fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina izany, izay tsy misy famelàna. Izany no nataon'ireo Jiosy, naneso ny olona nanana ny Fanahy Masina, ary voaheloka sy very, ny amin'izany. Marina! Tsy nilaza ve Jesosy hoe, "Raha miteny teny anankiray manohitra ny Fanahy Masina ianareo, dia tsy ho avela aminareo mihitsy izany amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy"? Noho izany dia mitandrema tsara; raha tsy mahazo ianareo, dia mipetraha tsara.

337 Ary ianareo olona izay manana ny Fanahy Masina ka nantsoina ho amin'ny asa, mpampianatra...Ankehitriny, azonareo eritreretina ve...inty aho mitsangana eto miezaka mampianatra, ary indro mitsambikina ny lehilahy iray, eo anilako, ary manomboka mampianatra amin'ilay fotoana iray ihany mihitsy, mitsangana ny lehilahy iray hafa eto mihira hiran-jobily? Eny, fifanjevoana iray toy ny inona!

338 Eny, tahaka an'izany ny mikasika ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Aoka ho tonga araka ny lamina ilay izy, arak'izay hanomezan'ny Fanahy azy fotsiny, dia afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo.

339 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, tsy afa-manoatra aho."

340 Oh, eny, afaka ianareo! Nilaza i Paoly fa afaka ianareo. Hoy izy hoe, "Raha misy iray aminareo, eo anivonareo, izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ka tsy misy mpandika, dia aoka izy hihazona ny filaminany." Tsy mampaninona na impiry izy no te-hiteny, hazòny ny filaminanareo. Fanomezana iray izany, rahalahy. Izaho—mivavaka aho, Andriamanitra anie hamela ahy hanana fifohazana iray eto indray andro any mba hahafahantsika miditra ao amin'ireo zavatra ho anareo, hitanareo. Izay ahafahanareo hahita fa fanomezana iray izany, ary io fanomezana io dia te-hiasa foana. Hitanareo? Saingy tsy

maintsy manana ny fahendren'ny Fanahy Masina ianareo eto mba hahafantarana hoe rahoviana sy ahoana no hampiasana an'io fanomezana io. Ary izany . . .

341 Hoy ianareo hoe, "Eny, voninahitra ho an'Andriamanitra, ny Baiboly dia nilaza fa rehefa tonga ny Fanahy Masina dia tsy mila mpampianatra iray ianareo. Izy Tenany no Mpampianatra." Oh, rahalahy, ahoana no ahafahanareo ho tena kely mba hamaky ny Sorat- . . . Nahoana ny Fanahy Masina no nametraka mpampianatra tao amin'ny fiangonana, arak'izany?

342 Hoy ianareo hoe "Tsy mila manana olona hampianatra ahy aho. Ny Fanahy Masina no mampianatra ahy." Mampianatra Izy, amin'ny alàlan'ny mpampianatra iray. Nametraka mpampianatra Izy tao amin'ny fiangonana.

343 Hoy izy hoe, "Mpampianatra ve ny rehetra, apostoly ve ny rehetra, fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana ve ny rehetra?" Ny Fanahy Masina no nametraka an'ireo zavatra ireo ao amin'ny fiangonana, ary Izy no mampiasa azy rehetra, ary ny tsirairay amin'izy ireo dia miasa araka ny lamina.

344 Ankehitriny izany dia tahaka ny tongotro fotsiny; hoy ny iray amin'izy ireo hoe, "Handeha amin'*ity* làlana ity aho," hoy ilay iray hafa hoe, "Hiverina amin'*ity* làlana ity aho." Ankehitriny, inona no hataonareo? Hoy ny tànana hoe, "Hiakatra aho," ary ny iray hafa handeha hihodina amin'ity làlana ity. Karazana endrika inona no hidiran'ilay vatana? Hitanareo?

345 Fa, ankehitriny, raha hoy ny saina eto hoe, "Ry tongotra, mandrosoa, ianareo roa. Ry tànana, mandehana ianao miaraka amin'izy ireo. Ry loha, mijanòna mahitsy ianao. Ry sandry, manaova tahaka an'izany ianareo," ny zavatra rehetra mandeha amin'ny firindrana. Ankehitriny, rehefa tonga teo aho, dia tsy nampiasa ny sandriko. Ankehitriny, ny tongotra no nanao ny adidiny, ny pasitera nijanona tsy nitory; ankehitriny, ry sandry, ataovy ny adidinao. Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako lazaina?

346 Eny, ahoana moa raha nitsotra tahaka an'*izao* ireo sandry hoe, "Oh, aiza no misy azy? Aiza no misy azy?" ary ny tongotra mitory teny? Hitanareo, tsy mbola eo ianareo. Hitanareo, hazòny ny filaminanao, ry sandry; ho tonga ny fotoana hampiasana anao afaka kelikely; miandrasa mandra-pahatonganao eo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Izany ilay fanomezana, izany ilay fanomezan'ny Fanahy miasa.

347 Tiako ny Tompo. Ary ianareo? Amena. Henoy, zavatra iray no fantatro izay azoko lazaina ho anareo, azo antoka fa manana faharetana ianareo; amin'ny folo mahery roapolo minitra. Ankehitriny, ry sakaiza, jereo eto tahaka an'izao ankehitriny. Izaho . . . Ity no tsara indrindra amin'ny fahalalako. Tsy maintsy mandeha haingana hahavita andiany goavana iray amin'izy ireo tahaka an'izao aho. Raha izaho . . . Raha tsy mifanaraka amin'izany ianareo, dia aza mifamaly amiko. Aoka

ho rahalahiko ianareo, hitanareo. Tiako ianareo, ary milaza an'ireto zavatra ireto fotsiny aho satria izany no ao am-poko. Izany no inoako, ary tahaka an'izany no anazavako azy, ary tahaka an'izany no itondrako azy, dia avy amin'ny Baiboly.

348 Ankehitriny, raha hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, tsy tahaka an'izany mihitsy no inoako azy." Ho mety tsara tanteraka izany, hitanareo. Tsy hieritreritra fahasamihafana mihitsy isika, handroso avy hatrany isika amin'ny maha-mpirahalahy sy mpisakaiza.

349 Ary—ary raha hoy ianareo hoe, "Eny, izaho—mino aho fa raha mikambana amin'ny fiangonana Metodista na fiangonana Batista aho, dia ho voavonjy aho na ahoana na ahoana." Eny àry, rahalahy, mety tsara tanteraka izany. Mbola miantso anareo foana aho hoe "ny rahalahiko," satria mino an'i Jesosy Kristy ianareo. Hitanareo? Marina izany. Noho izany dia ho mpirahalahy sy mpisakaiza isika na izany aza.

350 Fa mametraka fotsiny ho an'ity fiangonana ity aho, amin'ity andro vitsy eto ity, ny Foto-pampianarana izay tohanan'ity fiangonana ity. Hitanareo? Izany no tohanan'ny fiangonana! Ary raha misy diakona iray eto izay tsy mino ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, sy ny batisan'ny Fanahy Masina, na ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy izay efa voaseho, izany diakona izany, eto mihitsy raha mbola mitsangana eto aho, dia tsy mendrika ny ho ato amin'ny fiangonana mandra-pahitsiny. Marina tokoa izany. Ary ny komity dia tokony hijery an'izany. Marina tokoa! Tsy fehezin'ny diakona ity fiangonana ity; ity fiangonana ity dia fehezin'ny Baiboly sy ny Fanahy Masina, irery ihany. Eny, tompoko. Ankehitriny, noho izany ireo zavatra ireo, mino izahay fa izany no Foto-pampianaran'ity fiangonana ity.

351 Tsy manana maha-mambra mihitsy izahay. Tsy misy mambra iray eto, fa ny olona rehetra izay tonga dia mambra iray, satria mino izahay fa isika rehetra dia mambran'ny Vatana anankiray amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina.

352 Ary manesika anareo izahay, ry rahalahy na anabavy Kristiana malalako, mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ka handray ny Fanahy Masina. Raha efa nandray ny Fanahy Masina ianareo, rehefa avy natao batisa tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina, dia Andriamanitra hitahy anareo! Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, inona no tokony hataoko mikasika an'izany?" Voavaly ilay fanontaniana. Afaka milaza tahaka an'izay nolazain'i Paoly fotsiny aho hoe, tsy maintsy averina atao batisa ianareo!

353 Ankehitriny, jereo eto, Asa. Ndao vakiana izany, Galatiana 1:9. Raiso naoty izany, ianareo izay manoratra azy. Nilaza i Paoly, ity lehilahy iray ihany ity izay nilaza an'izany, izy no nampianatra an'io zavatra io. Mino an'izany ve ianareo ankehitriny? Marina ve izany? Niteny tamin'izy ireo i Paoly fa

tsy maintsy naverina natao batisa indray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo. Ary hoy i Paoly hoe, "Raha Anjely avy any An-danitra . . ." Galatiana 1:8, "Raha misy Anjely avy any An-danitra hampianatra anareo zavatra hafa ankoatran'Ity, dia aoka izy ho voaozona aminareo." Raha arseveka iray izy, raha papa iray izy, raha mpitoriteny iray izy, raha mpaminany iray izy, raha reverà iray izy, raha Anjely iray avy any An-danitra, na mety ho iza izy, hoy izy hoe, "Raha mampianatra zavatra hafa ankoatran'Ity izy ireo, dia aoka izy ho voaozona aminareo!" Marina ve izany? Ary naveriny indray izany, hoy izy, "Araka ny efa nolazaiko, dia lazaiko indray hoe: Raha mampianatra zavatra hafa afa-tsy Ity izy ireo, dia aoka izy ho voaozona!" Marina ve izany?

354 Noho izany dia ny Tompo hitahy anareo. Namaky an'izany avy tao amin'ny Teny aho, ary raiso ny fanapahan-kevitrareo.

355 Ankehitriny dia firy ankehitriny no tia an'ilay hira fahiny tsara:

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
Ka avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

356 Te-hanontany zavatra aminareo aho, ianareo ato amin'ity fiangonana ity. Amin'ny maha-olona iray eo am-pahafatesana mitory amin'ny olona eo am-pahafatesana, mahafantatra fa mety ho ity no toriteny farany izay hany toriako; ary miezaka aho ny mitory ny toriteny tsirairay izay toriako, toy ny hoe izany no ahy farany, amin'ny maha-olona eo am-pahafatesana amin'ny olona eo am-pahafatesana. Ankehitriny dia manontany anareo aho, ry rahalahiko, sy ny mpiray tanindrazana amiko an'ity fikambanana sy firenena ity, mahatsapa marina tokoa ve ianareo fa mila fandehanana akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra ianareo aorian'ireto fivoriana ireto? Andriamanitra hitahy anareo! Izaho amin'ny maha . . . rahalahinareo, miresaka aminareo, ny fivavako tsopo dia, ho anareo, ny mba hahazoanareo an'izany fandehanana akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra izany.

357 Ary enga anie, amin'ny Andron'ny Fitsarana, rehefa ireto hariva izay nitoriako teny ireto, hisy tahaka ny—tahaka ny fandraisam-peo lehibe iray halefa amin'izany Andro izany, ka hivoaka ny feoko, ary tsy maintsy hitsangana eo aho ka hanao tatitra iray, satria ireo teniko dia na hitahy ahy na hanameloka ahy amin'izany Andro izany. Ary izany no teniko nandritry ny roapolo taona mahery, raha mbola zazalahy kely iray teo amin'ny roapolo taona, nitory ny Filazantsara, ary dimy amby efapolo

aho ankehitriny, ary tsy nanova an'izany mihitsy aho na kely aza, satria tsy afaka hanova an'izany aho raha mbola mijanona tahaka an'izany foana ny Baiboly.

358 Efa natsatoko tao amin'ireo eveka sy ny zavatra hafa rehetra Izany, ary mbola tsy nahita anankiray mihitsy aho afaka niteny nifanohitra tamin'Izany, araka ny Teny. Hoy izy ireo... Eny, ankehitriny, izaho... Ity pretra ity, teto andro vitsy lasa izay, hoy izy hoe, "Rev. Branham, tsy mandray ny Baiboly izahay; ny fiangonana no izy, aminay." Noho izany dia tsy afaka miresaka amin'io lehilahy io ianareo. Fa raha manao an'izany hifototra amin'ny Baiboly ianareo, dia hafa izany. Hitanareo?

359 Mivavaka aho mba Andriamanitra no... Ny tsirairay avy amin'ireo sakaizako Katolika ato, ary ny tsirairay avy amin'ireo sakaizako Protestanta, ary na dia... Izy ireo dia tsy intsony... Raha misy... Izaho—tiako fotsiny ny tsirairay avy aminareo. Ary Andriamanitra no mahafantatra na marina izany na tsia. Diniho ao amin'ny laharam-bavaka, rehefa ny jamba—jamba sy mandringa, Izany tsy milaza hoe, "Katolika."

360 Indro misy lehilahy mipetraka eto amin'ny lamp-... eto mihitsy, Katolika iray, teo am-pahafatesana tamin'ny homamiadana, lany tanteraka; tonga tany an-tranoko izy, ary tonga teo aminy ny Fanahy Masina, nanasitrana azy tamin'io homamiadana io. Tsy niteny taminy mihitsy Izy na Katolika izy na tsia; tsy niteny teny iray taminy mihitsy aho. Tonga teo izy, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ary nandray ny Fanahy Masina. Mipetraka eo mihitsy ilay lehilahy, mpandraharaha iray any Louisville. Hia. Hitanareo?

361 Tsy manontany Izany na Katolika ianareo na tsia. Izany dia raha noana an'Andriamanitra ny fonareo. "Sambatra izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no hovokisana." Marina ve izany? Amena. Ny Tompo hitahy anareo.

362 Firy no mahafantatra an'ity hira fahiny tsara ity, *Isaorana Anie Ilay Tady Izay Mamatotr*a? Firy ny olona mihoatra ny efapolo taona eto, atsangano miaraka amiko ny tànanareo, ka manaova hoe, "Tsaroako ilay hira fahiny, efapolo taona izay, *Isaorana Anie Ilay Tady Izay Mamatotra*"?

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
Ny fontsika amin'ny fitiavana Kristiana;
Ny fiombonan'ny fisainam-pihavanana
Dia mitovy amin'ilay any Ambony.

363 Tsy tianareo ve ireo hira fahiny? Henoy, te-hilaza an'ity aho, raha nanana betsaka kokoa an'ireo hira fahiny ireo isika raha tokony ho betsaka amin'io hadalana izay tena ananantsika io, dia mino aho fa ho tsara kokoa ny fiangonana. Tiako ireo hira tsara, fahiny izay nosoratan'ny Fanahy Masina.

364 Ireo an'ny andro fahiny, tsaroako taloha, lehilahy antitra mainty hoditra iray, nipetraka tao ambadiky ny trano taloha,

tany amin'ireo tendrombohitr'i Kentucky. Rehefa reraka izy, dia nipetraka teo ambonin'ilay vatan-kazo tranainy—tranainy ary nikapoka ny tànany teo amin'ny vatan-kazo. Tsaroako mihitsy koa izy, nanana sisim-bolo kely fotsy nanodidina ny lohany. Hihira an'ity hira fahiny ity izy, hira fahiny iray:

> Hitsangana aho ka hankany amin'i Jesosy,
> Hamihina ahy amin'ny Sandriny Izy;
> Eo an-tsandrin'ny Mpamonjy malalako,
> Oh, misy hatsarana iray alina.

365 Tsy be feon-kira amin'izany. Firy no efa mba nandre an'izany hira fahiny izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oadray! Mahafinaritra izany. Henoy . . .

54-0515 Fanontaniana sy Valiny
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org